FOMBA NIAINGAN' NY SOSIALISMA

NINA KOUFAKOVA

Fitantanam-panjakana sovietika nandritra ny fotoana teteza-mita

Edisiona «Progrès»

FOMBA NIAINGAN' NY SOSIALISMA

NINA KOUFAKOVA

Fitantanam-panjakana sovietika nandritra ny fotoana teteza-mita

Edisiona «Progres»
Mosko

Mpandika: Rakotondrazaka Fidison

Нина Куфакова

ОРГАНЫ СОВЕТСКОГО ГОСУДАРСТВЕННОГО УПРАВЛЕНИЯ В ПЕРЕХОДНЫЙ ПЕРИОД

На малагасийском языке

Fanazavana fohifohy momba ity boky ity

Ny fananganana ny sampan-draharaham-pitantanam-panjakana, ny fandraisan' ny fanjakana an-tànana ny banky, lalamby, orinasa vaventy ary ny fananan-tanin' ny tompomenakely no nahazoana nanomboka ny fanorenana ny toekarem-pirenena karazana vaovao miorina amin' ny fototra sosialista. Voaseho ny fomba nahatanterahana ny fanovàna, izay nahazoana nanapotika ny hery ara-toekaren' ny "bourgeoisie" sy nahazoan' ny fitondrana Sovietika nitantana tanteraka ny toekarena ao anatin' ity bokikely ity.

©Edisiona "Progrès",
Mosko, 1986

Natonta teto amin' ny Firaisana Sovietika

К $\frac{0505030103-334}{014\,(01)-86}$ 262–86

SASIN-TENY

Nametraka ny adidy ara-pratika ny fananganana ny fanjakana proletariana sy ny milim-pitantanam-panjakana, ny Revolisiona sosialista lehibe tamin' ny volana Oktobra. Tena asa goavana tamin' izany noho izy niseho tao anatin' ny fepetra tena sarotra manokana. Nanohitra mafy ary nampiasa ny endriky ny adin-kilasy rehetra: ara-politika, ara-toekarena, ara-miaramila hatramin' ny ady an-trano, ny kilasin' ny tompomenakely sy ny kapitalista voaongana mba hanoherana ny fitondran' ny Sovieta. Nanomboka tao anatin' ny firenena ikambanam-pirenena maro ny fananganana ny fanjakana sovietika vaovao, izay ny tantsaha no tena isan' ny vahoaka maro an' isa ny mponina. Tsy nahay taratasy ny ankamaroan' ny mpiasa maro an' isa. Niseho tao anatin' ny fepetry ny fankahalana ankitsirano nataon' ny fanodidinana ara-kapitalista sy tao anatin' ny faharavana ara-toekarena, nateraky ny fanjakazakana kapitalista sy tompomenakely feno habibiana maharitra ary ny ady imperialista tamin' ny 1914-1918, ny fizotry ny fananganana.

Nohamafisin' ny revolision' ny Oktobra ny endrika vaovaon' ny fitondram-panjakana: Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, tantsaha ary miaramila (na Sovieta). Sovieta – fitondram-bahoaka, araka ny dikan' io teny io tanteraka. Nateraky ny famoronana revolisioneram-bahoaka ny Sovieta, nandritra ny revolisiona "bourgeois" demokratika tao Rosia tamin' ny taona 1905-1907. Nampiasain' ny revolisiona sosialisty ny taona 1917 ho toa ny endri-panjakana ny Sovieta. Nanoratra i V. I. Lénine hoe: "Ny fitondram-panjakana faratampony no Sovieta, izay misy ny solontenan' ny vahoaka mpiasa (mpiasa, miaramila, tantsaha), voafidy malalaka sy azo soloin' ny vahoaka araka ny fotoana izay itiavany azy, ireo no mampiseho ny famahoahan' ny fitondran' ny Sovieta sy ny endriny sosialista"[1].

Misahana ny rehetra ny Sovieta izay toa ny sampam-pitondram-panjakana, miasa hatrany an-tampony ka hatrany amin' ny farany ambany ary manambatra ny rantsan' ny milim-panjakana rehetra ao anatin' ny rafi-panjakana an-dalàna iray.

Nanomboka hatramin' ny kongresy faharoan' ny Sovieta ny fananganana ny milim-pitantanam-panjakana sovietika, izay lasa sampam-pitondram-panjakana faratampony voalohan' ny fanjakan' ny mpiasa sy ny tantsaha voalohany teo amin' ny tantara. Izy

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, boky faha-36, p. 481.

no nanoka-dàlana sy nanitatra ny fivoaran' ny sampam-pitondrana sovietika. Voatsangana ny governemanta sovietika. Voapetraka niaraka tamin' ny fananganana ny governemanta ny foto-pananganana sy ny asan' ny rafitry ny sampan-draharaham-panjakana rehetra hafa: sampam-pitantanana an-toerana sy foibe, sampam-pitsarana, tafika, mpitandro filaminana, ets... Nitsangana teo an-tampon' ny rafitra manontolon' ireny sampana ireny ny Sovieta izay nanatanteraka ny fahefam-panjakana an-toerana sy foibe tamin' ny anaran' ny vahoaka. Niroborobo nifanaraka tamin' ny adidin' ny fanjakana Sovietika ny rafitry ny sampam-pitondrana sy fitantanana, voafetry ny toe-draharaha an-toerana sy ivelany, tamim-pandinihina ny ohatry ny fandrosoana ara-panjakana, ara-toekarena ary ara-piarahamonina.

Niaraka tamin' ny fanapotehana ny milina "bourgeois" Sovietika tranainy ny fananganana ny fanjakana sy ny milim-pitantanany, voaongana ny governemanta vonjimaika "bourgeois", voarava ny tafika tranainy, ny fitsarana tranainy ary ny sampan-draharaham-panjakana an-dalàna "bourgeois" hafa. Asampandravana izany kanefa tsy maintsy nilaina.

Toa ny fepetra manan-danja sy fototra ilaina ho amin' ny fampandrosoana ny fiarahamonina ara-politika sy ara-toekarena ary ara-panolokoloana ny milim-pitantanam-panjakana. Manana fiantraikany eo amin' ny fahombiazan' izany fandrosoana izany, ny laminy, ny endriny ary ny fomba fiasany

sy ny fifandraisany tamin' ny sarambabembahoaka.

Niray hina avy hatrany niaraka tamin' ny governemanta Sovietika ny sarambabembahoaka. Didy hitsivolana revolisionera, izay naneho ny filàna ara-pototry ny mpiasa no tena fitaovan-dehibe nahazoana izany fampitambarana izany. Fitondrana manontolo ho an' ny Sovieta, fandraiketana tsy misy hatak' andro ny fandriampahalemana, fanaraha-maso ataon' ny mpiasa, andro fiasana valo ora, fanomezana tany ny tantsaha — toa ireny ny fitakian' ny vahoaka revolisionera hatramin' ny Oktobra, toa ireny ny didy voalohany sy ny hitsivolan' ny fitondran' ny Sovieta.

Lasa fampaherezana tamin' ny fitarihana ny mpiasa tamin' ny fananganana ny fanjakana proletariana ny didy hitsivolan' ny Oktobra. Notarihiny izy ireny tamin' ny fanatanterahana ny programan' ny Antoko kominista.

Manan-danja ara-tantara ny oha-pananganam-panjakana Sovietika sy ny milimpitantanany.

Toko I

NY FANANGANANA NY MILIMPITANTANAM-PANJAKANA SOVIETIKA

1. Fananganana ny governemanta sovietika

Niditra tao amin' ny tantara ho toa ny androm-pandresen' ny Revolisiona sosialista lehiben' ny volana Oktobra tao Rosia, ny andro faha-25 oktobra (7 novambra amin' ny alimanaka ankehitriny) ny taona 1917. Nandray ny antso "Ho an' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha" nosoratan' ny filohan' ny antoko bôlshevika[1] (kominista) i Lénine, ny kongresy faharoan' ny Sovieta manerana an' i Rosia, izay nivory tamin' io andro io.

"Eo am-pifotorana amin' ny hetahetan' ny sarambabem-bahoakan' ny mpiasa — araka ny voalaza ao anatiny — eo am-pifotorana amin' ny fikomiana mpandresin' ny mpiasa sy ny toby niseho tao Petrograd[2], mandray eo am-pelatanany ny fitondran' ny Sovieta...

Namoaka didy ny kongresy: mifindra eo amin' ny Sovieta ny solombavam-bahoakan'

[1] Nipoitra nandritra ny kongresy faharoan' ny antoko tamin' ny taona 1903 ny anarana hoe: "bôlshevika", rehefa nahazo ny vato maro an' isa ny marksista revolisionera — mpomba an' i Lénine ary ny fahavalony — vitsy an' isa (menshevika). — *Red.*

[2] Petrograd — Leningrad amin' izao fotoana izao, renivohitr' i Rosia tamin' izany fotoana izany. — *Red.*

ny mpiasa, miaramila sy tantsaha, ny fitondrana rehetra...[1]".

Taorian' ny fandresen' ny fikomiana ombam-piadiana ny fananganana ny fanjakana sosialista sovietika, izay ahazoana manapotika ny fanoheran' ny kilasin' ny mpitsentsitra voaongana, manosika ny fanafihana imperialista vahiny, miaro ny zava-bitan' ny revolision' ny Oktobra ary mandamina ny fananganana sosialista no adidy ara-pototry ny revolisiona sosialista.

Nohamafisin' ny fiainana ny fahamarinan' ny fehin-kevitra ara-damin-kevitra marksista-leninista mikasika ny tsy maintsy ilàna ny fanapotehana ny milim-panjakana "bourgeois". Nila fanafainganana ny famahana olana izany adidy izany ny toe-draharaha nisy tao Rosia. Ny fanapotehana ny milim-panjakana tranainy sy ny fananganana ny vaovao no tena zava-dehibe, mifandray ara-pototra amin' ny lafiny rehetry ny fizotra revolisionera tokana.

Vao teo amin' ny ora voalohan' ny revolisiona no efa nametraka ny adidy i Lénine: "Tokony hiasa ho amin' ny fananganana ny fanjakana sosialista proletariana isika eto Rosia manomboka androany"[2].

Ny kongresy faharoan' ny Sovieta manerana an' i Rosia tamin' ny 26 oktobra (8 novambra) no nifidy ny Komity Foibe Mpanapaka manerana an' i Rosia (K.F.M.R.)—

1 V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 35, p. 11.
2 V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 35, p. 3.

sampam-pitondram-panjakana faratampony nandritra ny fotoana teo anelanelan' ny kongresin' ny Sovieta sy ny governemanta Sovietika — Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka (F.K.B.). Nanomboka teo amin' ny fananganana ny K.F.M.R. sy ny governemanta Sovietika ny fanamboarana ny fanjakana sovietika, fanjakana ara-pomba vaovao.

Voatendry ho filohan' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka i Lénine. Ny asany teo amin' io toerana io no mbola nanamafy indray ny fahaizany ara-pandaminana manokana sy ny fahaizany mamaritra marina ny tetika sy ny paika tamin' ny famahana ny olam-pitantanana maro samihafan' ny firenena. V. I. Lénine no namolavola ny fototra ara-damin-kevitry ny fandaminana sy ny fananganana ny milim-pitantanana sosialista sovietika, nanaporofo ny foto-kevitry ny asany ara-pratika. Nodinihiny lalina ny asa momba ny mpiasa nahita fianarana, ny fahaizana mifidy azy ireny sy ny toerany tanany. Notakiany tamin' ny mpiasa ny fahafoizantena ho amin' ny asan' ny vahoaka, ny fatahoran-tody, ny fahaizana ara-draharaha sy ny fahaizana mandamina asa.

Namaritra ny toeran' ny K.F.M.R. ho toa ny sampam-pitondram-panjakana mpanoha lalàna, mpandamina, mpanara-maso nandritra ny fotoana teo anelanelan' ny kongresin' ny Sovieta, ny Lalam-panorenana Sovietika voalohan' ny repoblikan' i Rosia (Repoblika Federativa Sosialist' i Rosia sovietika).

Ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka no tompon' andraikitra teo anoloan' ny K.F.M.R. Io farany io no nanendry sy nanongana ny mpikamban' ny F.K.B., tompon' ny fahefana manamafy, manova na manafoana ny asa rehetra an-dalàn' ny F.K.B. Nanao ny tatitra ara-potoana ny asany teo anoloan' ny K.F.M.R. ny mpikamban' ny F.K.B.

Nandray asa an-dalàna niaraka ny K.F.M.R. sy ny F.K.B. momba ny fanontanian-dehibe mikasika ny raharaham-panjakana. Nahavita asa lehibe tamin' ny fananganana sy ny fampiroboroboana ny sampam-pitantanam-panjakana vaovao ary ny fanamafisana ny fitondran' ny Sovieta teo an-toerana ny K.F.M.R. Nandray toerana lehibe izy teo amin' ny fanalana olana ny fanontaniana ara-pirenena teo amin' ny firenena sovietika. Nisy solontenan' ny firenen-drehetra manerana ny repoblikan' i Rosia tao anatin' io komity io. Voavolavola sy nekena teo ambany fitantanany ny Lalàm-panorenana Sovietika voalohany tamin' ny taona 1918.

Ny F.K.B. no foiben' ny asa maron' ny fitondran' ny Sovieta, sampana foibe manatanteraka ny politika an-toerana sy ivelan' ny fanjakana Sovietika.

Natolotra ny vaomiera nitondra ny anarana hoe: komisarim-bahoaka, ny fitantanana ny sampana manokan' ny fiainam-panjakana. Nisy komisarim-bahoaka 13 tao anatin' ny governemanta sovietika voalohany: momba ny raharaha an-toerana, tany, asa,

raharaha ara-tafika sy an-dranomasina, raharaha mikasika ny varotra sy ny indostria, fampianaram-bahoaka, fitantanam-bola, raharaham-bahiny, fitsarana, voka-pihinana, paositra sy telegrafy, raharaha ara-pirenena, làlam-pifandraisana.

Niasa tamin' ny fiarahana mafy tamin' ny fikambanam-bahoakan' ny mpiasa, tantsaha, miaramila ary mpiasa mpanao raharaha, ny sampam-pitantanana foibe sy ny sampam-pitantanana an-toerana. Noho izany, voatanteraka teo amin' ny fiainana ny hevitra voalazan' i V. I. Lénine talohan' ny Revolision' ny Oktobra tao anatin' ny asa soratra "Ho voatanan' ny bôlshevika ve ny fitondram-panjakana?": "manana avy hatrany "fitaovana mahagaga" isika, *hamafisintsika im-polo* amin' ny hery indray maka ny milim-panjakantsika, fitaovana tsy ananana sy tsy hananan' ny governemanta kapitalista mandrakizay. Raharaha mahagaga — fitarihana ny vahoaka mpiasa... ho amin' ny asa andavan' andron' ny fitantanam-panjakana"[1].

Lasa hery nampihetsika sy foto-kevitry ny asan' ny sampam-pitantanam-panjakana sovietika, ny fitarihana ny mpiasa ho teo amin' ny fitantanana ny fanjakana.

Hita tamin' ireo anaran' ny komisarim-bahoaka ireo fa voatsangana izy ireny araka ny toro-làlan-dehiben' ny asan' ny fanjakana Sovietika vaovao. Tamin' ny manaraka, niova ny isa sy ny asan' ny komisarim-bahoa-

1 V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 34, p. 313.

ka araka ny fanatsarana ny milim-pitantanam-panjakana sovietika sy ny fanamboarana azy nifanaraka tamin' ny adidy ara-politika sy ara-toekarena, nisy teo anoloan' ny governemanta sovietika, nandritra ny vanim-potoana samihafan' ny fandrosoana. Nohavaozina ny komisarim-bahoaka sasantsasany ary naorina ny vaovao. Mbola ho resahintsika eo amin' ny manaraka ny mikasika ny lamina sy ny asan' ny komisarim-bahoaka.

Nivory isan' andro ny F.K.B. tamin' ny novambra 1917 ary nodinihiny isaky ny fivoriany ny olana mikasika ny fananganana sy ny asan' ny sampam-pitantanam-panjakana. Ohatra, nodinihin' ny F.K.B. tamin' ny fivoriana tamin' ny 15(28) novambra, ny olana mikasika ny fananganana ny Filan-kevitra Faratampon' ny Toekarem-bahoaka, (F.F.T.B.) ny fanaraha-masom-panjakana ary koa mikasika ny ho avin' ny Ministeran' ny fitsarana sy ny ati-tany tranainy.

Efa nitarina sahady tamin' ny desambran' ny taona 1917 ny mpikamban' ny F.K.B. Voatsangana ny Filan-kevitra Faratampon' ny Toekarem-bahoaka — foibe ara-toekarena voalohan' ny governemanta sovietika. Voatsangana ny Komisarim-bahoakan' ny fanaraha-masom-panjakana tamin' ny marsa 1918. Komisarim-bahoaka 18 no efa niasa tamin' ny andro nanekena ny Laläm-panorenana Sovietika voalohany (jolay 1918). Voatsangana manokana ho fanampiny, tao anatin' ny F.K.B., ny Komisarim-bahoaka mikasika ny asam-piantohana ara-piarahamonina sy ara-pahasalamana.

Tsy raharaha mora ny fandaminana ny asan' ny komisarim-bahoaka sovietika voalohany satria tsy nisy ny mpiasa manampahaizana. Nampiasaina tao anatin' ny ankabetsahan' ny komisarim-bahoaka ny mpiasan' ny ministera tranain' ny tsar sy ny governemanta Vonjimaika. Nisy anefa ministera vitsivitsy nila fanafoanana, noroahina, araka ny lalàna, ny mpiasany. Toa izany ohatra no natao tamin' ny Ministeran' ny raharaham-bahiny sy ny mpiasany.

Niteny toa izao i Lénine tamin' ny taona 1922 mikasika ny fananganana ny Komisarim-bahoakan' ny raharaham-bahiny: "...ao anatin' ny milim-panjakantsika io milina manokana io. Tsy avelantsika hiditra ao anatin' izy io ny olo-manam-pahefana avy amin' ny milim-panjakana tranain' ny tsar, na iray aza. Mpikambana avy amin' ny kominista no misahana ny milina rehetra manan-danja ao anatiny"[1]. Niditra tao amin' ny milina ara-diplomatikan' ny fanjakana sovietika ny mpiasa sy ny tantsambo, kanefa mbola nanohy niasa tao anatiny ireo diplomaty tranainy vitsivitsy, izay nanaiky ny fitondran' ny Sovieta.

Voatsangana ny Komity mikasika ny raharaha ara-tafika sy an-dranomasina, araka ny efa fantatra, tao anatin' ny sampana voalohan' ny F.K.B. Nampiasainy ny milina tranain' ny ministeran' ny tafika, teo amin' ny fotoana voalohany, ary tamin' ny alàlan'

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 45, p. 361.

izany no nitantanany ny tafika tranainy. Teo amin' ny faran' ny desambra 1917, naka ny toeran' ny Komisarim-bahoaka mikasika ny raharaha ara-tafika sy an-dranomasina izy io, izay mbola nanohy nampiasa nandritra ny fotoana vitsivitsy ny milin' ny ministeran' ny tafika tranainy mandrapitsanganan' ny milim-pitantanana ara-tafika.

Tena sarotra tokoa ny fizotry ny fananganana ny milin' ny Komisarim-bahoakan' ny ati-tany (K.B.A.). Milim-pamoretana raha ny adidiny no jerena, natao hiarovana ny tombontsoan' ny tompomenakely sy ny kapitalista tamin' ny asany, ny milina tranain' ny Ministeran' ny ati-tany. Sampam-panjakana sovietika natao iarovana ny tombontsoan' ny mpiasa sy ny tantsaha ny Komisarim-bahoakan' ny ati-tany. Izany no antony tsy nahazoana nampiasa tao anatiny ny mpiasa ny Ministeran' ny ati-tany. Nilaina tamin' izany ny mpiasa azo antoka, vonona hanao sorona ny revolisiona ary indrindra ireo manam-pahaizana voaomana tsara ara-draharaha. Vitsy ny olona toy izany, raha jerena ny toe-draharaha farany. Tafiditra niasa tao amin' ny Komisarim-bahoakan' ny ati-tany ny mpiasa, ny mpianatra, ny solontenan' ny avara-pahalalana nanaiky ny fitondran' ny Sovieta.

Tena zava-baovao, tsy fantatry ny fanjakana "bourgeois" taloha ny Komisarim-bahoaka mikasika ny raharaha ara-pirenena. Tena zava-dehibe manokana ny dikan' izany sampana izany tao anatin' i Rosia nisy firenena maromaro. Nanao asa lehibe izy tamin' ny fanamafisana ny fitondran' ny Sovieta, tany amin' ny faritany nipetrahan' ny firenena tsy rosiana.

Nanao ny asany nifototra tamin' ny foto-kevitry ny politika ara-pirenen' i Lénine, izay voambaran' ny fanjakana sovietika tao anatin' ny "Fanambarana ny zon' ny vahoakan' i Rosia", voamafin' ny F.K.B. tamin' ny 2(15) novambra 1917, ny Komisarim-bahoaka mikasika ny raharaha ara-pirenena. Izao avy izany foto-kevitra izany: 1) fitoviana sy fiandrianan' ny vahoakan' i Rosia; 2) zon' ny vahoakan' i Rosia amin' ny fahafahana mizaka tena irery hatramin' ny fisarahana sy ny fananganana fanjakana mahaleo tena irery; 3) fandavana ny tombontsoa sy ny faneriterena rehetra ara-pirenena sy ara-pinoam-pirenena; 4) fivoarana malalaky ny firenen' ny mponina vitsy an' isa sy ny vondrona ara-poko mipetraka eran' ny faritanin' i Rosia.

Niantoka ny fitovian-jon' ny firenena sy ny foko ny firenena rehetra, ny fananganana ny fanjakana ara-pirenena sovietikan'ny vahoaka voatsentsitra fahiny ary nitarika ho amin' ny fananganana ny Firaisan' ny Repoblika Sosialista Sovietika ny fanatanterahana ireo foto-kevitra ireo teo amin' ny fiainana.

Teo amin' ny lafiny asa ara-pitantanambola sy findramam-bola taorian' ny Revolision' ny Oktobra no lafiny tena nanahirana mafy indrindra ny fitondran' ny Sovieta. Tena sarotra ny toe-draharaha ara-bola

teo amin' ny firenena, tsy ampy ny fitaovana ara-bola. Nihamafy izany fahasahiranana, noho ny fandavan' ny mpiasa tranain' ny sampam-pitantanam-bola sy ny bankim-panjakana manatanteraka ny didin' ny fitondran' ny Sovieta, nanao danin' ny kibon' ny fananan' ny tranon' ny tahirim-bolam-panjakana sy ny bankim-panjakana tamin' ny fampindramam-bola indraindray kanefa tohànana hitarozaka koa izany indraindray. Nolavin' izy ireny ny fampindramam-bola ny Komisarim-bahoaka na tamin' ny filàna tena maika sy tena lehibe aza, toa izany koa ny fiantohana ny sakafo fihinana ho an' ny mpiady tany amin' ny vava ady. Noheverina ho toa ny sabotazy feno heloka bevava izany fihetsik' izy ireny izany. Saika nitsahatra tsy niasa daholo ny bankin' ny olona manokana. Tonga niasa ny filoha sy ny mpiasan' ny banky kanefa tsy nandray ny mponina. Tsy afaka nandray karama ny mpiasa satria tsy nety nanakalo vola ny "cheques" avy tamin' ny ozinina sy ny orinasa ny sampan-draharahan' ny banky. Tao anatin' izany fepetra izany, nivantana tamin' ny mpiasa salasalany sy madinik' ireny sampan-draharaha ireny ny Komisarim-bahoaka tamin' ny fiantsoana hanampiana ny fitondran' ny Sovieta tamin' ny raharaham-piantohana ny fitaovana ara-bola ilaina ho an' ny fanjakana. Niaraka tamin' izany koa, namoaka didy fitakiana ny famohàna ny banky, ny Komisarim-bahoaka tamin' ny 30 oktobra (12 novambra) 1917. Nilaza tao anatin' izany didy

izany, fa ho tànana am-ponja ny filohan' ny banky ary ho tendrena komisary eran' ny banky rehetra raha tsy hamoha ny banky ary raha handa tsy handray "cheques". Tena tapakevitra sy nahomby tokoa izany fepetra noraisin' ny governemanta izany, noho izy nohamafisina tamin' ny fandefasana eran' ny bankin' ny olona manokana ny mpiambina miaramila mba ho fiantohana ny filaminana.

Niaraka tamin' izany koa, naroso ny fitakiana hanatsaharana ny fitokonan' ny mpiasan' ny tranon' ny tahirim-bola sy ny trano fametraham-bola. Nohazavaina fa tsy mitsinjo ny tombontsoan' ny mahantra sy ny sarambaben' ny mponina, ny mpiasan' ireny sampan-draharaha ireny, noho izany tsy azo ekena ny fampitsaharan' izy ireny ny asany ary manana andraikitra tokony hiasa izy ireny; raha tsy izany, ho tànana am-ponja miaraka amin' ny vava ny filohan' ireny sampan-draharaha ireny.

Azo azavaina toa izao, izany asa feno fitandremana sy feno faharetana ataon' ny Komisarim-bahoaka tamin' ny mpiasan' ny sampam-pitantanam-bola sy fampindramam-bola izany, nihevitra ny fitondran' ny Sovieta fa eo am-pakana an-tànana ny sampan-draharaham-pitantanam-bola sy fampindramam-bola, tokony tsy ho potehina ny milin' ireny sampan-draharaha ireny raha oharina amin' ny sampam-panjakana hafa. Nanazava tao anatin' ny asa soratra "Ho voatanan' ny bôlshevika ve ny fitondran' ny Sovieta?"

V. I. Lénine hoe: "...misy milina ao anatin' ny fanjakana ankehitriny, tena mifandray akaiky manokana amin' ny banky sy ny sendika, milina, izay manatanteraka ho an' ny vahoaka ny asa fanamarinan' isa...". Avy eo izy namoaka fehin-kevitra toa izao: "Tsy azo atao ary tsy ilaina ny fanapotehana izany milina izany. Tokony esorina eo ambany fanjakazakan' ny kapitalista izy io, tokony ho *tapahina*, *tetehina*, *kapaina* miala avy amin' izy io ny kapitalista sy ny kofehi-pamatorany hanjakazaka, tokony *hiondrika* eo ambanin' ny Sovieta proletariana izy io...*Tsy ho tanteraka ny sosialisma raha tsy misy banky vaventy*.

Ny banky vaventy *no* "milim-panjakana", izay *ilaintsika* hanatanterahana ny sosialisma sy izay *alaintsika vonona* eo amin' ny kapitalista, miaraka amin' izany, *fitetehana* fotsiny izay *nosimban' ny kapitalista* tamin' io milina tonga lafatra io sisa no adidintsika, hanamboatra azy ho *vaventy kokoa*, ho demokratika kokoa ary ho eran-tany kokoa. Hifindra fahatsarana ny fahabetsahana. Bankim-panjakana vaventy iray mitambatra avy amin' ny banky vaventy... — izay dia efa sivy am-pahafolon' ny milina *sosialista*. Izay no fitantanam-bokim-bolam-panjakana mitambatra, *fanisan'* ny fanjakana mitambatra ny vokatra sy ny fitsinjarana ny vokatra, izay no azo lazaina fa *andry* iankinan' ny fiarahamonina sosialista"[1].

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 34, p. 307.

Nandray fepetra tapa-kevitra mikasika ny fakàna an-tànana ny banky ny fitondrana sovietika, teo am-panafahana ny fitakiana ara-programan' ny antoko bôlshevika momba ny fandraisan' ny fanjakana an-tànana ny banky ao anatin' ny fepetry ny revolisiona sosialista sy teo am-pandinihina ny fahadisoan' ny "Kaominin' i Paris", izay namela ny banky frantsay teo am-pelatanan' ny "bourgeoisie". Azon' ny herin' ny andiantafika revolisionera ny bankim-panjakana vao teo amin' ny andro voalohan' ny fikomiana ombam-piadian' ny Oktobra.

Nahazoana nametraka ny fanaraha-maso ny rafi-pampindramam-bolam-pirenena, nanatanteraka ny fivezivezem-bola ary indrindra, nampiasa fitaovana ho amin' ny fampiasambolan' ny fanjakana sovietika, ny famindrana ny bokim-panjakana teo am-pelatanan' ny fitondran' ny Sovieta.

Notanterahin' ny didin' ny K.F.M.R. tamin' ny 14(27) desambra 1917 ny fandraisan' ny fanjakana an-tànana ny bankin' ny olona manokana. Voambara toa izany koa ny fibodoan' ny fanjakana irery ny raharaha ara-banky. Notànana an-keriny ny renivola niasan' ny bankin' ny olona manokana tranainy ary natolotra ny bankim-panjakana araka ny didin' ny Komisarim-bahoaka tamin' ny janoary 1918. Natambatra ho iray tamin' ny bankim-panjakana ny bankim-barotra noraisin' ny fanjakana ho bankim-bahoakan' ny repoblika Sovietika.

Lasa fananam-bahoaka itambarana ny banky

tao amin' ny repoblika Sovietika, vokatry ny fanatanterahana ny didy mikasika ny fandraisan' ny fanjakana an-tànana ny banky sy ny fakàna an-keriny ny renivola niasa tamin' izy ireny. Nampiasaina ho amin' ny sosialisma ny milim-panisana tena mandroso sy fitsinjarana, voatsangana tao anatin' ny fototry ny kapitalisma.

Tsy namaha olana fotsiny ny fanontaniana fototra mikasika ny fitantanana ny firenena ny Komisarim-bahoaka sy ny sampam-pitantanana foibe sovietika hafa, fa mbola nandavorary ny fomba sy fitaovana ara-pandaminana tamin' ny asa. Tena nanana ny akony lehibe tokoa ny fitakian' i Lénine nanao hoe: "mianatra mitantana".

Nampiseho ny ohatry ny asan' ny governemanta, nandritra ireo volana voalohan' ny revolisiona, fa tokony hifototra amin' ny olan-dehiben' ny fanjakana mitambatra ny Komisarim-bahoaka, handavorary ny politikam-pitantanam-pirenena ary hampihatra izany politika izany amin' ny fiainana. Nandritra ny asa andavanandron' ny F.K.B. anefa nisy fanontaniana andavanandro ara-damina maro nipoitra foana, ka tsy maintsy nilana fanalana olana haingana ara-potoana. Ireny rehetra ireny no nandrebireby ny F.K.B. nihataka tamin' ny asa fotony.

Voatsangana ny Komisarim-bahoaka kely notarihin' ny filohan' ny F.K.B. tamin' ny faran' ny desambra 1917 mba hanamaivanana ny olana ary hamahana izany haingana kokoa. Izy io no namaha ny olana ambangovangony, izay napetraka ho jerena sy hotapahin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka farany. Nandray andraikitra manokana mikasika ny fanamafisana ny fanatanterahan' ny komisarim-bahoaka ny didy sy ny adidin' ny governemanta, ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka kely.

Ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka kely ihany no mitondra ny fanontaniana mikasika ny lalàna andavanandro, ny fangatahan' ny komisarim-bahoaka momba ny fanontaniana ara-pitantanam-bola sy ny fanontaniana hafa maro samihafa ho dinihina eo amin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka. Mpikambana 6 no tao anatiny: filoha, filoha lefiny ary mpikambana efatra. Entina hodinihina eo amin' ny F.K.B. ny fanontaniana raha misy tsy fifanarahan-kevitra eo amin' ny mpikamban' ny F.K.B. kely. Didy manan-kery toa ny didin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka, ny didin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka kely vita sonian' ny filohan' ny F.K.B.

Noho izany nisy fanatanterahana politika miandalana ho amin' ny fanitarana ny anjara raisina sy fampitomboana ny fahefan' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka, fanafahana azy tamin' ny famahana olana madinika. Natao ny famaritana ny fahefana feno teo anelanelan' ny filohan' ny F.K.B. sy ireo filoha lefiny. Nomena fahefana ireto farany ireto hitarika ny fivoriana ao anatin' ny F.K.B., ary hanao sonia ny didiny. Ankoatr' izany, mandamina ny asan' ny komisa-

rim-bahoaka vitsivitsy, ny filoha lefitra tsirairay avy.

Tafiditra tao anatin' ny andraikitr' izy ireny toa izany koa, ny fandavorariana ny fomba fandraisan' asa vaovao, ny fomba fampitomboana ny fahombiazany, ny fita-diavam-pomba-panaraha-maso mahomby, voavolavolan' ny sampan-draharaha sovietika faran' izay tena tsara indrindra, ary ny fampiarana azy ireny miandalana teo amin' ny sampan-draharaha sovietika rehetra. Napetraka tamin' ny filoha lefitra koa ny andraikitra tamin' ny fandavorariana ny fetran' isan' ny mpiasa, ny fanamarinana ireny fetra ireny tamin' ny asan' ny olana iray — sampana maodely roa na sampan-draharaha, manarak' izany, fanaparitahana ireny fetra tratrarin' ny mpiasa ireny eran' ny milim-pitantanana foibe.

Nivoatra niandalana ny fitakiana ho amin' ny fahaleovantenan-dehibe eo amin' ny asa sy ny andraiki-dehiben' ny komisarim-bahoaka tsirairay avy sy ny filohan' ny sampan-draharaha manokana tsirairay avy.

Nihamafy ny endri-panaraha-maso ny fanatanterahana tamin' asa ny lalàna velona sovietika, ny fandaminana sy ny fanatsorana ny raharaham-pamokarana tany amin' ny sampan-draharaha; nanomboka ny ady tamin' ny birokratisma sy ny fampitarozahana ny raharaha teo amin' ny milim-pitantanana, tao anatin' izany ny fanombohana ny fandraisana ny fepetra mikasika ny famerana ny isan' ny mpiasa tany amin' ny sampan-draharaha.

Tamin' ny taona 1920, nantsoin' ny governemanta ny fivoriam-pandaminana manokana mikasika ny fandinihana ny rafitry ny milin' ny komisarim-bahoaka sy ny fampiasana izany hifanaraka amin' ireo adidy, izay nanomezana andraikitra azy, ary tamin' izany nodinihina koa ny fanontaniana mikasika ny mpiasany.

Nomen-danja lehibe ny lamim-panomanana sy ny fanambarana am-pahibemaso ny taratasy fanamarinana an-dalàna sy ara-panjakana. Nivoaka ny didin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka mikasika an' io fanontaniana io tamin' ny febroary 1918, izay namepetra fa tokony atao ao anatin' ny lisitra mifanaraka amin' izany ny taratasy fanamarinana an-dalàna sy ara-panjakana, avy eo omena ny Sampam-pamolavolan-kevitra an-dalàn' ny Komisarim-bahoakam-pitsarana ka entina hatrany amin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka. Omen' ny sampana ny fehin-kevitra momba ny mahaara-dalàna sy ny fahamarinan' ny hevitra fonosiny isaky ny taratasim-panjakana ary averiny izany lisitra izany na atolony avy hatrany ny F.K.B. Manarak' izany atolotra ny Sampam-panamari-dalàna ny taratasy fanamarinana nekena hatonta ho "Amboarandalàna sy Didin' ny Governemantan' ny Mpiasa sy Tantsaha", ary omena tahirizin' ny Tahirim-panjaka, ny taratasy fanamarinana voalohany.

Didy manan-kery manomboka hatramin' ny fotoana hanambarana azy am-pahibemaso

ao anatin' ny "Gazetin' ny Governemantan' ny Mpiasa sy ny Tantsaha" ny lalàna, didy, hitsivolana rehetra. Manarak' izany, atonta eo amin' ny pejy voalohan' ny gazety rehetra mivoaka eo amin' ny firenena ireo taratasy fanamarinana ireo. Atonta ao anatin' ny gazety an-toerana kosa ny taratasy fanamarinan' ny Sovieta an-toerana.

2. Fiforonan' ny sampam-pitantanana ny toekarem-bahoaka

Tao anatin' ny fananganana ny fanjakana karazana vaovao no efa niseho hatramin' ny dingany voalohany, ny toetra mampiavaka azy: noraisiny teo am-pelatanany daholo ny fitantanan' ny fiainan' ny firenena na ara-politika na ara-toekarena. Ary teto koa no nisokatra tamin' ny hery vaovao ny toerana mpitantana notànan' ny Antoko kominista izay nanome endrika ara-pototra sy siantifika izany fitantanana izany ary nanamora ny fizotry ny fametrahana ny famokarana sosialista.

Tonga teo amin' ny fitondrana ny antoko kominista nanana ny programam-panovàna ara-pototra teo amin' ny lafiny ara-toekarena — teo amin' ny sampan-dehiben' ny tolona ho amin' ny sosialisma. Izay no programa "dingana teteza-mita ho amin' ny sosialisma", natokana ho amin' ny fakàn' ny fanjakana proletariana ny toeram-pibaikoana ny toekarem-pirenena, fanesoram-pananana miandalana

ny mpaka fananana. Izany no antony hatramin' ny andro voalohan' ny revolisiona nampipetraka ny olana hananganana ara-pototra ny sampam-pitantanam-panjakana sovietika vaovao — sampam-pitantanana ara-toekarena.

Noho ny fananany lanja, tena ampahandehiben' ny milim-pitantanana sovietika ireny sampana ireny. Lasa fitaovan-dehibe nandresena ny faharavana ara-toekarena sy fakàna ny toeram-pibaikoana ny toekarena izy ireny. Tsy nanana ohatr' asa tamin' io sampana io ny fanjakana Sovietika, voatery namolavola hevitra vaovao isaky ny fepetra noraisina. Voatsangana ny sampam-pitantanana ara-toekarena voalohany, ary nifanaraka tamin' izany, voavolavola voalohany ny lalàna ara-toekarena sovietika. Imbetsaka no nisy fanamboarana sy fanovàna ny didy sy ny fitsipika ary ny taratasy fanamarinana hafa mba handrindrana ny toekarena.

Ny fametrahana ny fanaraha-mason' ny mpiasa tamin' ny famokarana sy ny fitsinjarana no fepetra manan-danja voalohany tamin' ny fananganana ny milim-pitantana ara-toekarena. Nampiharina tamin' ny alàlan' ny didin' ny K.F.M.R. tamin' ny 14(27) novambra 1917 izy io. Arak' io lalàna io, nampidirina ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa eran' ny orinasan' ny sampana ara-toekarena misy mpiasa tsotra sy mpiasam-panjakana miisa ny olona tsy latsaka 5 na mampiasa vola tsy latsaka 10.000 robla ary nisahana ny famokarana, ny fitahirizana sy ny fivarotana ary fividianana ny vokatra rehetra ary ny

akoran-javatra rehetra.

Tanterahin' ny mpiasa tsotra sy ny mpiasam-panjakana mivantana ny fanaraha-mason' ny mpiasa tany amin' ny orinasa madinika, ary tany amin' ny orinasa lehibe — tamin' ny alàlan' ny solontena voafidy; natsangana ny filan-kevitra an-toeran' ny fanaraha-mason' ny mpiasa tany an-tanàn-dehibe, faritany sy faritra ara-indostria, ary tany amin' ny faritra foibe — Filan-kevitry ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa manerana an' i Rosia. Tsy maintsy tanterahin' ny tompon' orinasa ny fanapahan-kevitry ny sampan' ny fanaraha-mason' ny mpiasa.

Mifototra amin' izao manaraka izao ny lanja ara-tantaran' ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa: tamin' ny alàlan' izy io no nahazoan' ny mpiasa nanamafy ny fitantanana ny toekarena, nahazoana fahaizana tamin' ny fanisana sy ny fitsinjarana ny fitaovan' ny orinasa ara-materialy sy ara-bola, nianatra ny dingana voalohan' ny fananganan-drafitra tao anatin' ny asan' ny orinasa voara-maso. Nandray andraikitra ny sampan' ny fanaraha-mason' ny mpiasa teo anoloan' ny fanjakana tamin' ny fiarovana ny fananam-pirenena, ny fandaminana hentitra ary ny fitsipika tany amin' ny orinasa mba hanohanana ny asany. Fanafoanana ny fanakorontanan' ny kapitalista natao hanajanonana ny fihetsiketsehan' ny fitondran' ny Sovieta no adidy voalohan' ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa mba handrindrana ny fiainana ara-toekarena tamin' ny fototra vaovao. Izay no

sekoly fampianarana ara-pratikan' ny fitantanana ny toekarena sovietika. Nahazoana nanomana ny proletariata hifindra miandalana avy amin' ny faharaha-maso ny fanjarianasa tsirairay avy ho amin' ny fitantanana, ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa. Tsy afa-namaha ny olam-pandrindrana sy ny fandaminana ny toekarena eran' ny firenena anefa ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa. Tena hita mafy anefa ny filàna izany tany amin' ny faritra foibe. Lasa Filan-kevitra Faratampon' ny Toekarem-pirenena (F.F.T.P.) ny sampam-pitantanam-panjakana ara-toekarena toa izany. Nodinihina tsara tao amin' ny sampana faratampon' ny firenena ny volavolan-kevitry ny didy mikasika ny F.F.T.P., neken' ny K.F.M.R. sy ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka tanteraka izany tamin' ny 2(15) desambra 1917. Niteny i V. I. Lénine teo am-pamaritana ny fahamendrehana lehibe ny F.F.T.P. hoe: "Tsy tokony atao ho parlemanta ny Filan-kevitra Faratampon' ny Toekarem-pirenena, fa tokony ho sampana entimiady hanoherana ny kapitalista sy ny tompomenakely ao anatin' ny toekarena toa izao, toa ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka ao anatin' ny lafiny ara-politika"[1].

Nametrahana adidim-pandaminana ny toekarem-pirenena sy ny fitantanàm-bolam-panjakana, fanakambanana ny asan' ny sampandraharaha foibe sy an-toerana, ny F.F.T.P. Arak' izany adidy izany, tafiditra tao amin'

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 35, p. 134.

ny asa iandraiketan' ny F.F.T.P. ny fandavorariana ny fetra tratrarina ankapobeny sy ny planina handrindrana ny fiainana ara-toekaren' ny firenena, lasa sampana foibe faratampony tamin' ny fitantanana ny toekarena ny F.F.T.P., teo ambanin' ny fifehezan' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka sy ny Kongresin' ny filan-kevitry ny toekarem-pirenena manerana an' i Rosia.

Arak' izany, nisy ny famaritana marina ny fahefana feno teo amin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka sy ny F.F.T.P. Raha nisahana ny fanalana olana ny fanontaniana ara-politika, ara-piarahamonina sy ara-panolokoloana ary ara-miaramila ny voalohany, ny faharoa — nandrindra ny fanontaniana ara-toekarena. Tsy naningana izao toe-javatra manaraka izao anefa izany fizaram-pahefana feno izany: afaka manapaka irery mivantana ny fanontaniana ara-toekarena toa ny governemanta, ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka.

Nomena fahefana feno manokana ny F.F.T.P. Nanana fahefana haka an-kery, hanery, haka an-tànana ny fananana, hanery ny fananganana sendika eran' ny sampana samihafan' ny indostria, varotra ary ny fihetsiketsehana hafa teo amin' ny sampam-pamokarana, fisinjarana ary ny fitantanam-bola ara-panjakana.

Teo ambany fahefan' ny F.F.T.P. ny sampan-draharaha rehetra mandrindra ny fiainana ara-toekarem-pirenena. Manana fahefam-panovàna ny fandaminana an' ireo koa

izy raha ilaina izany.

Nampiseho ny fari-dehiben' ny asany ny rafitry ny F.F.T.P. Nanana rantsana sy sampana ny F.F.T.P. An' asa sy mahasahana sampana maro ny sampana: toekarem-panjakana sy ny banky; fitaterana (mizara sampana kely maromaro io sampana io: mikasika ny làlam-be, fitaterana am-piarakodia, lalamby); varotra, fambolena sy fitaovana ilaina, (miaraka amin' ny sampana kelin' ny kôperativa); harem-by ambanin' ny tany sy ny indostriam-by; indostria mpitrandraka sy mpanempo vy; landy; hazo sy taratasy; sampam-pamokarana hafa; fivoriana manokana mikasika ny fiarovana sy ny angovo; ... komity politika ara-toekarena.

Mpikambana ao amin' ny F.F.T.P. ny solontenan' ny K.F.T.P., ny komisarim-bahoaka rehetra ary ny Filan-kevitry ny fanarahamaso ataon' ny mpiasa manerana an' i Rosia. Voasintona teo amin' ny asan' ny F.F.T.P. ny solontenan' ny sampan-draharaha hafa.

Nandray anjara lehibe tamin' ny fandavorariana ny taratasy fanamarinana an-dalàna mikasika ny fandaminana ny fiainana ara-toekarem-pirenena ny F.F.T.P. teo amin' ny asany voalohany indrindra. Ny F.F.T.P. no nandavorary azy ireny irery, na natolotra azy ny taratasy fanamarinana nataon' ny sampan-draharaha hafa, kanefa nentina teo amin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka daholo izy ireny. Izy irery no nanana fahefana handray taratasy fanamarinana an-dalàna mikasika ny fanontaniana ara-toekarena lehibe.

Nofaritan' ny didin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka ny fifandraisan' ny komisarim-bahoaka sy ny Filan-kevitra Faratampon' ny Toekarem-pirenena.

Nitsangana niandalana ny rafitry ny sampan-draharaha ara-toekarena. Raha voatsangana tamin' ny voalohany ny sampan-draharaha foibe: komisarim-bahoaka sy ny Filan-kevitra Faratampon' ny Toekarem-pirenena, tamin' ny dingana manaraka voahevitra ny fananganana ny sampan-draharaham-pitantanana ny toekarena an-toerana.

Sampan-draharaham-pitantanana an-toerana maro no nisahana ny asa ara-toekarena teo an-toerana. Andraikitry ny sampan-draharaham-pitondram-panjakana io asa io teo amin' ny voalohany — Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha; voatsangana teo ambany fiadidiany ny sampana ara-toekarena. Nifandray koa tamin' ireny sampan-draharaha ireny ny sampan-draharaham-panaraha-mason' ny mpiasa an-toerana sy ny sampan' asa, varotra sy indostria, hanim-pihinana ary ny sampan' ny Filan-kevitra hafa.

Ho an' ny sampan-draharaham-pitantanana ara-toekarena an-toerana rehetra, tsy miankina amin' ny filefiny na fanaraha-masony ambany, tsy maintsy ekeny ny didin' ny F.F.T.P. Sampana faratampon' ny fitantanana foibe, manakambana sy mitantana ny asany izy ho an' ireo. Ny Kongresin' ny Filan-kevitry ny toekarem-pirenena manerana an' i Rosia, izay mandinika ny fanontanian-dehibe

ara-toekaren' ny fanjakana mitambatra no tena endri-dehiben' ny fitantanana ny fiainana ara-toekaren' ny firenena. Nodinihina ohatra tamin' ny kongresy voalohany nizotra tamin' ny fahavaratry ny taona 1918, ny toe-draharaha ara-toekarena ankapoben' i Rosia sy ny politika ara-toekarena ny asan' ny F.F.T.P., toe-draharaha ara-bola tao Rosia, ny teti-bolam-panjakana, varotra ivelany, kabary avy any an-toerana. Mbola nodinihina koa tamin' ny kongresy faha-III (janoary 1920, ny fanontanian-dehiben' ny fiainan' ny fanjakana Sovietika tamin' io vanim-potoana io: toekaren' i Rosia Sovietika, ny indostria ara-miaramila sy ny famatsiana ny tafika mena, ny fandaminam-pitantanana ny fiainana ara-toekarena, ny fandaminana asa, ny adidy atao asa ankapobeny, ny toe-draharaha ara-pitaterana farany, mikasika ny angovo ets... Saika voadinika tamin' ireny kongresy ireny ny olan-dehibe rehetra, izay niainan' ny firenena nandritra izany fotoana izany.

Voaporofo ny fahamaroan' ny sampampitantanana ny toekarena an-toerana teo amin' ny taona voalohany niainan' ny governemanta vaovao. Voafindra teo an-toerana ny lakam-pitantanana ny toekarena. Nandritra izany vanim-potoana izany — vanim-potoanan' ny fitsofohana vahiny sy ny ady an-trano — tafasaraka matetika ny faritra sy ny faritany mitokana, ary voatery nandrindra irery ny toekarena an-toerana ny tsirairay avy. Voatery niantoka irery ny

fototra ara-bolan' ny asany ny sampan-draharaha an-toerana, nandrindra irery ny vola niditra, nanangana irery ny hetra sy ny fitia tsy mba hetra an-toerana isan-karazany. Azo hazavaina amin' ny anton-toe-javatra maro izany: voalohany, tsy nanaparitaka ny fitondran' ny Sovieta ny sampan-draharaham-pitantanana foibe nandritra ny fotoanan' ny ady; faharoa, tsy ampy fitaovana ara-materialy sy ara-bola ny fitondran' ny Sovieta ary natokany tamin' ny fiarovany ny revolisiona proletariana aloha izany. Niaka-danja ny toerana notànan' ny sampan-draharaham-pitondrana sy ny fitantanana an-toerana tao anatin' ireny fepetra ireny. Matetika izy irery no solontenan' ny fitondran' ny Sovieta tany an-toerana ary noraisiny teo am-pelatanany ny fitantanana ny toekarena an-toerana rehetra.

Nanamafy ny filàna ny fampivoarana ho amin' ny ho avy ny fitantanana ny toekarena an-toerana, nifototra tamin' ny fitarihana goavana ny sarambabem-bahoaka ho amin' ny fitantanana, ny oha-pananganana ara-toekaren' ny taona voalohany taorian' ny revolisiona.

Natsangana ny filan-kevitry ny toekarem-pirenena eo amin' ny faritany taoriana kelin' ny fananganana ny F.F.T.P., mba handaminana sy handrindrana ny fiainana rehetra ara-toekaren' ny faritra ara-indostria (faritany) mba hifanaraka tamin' ny tombontsoa ara-panjakana mitambatra sy an-toerana. Raha ny tena marina filan-kevitry ny toekarena

ara-paritany izy io toa ny sampan-draharaha an-toerana mikasika ny fandaminana sy ny fandrindrana ny famokarana. Nanambatra velaran-tanin' ny faritany maromaro ny filan-kevitry ny toekarena, toy ny mahazatra. Teo ambany fifehezana roa miantoana ny filan-kevitry ny toekarena: raha jerena midina, miasa eo ambany fitantanan' ny F.F.T.P., raha jerena mahitsy, miparitaka eo amin' izy ireny ny fanaraha-maso ankapobeny ataon' ny sampan-draharaham-pitondrana an-toerana — Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha.

Voatsangana tamin' ny fototra demokratika malalaka ny filan-kevitry ny toekarena eo amin' ny faritany. Tafiditra tao anatiny ny solontenan' ny : a) sendika sy komitin' ny fanaovan-taojavatra sy ozinina, b) Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha, d) fitantanan' orinasa ara-teknika, ara-pitantanan-draharaham-panjakana ary ara-barotra.

Niankina tamin' ny finiavan' ny sampan-draharaham-pitondrana an-toerana izany hoe Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha, ny fananganana ny filan-kevitry ny toekarena tamin' ny ambaratonga ambanin' ny fitantanana an-toerana (teo amin' ny ambaratongan' ny faritany sy faribohitra).

Amin' ny ankapobeny, toa ny ampahany nanan-danjan' ny milim-pitantanana nandritra ny fotoana teteza-mita, ny rafitry ny filan-

kevitry ny toekarena. Nanana asa goavana tamin' ny fandraisan' ny fanjakana an-tànana ny indostria, ny F.F.T.P. sy ny sampan-draharahany an-toerana, ary nametraka ny foto-pandaminana ny toekarem-pirenena araka ny foto-kevitra sosialista. Nisy hatramin' ny taona 1932 ny F.F.T.P. sy ny filan-kevitry ny toekarena an-toerana.

Ny fanontaniana mikasika ny fiarahana sy ny fanatambaram-pitantanana no tena sarotra sy niandian-kevitra be teo amin' ny famolavolana ny endrika sy ny fombam-pitantanam-panjakana sovietika, indrindra fa teo amin' ny lafiny ara-toekarena.

Efa nisy hatramin' ny andro nitsanganany ny fiarahana sy ny fanatambaram-pitantanana, izay toa ny fombam-pitantanana ny milim-pitantanam-panjakana sovietika. Voadinika antsipiriany ao anatin' ny asa soratr' i Lénine sy ny tahirin-taratasin' ny antoko, ny foto-kevitra fonosin' izy ireny.

Nidika toa izao ny fiarahana fikambanan' olona, fiarahan' olona voatendry, filan-kevitry ny komity mpitantana no mitarika ny sampan-draharaham-panjakana. Nidika toa izao ny fanatambaram-pitantanana: olona tokana — filoha no mitantana. Dinihin' ny daholobe miaraka ny fanontaniana rehetra ao anatin' ny sampan-draharaham-piarahana, filoha tokana kosa no manapaka ny fanontaniana ao anatin' ny fanatambaram-pitantanana, izy no mandray ny andraikitra rehetra amin' ny asan' io sampana voatondro io.

Nisongadiny eran' ny sampan' ny milim-

pitantanana rehetra ny fiarahana nandritra ny volana voalohan' ny revolisiona sosialista. Notantanana tamin' ny fomba feno fiarahana ny komisarim-bahoaka, ny sampan-draharaha foibe hafa, ny orinasa sy ny fikambanana mitokana. Afa-nandray fanapahan-kevitra, nanendry, nandroaka ny mpiasa, ets... ny fiarahana.

Nohamarihin' ny fepetra ara-tantara ny fiarahana malalaka tamin' izany fotoana izany. Niteny i V. I. Lénine hoe: "Tsy inona ny fiarahana fa ny karazana ara-pototry ny fandaminam-pitantanana sovietika, fa toa ny avy tamin' ny tsiry, nilaina teo amin' ny dingana voalohany, rehefa ilaina ny fanamboarana indray"[1]. Tsy ampy ny mpiasa manam-pahaizana eran' ny sampam-panamboarana sovietika rehetra. Tsy nahay taratasy ary tsy nanam-pahaizana mitantana, tamin' ny ankapobeny, ny sarambabembahoaka an-drenivohitra sy ambanivohitra. Ny fiarahana — sekoly fampianarana mitantana. Tena niparitaka manokana izy io teny amin' ny sampan' ny milim-pitantanana an-tenantenany sy ambany. Niteny koa i V. I. Lénine teo am-pitsarana ny fiarahana hoe: "Fara-faharatsiny nanome fandanian-kery lehibe ny fiarahana ary tsy manome fahafaham-po ny hafainganana sy ny fahazavan' ny asa..."[2]. Kanefa tsy afa-nifindra ho tamin' ny lamina tonga saina sy an-tsi-

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 40, p. 76.
[2] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 40, p. 77.

trapo ny mpiasa rehetra, raha tsy nisy ireny endri-piarahan' asa niaraka tamin' ny mpiasa manam-pahaizan' ny milim-pitantanana sy ny mponiny ireny.

Voatsangana ny sampan-draharaham-pitantanan' ny toekarena, niforona ny fototra nametrahana ny fifandraisana marina teo amin' ny fiarahana sy ny fitambaram-pitantanana, tapa-taona taorian' ny fametrahana ny fitondran' ny Sovieta, tamin' ny fotoana nahavitana ny fandraisan' ny fanjakana an-tànana ny orinasa sy ny tany. Nipoitra ny fepetra nahazoana nametraka ny lamina revolisionera hentitra. Tamin' izany fotoana izany efa nahazo fahaizana mitantana voafetra ny kilasin' ny mpiasa; nitombo ny mpiasa manam-pahaizana sovietika tany amin' ny sampam-panaraha-mason' ny mpiasa sy tany amin' ny fiaraham-pifidianana. Tamin' ny voalohany, natomboka tany amin' ny fitaterana an-dalamby ny foto-kevitry ny fampitambaram-pitantanana tao anatin' ny fitantanana ny toekarena.

Nomen' i V. I. Lénine tao anatin' ny asa soratra "Adidy maikan' ny fitondran' ny Sovieta" sy tao anatin' ny asa soratra sasantsasany hafa, ny fanaporofoana lalina ny filàna ny fanatambaram-pitantanana tao anatin' ny fitantanana ny famokarana, niaraka tamin' ny fitarihana goavana ny mpiasa ho amin' ny fitantanana. Niteny izy hoe: "...Eo ampametrahana ny endrika toa izao na toa izato ny fifindrana ho amin' ny asa ara-pratika miaraka amin' ny fampitambaram-pitantana-

na, toa izao rafitra izao, izay miantoka bebe kokoa noho ny hafa ny fampiasana farany tena tsaran' ny fahaizan' olombelona sy ny fanamarinana marina ny asa"[1].

Nanery ny fanjakana sovietika hanamafy ny ady hanoherana ny herin' ny fahavalon' ny tolom-piavotana ivelany sy an-toerana, ny fitsofohana ombam-piadiana vahiny sy ny ady an-trano. Mba hanatrarana izany nilaina tokoa tamin' izany ny fitsipi-pifehezam-panjakana hentitra, ny andraikitra manokan' ny mpitarika.

Nisokatra ny ady hevitra mikasika ny fanontaniana momba ny fiarahana sy ny fanatambaram-pitantanana tao amin' ny antoko sy ny sampan-draharaham-panjakana, izay matetika nanana endrika ara-kilasy mafana.

Nofaranan' ny kongresy faha-IX-n' ny antoko tamin' ny taona 1920, ny ady hevitra mikasika ny fiarahana sy ny fanatambaram-pitantanana. Voambara tao anatin' ny fehin-kevitry ny kongresy "Mikasika ny adidy maikan' ny fananganana ara-toekarena", fa fananganana mpitantana mahay, hentitra, mahery fo no adidy fototra amin' ny fandaminana ny fitantanana, ilaina koa ny fampanatonana ny fitantanana ara-indostria ho amin' ny fanatambaram-pitantanana, indrindra fa ny fametrahana ny fanatambaram-pitantanana feno sy tsy iadian-kevitra, eran' ny trano sy toeram-piasana; ny fifindrana ho amin'

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 40, p. 76.

ny fanatambaram-pitantanana ao amin' ny fitantanana ny ozinina, ny sampana antenantenany sy ambonin' ny milim-pitantanandraharaham-pamokarana. Nametraka ny dingana fototra teteza-mita ho amin' ny fanatambaram-pitantanana tanteraka ny kongresy. Nofaritany fa ny fiarahana — ao anatin' ny lalan' ny fifandinihina, fanatambarampitantanana irery ihany — ao anatin' ny fanapahan-kevitra ary ao anatin' ny lalan' ny fanatanterahana azy.

Vao teo amin' ny andro voalohan' ny revolisiona, nametraka ny iray tamin' ireo fanontanian-dehibe mikasika ny fandaminana sy ny asany ny pratikam-pananganana ny sampan-draharaham-pitantanam-panjakana — fananganana sampana an' asan' ny sampandraharaham-pitantanana.

Amin' ny ankapobeny, ara-tsampana ny komisarim-bahoaka voalohan' ny fanjakana sovietika; izany hoe, notanterahin' izy ireo ny fitantanana ny sampana voafaritra. Kanefa nanomboka hiforona niandalana ny milimpitantanan' asa nitantana ny sampana ny fitantanana voafaritra. Isan' ireo sampan' asa ireo ny sampana ara-drafitra, ara-panaraha-maso, ara-panisana.

Tsy nisy sampana, nitantana ny drafitra tao anatin' ny rafitry ny komisarim-bahoaka ara-toekarena voalohany, torak' izany koa ny tao amin' ny F.F.T.P. Kanefa teraka tao anatin' ny fanjakana sovietika hatramin' ny andro voalohan' ny revolisiona ny asa ara-drafitra sy ny singan-drafitra. Notantera-

hina tamin' ny alàlan' ny sampan-draharaha samihafa izany asa izany. Ohatra, naka fepetra mikasika ny fitsinjarana ny fitaovan' ny orinasa ara-materialy sy ara-bola ny sampandraharahan' ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa.

Nitana toeran-dehibe tamin' ny fandaminana ny drafitra ny F.F.T.P. Na dia tsy nanana rantsana ara-drafitra aza tao anatin' ny rafiny, araka ny efa voalaza, nandray andraikitra kosa tamin' ny fandavorariana ny fetra tratran' ny mpiasa amin' ny ankapobeny sy ny drafi-pandaminana ny toekarena izy io. Azo lazaina fa asa ara-drafitra ny asan' ny F.F.T.P. mikasika ny fanatambarana ny sampan-draharaha ara-toekarena. Nanana ny lanjany lehibe tamin' ny fampandrosoana ny asan' ny fametrahana drafitra tao anatin' ny toekarena sovietika ny ohatry ny F.F.T.P.

Nametraka ny "Fametrahana fototra ary ny drafitra ankapoben' ny toekarem-pirenena manontolo sy ny sampana mitokana eran' ny faritan' ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietikan' i Rosia", ny Laläm-panorenana sovietika voalohany (jolay 1918) tamin' ny fananganana ny sampan-draharaha faratampon' ny fitondram-panjakan' ny repoblikan' i Rosia — kongresin' ny Sovieta manerana an' i Rosia manontolo sy ny K.F.M.R. izay no nampiseho fa nihevitra ny asan' ny fanaovan-drafitra ho toa ny asam-panjakana mitambatra, teo am-panakambanana ny tombontsoan' ny "toekarena manontolo" sy ny sampana "manokana", ny fiton-

dran' ny Sovieta. Tsy afaka nampiharina tanteraka tamin' ny fiainana izany foto-kevitra an-dalàm-panorenana izany, tamin' izany vanim-potoana izany, tao anatin' ny faharavàna ara-toekarena lehibe, tsy fahampiampitaovana ara-materialy sy ara-bola, kanefa nanan-danja lehibe izy raha jerena amin' ny maha-programa an' asa azy.

Tao anatin' ny Filan-kevitry ny asa sy ny fiarovana voafaritra koa ny sampana mikasika ny fitantanana ny fananganana ara-toekarena sy ny fiarovana, kanefa efa tamin' ny fomba vaovao, fahefana feno tao anatin' ny lafim-pananganan-drafitra. Noraisin' izy io ny fanekena ny asan' ny sampana tamin' ny lafim-pananganana ara-piarovana sy ara-toekarena, izany hoe, ny fametrahana ny drafitra tokana ara-toekarenan' i Rosia sovietika.

Ny fananganana, tao anatin' ny Filan-kevitry ny asa sy ny fiarovana tamin' ny febroary 1921, ny Vaomieran' ny drafitra ankapobe ara-panjakana — Planim-panjakana (na GOSPLAN) — ho toa ny sampan-draharaham-pitantanana foibe no dingana nanaraka tamin' ny fametrahana ny fampandrosoana ny sampan-draharaham-pananganan-drafitra. Nanana fahefana nifandray nivantana tamin' ny sampan-draharaha foibe sy faratampony rehetra ary ny sampan-draharahan' ny firenena, tao anatin' ny asany, ny planim-panjakana toa ny sampana an' asa. Nilaina izany fahefana feno izany ho an' ny sampan-draharaham-pananganan-drafitra, izy io no fototra ho amin' ny fitantanana ara-poibe ny toekarena.

Tsy ampy iray volana akory taoriana, tamin' ny marsa 1921 araka ny didin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka, natomboka ny fananganana ny vaomiera ara-drafitra tao amin' ny komisarim-bahoaka sy ny sampana hafa. Nanamora ny milim-pitantanana ara-toekarena, nanesotra ny fiarahana miaraka sarisary sy ny tsy fifanarahana tao anatiny, nanome ny fiheverana marin' ny rantsany, ny fananganana ireny vaomiera voatondro ireny.

Arak' izany, niforona tamin' ny taona 1921 ny rafitra tokana ara-poiben' ny sampandraharahan' ny fanamboaram-planina tao amin' ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietikan' i Rosia. Nampiasaina eran' ny repoblika sovietika hafa ny ohatry ny fandaminany sy ny asany ary niforona torak' izany koa ny fepetra ho amin' ny fananganana ny sampan-draharaha ara-drafitra tokana ho an' ny repoblika sovietika rehetra, izay vita taorian' ny fananganana ny Firaisan' ny Repoblika Sosialista Sovietika[1].

3. Fananganana ny sampan-draharahampanaraha-masom-panjakana

Noheverin' i V. I. Lénine ho toa ny adidy lehibe ara-toekaren' ny Filan-kevitry ny

[1] Miresaka an-tsipiriana mikasika ny asa ara-drafitry ny fanjakana sovietika nandritra ny fotoana teteza-mita anatin' ny bokin' i V. Narzikoulov "Ny fahaterahan' ny fitantanana ara-planina ny toekarena eto amin' ny Firaisana Sovietika" laharana "Fomba niaingan' ny sosialisma". — *Red.*

solombavam-bahoakan' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha, fiarahamonim-pihinana tsirairay avy, komitin' orinasa sy fanaovan-taozavatra tsirairay avy sy sampan-draharahan' ny fanaraha-maso ataon' ny mpiasa amin' ny ankapobeny, ny fanisana sy ny fanaraha-maso. Nohamafisiny fa: "...fanisana sy fanaraha-maso manenika ankapobeny, eran-tany — fanisana sy fanaraha-maso ny hamaroan' ny asa sy ny fitsinjarana ny vokatra — ao anatin' ireo ny *fototry* ny fanovàna sosialista, rehefa voatsangana sy azo antoka ny fanjakazakana ara-politikan' ny proletariata". Niteny i V. I. Lénine, teo am-pivantanana tamin' ny mpiasa sy ny tantsaha, hoe: "Tano *samirery* ny fanisana sy ny fanaraha-maso ny famokarana sy ny fitsinjarana ny vokatra — ao anatin' ireo, ao anatin' ireo tokana ny làlana ho amin' ny fandresen' ny sosialisma..."[1].

Ny Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, miaramila sy tantsaha, toa ny sampam-pitondram-panjakana faratampony no sampana fototra ara-panaraha-maso.

Nanan-danja lehibe ny fanaraha-maso nataon' ny mpiasa nandritra ny volana voalohan' ny revolisiona sosialista. Kanefa nilaina ny milina manokan' ny fanaraha-masom-panjakana. Isaky ny dingana samihafan' ny fanangana sosialista, niova araka ny adidy nisy teo anoloan' ny firenena tamin' ny vanin' andro toa izao, na toa izao ny asa sy ny endriky ny

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 35, p. 199-200.

fanaraha-masom-panjakana, niova torak' izany koa ny rafi-pandaminan' ny sampan-draharaham-panaraha-masom-panjakana.

Nanomboka niasa tamin' ny marsa 1918 ny milim-panaraha-masom-panjakana sovietika, rehefa voatsangana ny Komisarim-bahoakan' ny fanaraha-masom-panjakana. Voafaritra toa izao manaraka izao ny adidiny: fanaraha-masom-panjakana no manara-maso ny maha-ara-dalàna, ny fahamarinana, ny toe-tsaim-pandaminana sy fitsitsiana ary ny fampiasana ny fivezivezin' ny renivolam-pirenena ara-bola sy ara-materialy sy ny fitahirizana ireny vola ireny, manome ny fehin-kevitra mikasika ny volavolan-kevibolam-panjakana sy an-toerana miditra sy lany (izany hoe ny teti-bolam-panjakana sy an-toerana) ary mikasika ny soson-kevitra ara-pitantanam-bola sy ara-toekarena, mandamina ny fanisana isan-taona mikasika ny fivezivezem-bola voamarika sy ny vokatry ny asam-panaraha-masom-panjakana. Nidika izany fa tena niompana teo amin' ny lafin' ny asa ara-pitantanam-bola ny sampam-panaraha-maso.

Raha nandritra ny taona voalohan' ny fitondran' ny Sovieta ka tafasaraka tamin' ny teti-bola ny sampana an-toerana ary tsy nitambatra tao anatin' ny rafi-teti-bola tokam-pirenena io farany io, nandray andraikitry ny fanaraha-maso kosa nifanaraka tamin' izany, ny fanaraha-masom-panjakana mikasika ny asan' ny milim-pitantanana ara-poibe sy ny sampana an-toerana ary ny

sampan-draharaha.

Niompana tamin' ny asan' ny sampana foibe sy ny sampan-draharaha ny sampam-panaraha-masom-panjakana. Fananganana ny sampana ara-panaraha-maso, fanaraha-maso ny asany, famolavolana fitsipika sy toro-làlana tamin' ny fanaovana ny fanaraha-maso, fampianarana tamin' ny fanazarana tokana mikasika ny tatitra momba ny fandaniam-bola sy fanisam-bola ets no iray tamin' ireo adidiny lehibe.

Niforona teo an-toerana ny sampam-panaraha-maso — fiarahana ara-panaraha-maso, voafidin' ny sampan-draharaham-panjakana an-toerana.

Ny Komisarim-bahoakan' ny fanaraha-masom-panjakana no nitantana ny rafitry ny sampana ara-panaraha-mason' ny firenena rehetra. Teo am-pelatanany daholo ny fitantanana ara-pombam-pandaminana mikasika ny fanontaniana momba ny fanaraha-maso, izy irery no nanana fahefana hamoaka toro-làlana sy lalàna nifanaraka tamin' izany.

Tsy nilefitra teo anoloan' ny Filan-kevitra an-toerana sy ny komitim-panapahany ny sampam-panaraha-maso. Io no nanamafy ny fahafahany sy ny fahaleovantenany; tsy nanaiky ireo fahafahana sy fahaleovantena ireo anefa ny filan-kevitra an-toerana ary notanterahiny ny fitantanana an' izy ireny.

Fanamarinana sy fanisana ny fananam-panjakana no iray tamin' ireo fihetsiketsehan-dehiben' ny Komisarim-bahoaka. Notanterahiny niaraka tamin' ny sampam-panaraha-

mason' ny mpiasa izany asa izany. Ny ady tamin' ny fanamafisana ny fanarahan-dalàna, fanafoanana ny fanararaotam-pahefana tao amin' ny asan' ny sampana manokana sy ny olona mitana andraikitra no toeran-dehibe notànan' ny sampam-panaraha-maso teo amin' ny asany. Nanana endri-panaraha-maso io asa io raha jerena amin' ny lafiny sasantsasany tamin' izany fotoana izany tao amin' ny fanjakana Sovietika, satria tsy mbola nisy sampan-draharaham-pitsarana, tamin' ny taona 1922 fotsiny izany vao nitsangana.

Tafajoro ny fototry ny fanaraha-masom-panjakana sovietika vaovao, voavolavola ny endrika sy ny fomba vaovaon' ny asa ara-panaraha-maso nifototra tamin' ny fitarihana ny sarambabem-bahoaka ho teo aminy, ireo no vokatry ny fananganana ny Komisarim-bahoakan' ny fanaraha-maso ataon' ny fanjakana. Kanefa tamin' ny lafiny iray nampiseho ny toe-javatra tsy nety, izay nitarika ady hevitra lehibe nahatonga ny fanontaniana mikasika ny fanamboarana azy ireny hipetraka, ny fandaminana sy ny asan' ny sampan-draharaham-panaraha-maso nandritra ny taona voalohany niainan' ny fanjakana Sovietika. Fanaovana asa alasafay voafetra, tsy fandraisan' ny sarambabem-bahoaka anjara lehibe tamin' ny asany, ireo no tena hita nisongadina tamin' izany, raha tsy misy ireo anefa, tsy hahomby ny asan' ny sampan-draharaham-panjakana sovietika. Nihasarotra hatrany anefa izany asa izany — niompana hatrany bebe kokoa

tamin' ny fanatanterahana haingana sy ara-dalàna ny didin' ny fitondran' ny Sovieta eran' ny sampan' asa ara-toekarena sy ara-piarovana izany asa izany, — hany ka nilaina bebe kokoa hatrany koa ny adidy fitarihana ny sarambabem-bahoakan' ny mpiasa sy ny tantsaha teo amin' ny raharahan' ny fanaraha-masom-panjakana. Namboarina ny fanaraha-masom-panjakana tamin' ny lohataona 1919.

Natao ny fanambarana ny fanaraha-masom-panjakana tao amin' ny foibe sy tany an-toerana, voatsangana ny sampana mitamba-panaraha-maso sosialista nitondra ny anarana hoe: "Fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tantsaha" (F.M.T.). Nohamafisin' ny didy tamin' ny febroary 1920 ny didy mikasika ny Fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tantsaha. Nahazo satan' ny komisarim-bahoaka izy. Voatsangana ny fiarahana F.M.T. tany an-toerana. Natolotra ny F.M.T. ny fahefana sy ny adidin' ny fanaraha-masom-panjakana, ary mbola nomena andraikitra ambonin' izany izy: fanatanterahana ny fanaraha-maso teo amin' ny sampan-draharaham-pitantanam-panjakana sy ny toekarem-pirenena rehetra, ady tamin' ny birokratisma, fikirakirana taratasy tany amin' ny sampan-draharaha sovietika, fanamafisana ara-pratika ny fanaraha-maso nahazoana nametraka ny fanaraha-maso sy ny famotorana ny sampan-draharaham-pitondrana Sovietika ary koa ny fikambanana ara-piarahamonina, fanaraha-maso ny fampiharana ny lalàna sy ny

didin' ny fitondran' ny Sovieta teo amin' ny foibe sy teny an-toerana; fanaraha-maso ny fanarahana marina ny lalàna; fanaraha-maso ny asan' ny sampan-draharaha rehetra mikasika ny fandraisana ny fitarainana sy ny filazana ary ny fiasan' izy ireny marina.

Nifanaraka tamin' izany, voatsangana tao anatin' ny F.M.T. ny Birao manokana mikasika ny filazana momba ny asa tsy mety, ny fanararaotam-pahefana, fandikan-dalàn' ny olona tompon' andraikitra.

Nandray andraikitra koa ny F.M.T. tamin' ny fandavorariana sy ny fanolorana sosonkevitra azo tsapain-tànana tamin' ny fanatsorana ny milim-pitantanam-panjakana, fanafoanana ny fanaovana alasafay teo amin' ny asa, ny toe-tsaina tsy manam-pandaminana sy fitsitsiana, ny birokratisma, ary toa izany koa ny fanovàna ny rafi-pitantanana rehetra tamin' ny lafiny toa izao na toa izao, teo amin' ny fananganana sosialisma.

Nanana fahefana handray anjara tamin' ny fivorian' ny sampan-draharaham-pitondrana Sovietika rehetra, ka hatramin' ny fivorian' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka sy ny fikambanana ara-piarahamonina, ny mpikambana ao amin' ny F.M.T. Afaka niditra niasa toa ny mpanaraka fanomanana eran' ny sampan-draharaham-panjakana sovietika rehetra izy ireny.

Nanana ny dikany lehibe ny mpikamban' ny F.M.T. Nipoitra avy tamin' ny anarana "Fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tan-

tsaha" ny fotony ara-kilasy. Afaka ho mpikambany daholo ny mpiasa rehetra manan-jo hifidy. Nosinganina ny mpiasa tompon' andraikitry ny orinasa sy ny sampan-draharaham-panjakana sovietika, izay tsy nety hiditra tao amin' ny F.M.T.

Nofidiana teo amin' ny fivorian' ny orinasa na fivorian' ny mpamboly ny mpikamban' ny F.M.T. Toa izany no nahazoana namaha olana iray tamin' ireo adidy — fitarihina ny sarambabem-bahoakan' ny mpiasa ho tamin' ny raharaham-pitantanam-panjakana.

Nanana fifandraisana tsy tapaka tamin' ny F.M.T. ny sendika, toa ny fikambanambem-bahoaka ara-piarahamonina, nomena azy ny fahefana hiantso ny solontenany voafidy teo amin' ny sampan' ny F.M.T. sy manolo azy ireny. Arak' izany toa ny sampana, izay nanatambatra ny fanaraha-masom-panjakana sy ara-piarahamonina ny F.M.T.

Niaina nandritra ny telo taona izany endrikambanana sy fomba fiasan' ny F.M.T. izany. Nanao asa lehibe tamin' ny fanamafisana ny milim-panjakana izy nandritra izany fotoana izany; kanefa niaraka tamin' izany, betsaka tsy ampy sy be diso tao anatin' ny asany. Teo am-pitsarana ny asan' ny F.M.T., nanoratr' i Lénine hoe: "Adidin' ny fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tantsaha — tsy hoe "hisambotra", "hanenjika" fotsiny... fa tokony *babay banitsy*.

Fahaizana manitsy ara-potoana — izay no tena adidy lehiben' ny Fanaraha-mason'

ny mpiasa sy ny tantsaha"[1]. Tsy namaly mandrakariva ireny fitakiana ireny tao anatin' ny asany azo tsapain-tànana ny F.M.T. Nanao fanakianana ny F.M.T. ny fahavalo sy ny mpiasa sovietika marina.

Tao anatin' ireo fepetra ireny, nanoratra asa soratra i Lénine tamin' ny janoary 1923 "Ahoana no fomba handaminantsika ny Fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tantsaha", voalaza tao anatin' izany ny rafi-pandavorariana ny sampam-panaraha-mason' ny firenena. Naroso ny hevitra hanakambanana ny fanaraha-mason' ny antoko sy ny fanjakana, hitarihina bebe kokoa ho amin' ny asany ny mpiasa sy ny tantsaha.

Teo am-panarahana ny foto-kevitr' i Lénine, nandray fanapahan-kevitra hanangana sampana iray mpanara-maso V.F.P. (Vaomiera foibe ara-panaraha-mason' ny Antoko Kominista) — F.M.T. (Fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tantsaha), ny kongresin' ny antoko faha-XII, ary nanery izany hitandro ny firaisan' ny antoko, hanamafy ny fitsipi-pifehezan' ny antoko sy ara-panjakana, hiezaka hanatsara ny milim-panjakana Sovietika. Niforona tao anatin' ny fepetry ny fananganana ny Firaisana Sovietika ny V.F.P.-F.M.T., ary nanjary niasa toa ny komisarimbahoaka mitambatry ny F.M.T.-n' ny Firaisana Sovietika.

Nohamafisin' ny sampam-pitantanam-panjakana faratampony — K.M.F.-n' ny Firai-

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 44, p. 127.

sana Sovietika an-dalàna ny fanapahan-kevitry ny kongresy faha-XII. Nifototra tamin' ny fahefan' ny antoko sy nanamafy niandalana ny fifandraisany tamin' ny sarambabem-bahoaka mpiasa tamin' ny alàlan' ny mpiasa sy tantsaha niasa tao aminy, ny sampana vaovao tao anatin' ny asany. Nanomboka ny dingana vaovao eo amin' ny fampiroboroboana ny fanaraha-masom-panjakana taorian' ny fananganana ny V.F.P.-F.M.T.

Nohamafisin' ny K.M.F.-n' ny Firaisana Sovietika ny didy mikasika ny Komisarim-bahoakan' ny F.M.T.-n' ny Firaisana Sovietika, voafaritra tao anatin' izany ny adidiny manaraka toa izao: fianarana ny milimpitantanam-panjakana mba ahitana ny tsy ampy sy ny fahamendrehan' ny sampana miasa; fampiasana amin' ny fiainana ny fihetsiketsehana ara-pratika mikasika ny fandavorariana ny fihetsiketsehana ara-pratika mikasika ny fandavorariana ny raharaham-pamokarana sy ny sampan-draharaham-panjakana; fitantanana miaraka ny asan' ny sampan-draharaham-panjakana rehetra, mikarakara ny fandinihana ny fandaminana ara-tsiantifika ny asa, famokarana sy teknikam-pitantanana; fanamarinana ny asan' ny orinasam-panjakana sy ara-piarahamonina rehetra sy ny fitambarany ary ny fanatsarana ara-drafitra ny asany mifototra amin' ny materialim-pikarohana sy ny toro-marika ara-tsiansa; fanaraha-maso ny fanatanterahana amin' ny fiainana ny lalàna sy didin' ny

sampan-draharaham-pitondram-panjakana, voalohany amin' izany ny fanatanterahana ny fetra tratrarina, natao hanatsarana ny milim-panjakana; fijerena ny anton' ny heloka bevava sy ny toe-tsaina tsy mahalala filaminana sy fitsitsiana, ady amin' ny risoriso sy ny fandraisan-tsolotra.

Nitatra azo tsapain-tànana ny fari-pahefana fenon' ny Komisarim-bahoakan' ny F.M.T. Nananany ny fahefana nitaky tamin' ny sampan-draharaham-panjakana sy ny fikambanana ara-piarahamonina rehetra, ny fanamarinana, ny fitaovana, ny taratasim-panjakana, ny fanamarinana an-taratasy, ny fanazavana, ny fanisana ary ny taratasim-panamarinana milaza ny asany. Notontosaina ny fiantsoana teo amin' ny Komisarim-bahoakan' ny F.M.T., ny filoha sy ny mpiasan' ny sampan-draharaha teo ambany fanaraha-maso. Tena nahomby izany pratikan' asa izany.

Taty aoriana no tantanan' ny V.F.P.-n' ny Antoko Kominista ny Komisarim-bahoakan' ny F.M.T. Filohan' ny Komisarim-bahoaka koa ny filohan' ny V.F.P.; ny mpikamban' ny V.F.P. no nitarika ny fitantanana, ny sampana ary ny fanaraha-mason' ny F.M.T. Arak' izany, tanteraka ny fitantanana isan' andron' ny antoko tamin' ny sampan-draharaha ara-panaraha-masom-panjakana.

Niasa eran' ny repoblika hafa mpikambana ny V.P. (Vaomieram-panaraha-maso)-n' ny K.B.-n' ny F.M.T. (Komisarim-bahoakan'

ny F.M.T.). Voatsangana ny sampan' ny F.M.T. teo ambanin' ny komity mpanatanteraka nifanaraka tamin' izany.

Nanaovana fanovàna tsy tapaka tao anatin' ny rafitry ny milin' ny Komisarim-bahoakan' ny F.M.T., nateraky ny pratikan' asany sy ny olana ankapoben' ny fanatsarana ny milim-pitantanam-panjakana. Kanefa tsy niova ny foto-kevi-pikambanan' ny V.F.P.-F.M.T. nandritra ny fotoana tetezamitan' ny fitondran' ny Sovieta hatramin' ny 1934, fotoana nanasarahana ny fanaraha-mason' ny antoko sy ny fanjakana.

4. Fananganana ny sampam-pitantanana ara-piraisana sy ara-repoblika taorian' ny fiforonan' ny Firaisana Sovietika

Taorian' ny fananganana ny fitondran' ny Sovieta tao Petrograd nanomboka tamin' ny oktobra 1917 ka hatramin' ny febroary 1918, nitatra eran' ny faritany rehetra an' i Rosia ny fitondran' ny Sovieta, nandresy tany Okraina, Pribaltika, Belôrosia, Azia afovoany ary tany amin' ny faritra hafa. Ankoatr' i Rosia voajoro ny repoblika mahaleotena ara-pirenena sovietika tany Okraina, Latvia, Litva, Belôrosia. Voatery niaro ny fitondran' ny Sovieta tamin' ny fahavalon' ny revolisiona an-toerana sy ny fitsofohan' ny vahiny ny repoblika sovietika rehetra, ary nazava ho azy fa tsy voatanan' ny tsirairay avy tao anatin' ny fitsitokotokoana

ny zava-bitan' ny revolisiona. Izany no nahatonga ny fanontaniana mikasika ny fandraiketana ny fiarahana ara-piarovana. Nizotra tao Mosko tamin' ny 1 jona ny fivorian' ny K.F.M.R.-n' ny repoblikan' i Rosia (R.F.S.S.R.) nandraisan' ny solontenan' ny repoblikan' i Okraina, Litva, Latvia ary Belôrosia anjara, niarahan' ny daholobe nanapaka ny fehinkevitra mikasika ny fanatambarana ny hery ara-tafika sy ny harena ara-materialy. Nisy izany fanakambanana izany, ary tafiditra tao amin' ny tantara ho toa ny fiarahan' ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietikan' i Rosia ara-tafika sy ara-politika tamin' ireo repoblika rahalahiny Okraina, Latvia, Litva ary Belôrosia natao tamin' ny ady nanoherana ny imperialisma eran-tany sy ny fahavalon' ny revolisiona. Mba hanatrarana izany tanjona sy adidy izany, natao ny fanatambarana: 1. fikambanana ara-miaramila sy fibaikoana ara-miaramila; 2. filankevitry ny toekarem-pirenena; 3. fitantanana ara-dalamby sy toekarena; 4. fitantanam-bola ary 5. komisarim-bahoaka momba ny asa ireo repoblika mba ahazoana nanatanteraka ny fitantanana ny sampan' ny fiainambahoaka tamin' ny alàlan' ny làlam-pananganana ny Firaisana Sovietika izany firaisana izany.

Taorian' ny fanatanterahana ara-pandresena ny ady an-trano sy ny fanosehana ny mpanani-bohitra, nipetraka ny adidim-panarenana toekarem-pirenen' ny repoblika noravana noho ny ady sy ny fampiroboroboana

azy amin' ny ho avy miorina amin' ny fototra sosialista. Ny fanatambarana tanteraka ny harena ara-toekaren' ny repoblika sovietika rehetra no nety tsara indrindra tamin' izany. Kanefa mbola nipetraka hoatra ny taloha ny fanontaniana mikasika ny fanamafisana ny fiarovana ny repoblika. Ny fananganana ny firaisana ara-tafika sy ara-toekarena tamin' ny 1921-1922 no tena porofo mivaingan' ireny fiezahana ireny. Nandraikitra fifanarahana ara-toekarena tamin' i Rosia sovietika ny repoblika sovietika tsirairay avy. Natambatra, arak' izao manaraka izao ny komisarim-bahoaka fito araka ny fifanarahan' i Rosia sovietika tamin' ny repoblikan' i Okraina sy i Belôrosia sovietika: 1. raharaha ara-tafika sy an-dranomasina, 2. F.F.T.P., 3. varotra ivelany, 4. fitantanam-bola, 5. asa, 6. làlam-pifandraisana ary 7. paositra sy telegrafy. Noraiketina koa ny fifanarahana mikasika ny lalam-by teo amin' i Rosia sovietika sy ny repoblikan' i Azerbaidjan taorian' ny fahafahan' io, ary tamin' ny septambra 1920 — fifanarahana mikasika ny fanatanterahana politika ara-toekarena tokana.

Tamin' ireo fifanekena sy fifanarahana ireo, fandraiketana an-tsitrapo ny fanatambarana ny komisarim-bahoaka nifandray tamin' ny asa ara-toekaren' ireo repoblika ireo no endri-dehibe natoviany.

Fananganana ny fiarahana ara-diplomatika no iray tamin' ireo dingana farany kanefa tena lehibe teo amin' ny fiforonan' ny Firaisana Sovietika. Nizotra tao Gênes tamin' ny avrily-may 1922 ny fivoriana eran-tany mikasika ny fanontaniana ara-toekarena sy ara-pitantanam-bola, voasa tamin' izany ny solontenan' ny Firaisana Sovietika. Mba hanoherana ny firenena kapitalista tamin' ny alàlan' ny manda miray ary mba hiarovana ny tombontsoany tamin' ny fitakiana henjan' iretsy ara-politika sy ara-toekarena, natolotry ny repoblika sovietika rehetra tamin' ny solontenany tamin' ny fivorian' ny governemantan' i Rosia sovietika ny fahefana feno ary natao an-taratasy ara-panjakana izany tamin' ny 22 febroary 1922.

Arak' izany, nikarakara ny fepetra nilaina rehetra ho fifindrana ho amin' ny endrika vaovao sy ambony kokoa eo amin' ny fiaraha-miasa ara-panjakana, ny endri-pifandraisan' ny repoblika nipoitra tamin' ny taona 1917 ka hatramin' ny 1922. Ny fitondrampanjakana sovietika, ny toerana itovian' ny repoblika sovietika eo amin' ny sehatra iraisam-pirenena ny fifanampiana tsy tapak' i Rosia sovietika sy ny repoblika rehetra, ny fifanandrifian' ny tombontsoa ara-pototry ny mpiasa sy ny tantsahan' ny firenen-drehetra — ireo rehetra ireo no nanome fahazoana nanatambatra ny repoblika sovietika ho fanjakana mitambatra iray. Nanan-danja lehibe satria niforona ara-tantara ny fizaran' asa ara-toekarena sy ny fifampiankinana ara-pirenena, teo amin' ny faritany samihafan' ny firenena. Nateraky ny fifandraisana ara-toekarena akaiky izany. Nitaky firaisana tao anatin'

ny politika ivelany sy fanamafisana ny fiarovana ny firenena, ny fandrahonan' ny fitsofohana ara-tafika.

Nandray taratasy ara-panjakana (fanambarana na didy), izay nampiseho ny filazany an-tsitrapo nikasika ny fidirana tao anatin' ny firaisana, ny repoblika tsirairay avy nitambatra tamin' ny Firaisana teo amin' ny kongresiny.

Nanamafy ny Fanambarana sy ny Fifanarahana mikasika ny fiforonan' ny Firaisan' ny Repoblika Sosialista Sovietika, ny kongresy voalohan' ny Sovietan' ny Firaisana Sovietika, nizotra tamin' ny 30 desambra 1922. Nifono fijerena ara-politika ny antony sy ny fepetry ny fananganana ny Firaisana Sovietika tao anatin' ny Fanambarana. Nampiseho ny endri-pananganana ny Firaisana Sovietika ara-panjakana sy an-dalàna ny fifanarahana. V. I. Lénine no nitarika ny governemanta voalohany eto amin' ny Firaisana Sovietika.

Niditra voalohany tao amin' ny Firaisana Sovietika: ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietikan' i Rosia, ny Repoblika Sosialist' i Okraina, ny Repoblika Sosialist' i Belôrosia Sovietika, ny Repoblika Sovietika Federaly Sosialist' i Transcaucasia, voatsangana tamin' ny desambra 1922, ikambanan' ny Repoblika Sovietikan' i Azerbaidjan, Armenia ary Georgia. Nisy repoblika sy faritany ara-pirenena mizaka tena tao anatin' ny Repoblika Federalin' i Rosia sy Transcaucasia.

Fototry ny Lalàm-panorenan' ny Firaisana Sovietika ny Fanambarana sy ny Fifanarahana, nitohy hatramin' ny antenantenan' ny taona 1923 ny fandavorariana azy manaraka. Nanamafy ny lahatsoratry ny Lalàmpanorenana ny kongresy faharoan' ny Sovietan' ny Firaisana Sovietika ary niasa ho toa ny Lalàm-panorenan' ny Firaisana Sovietika tamin' ny taona 1924, ka hatramin' ny 1936, fotoana nandraisana Lalàm-panorenana sovietika vaovao.

Voavolavola sy voamafy ireny endri-piraisam-panjakana ireny tao anatin' ny lalàmpanorenana voalohan' ny Firaisana Sovietika tamin' ny 1924, fifandraisan-jo sy fahefana fenon' ny sampana ara-piarahamonina sy ara-repoblika, izay niantoka ny fivoaran' ny Firaisana Sovietika tamin' ny ankapobeny sy isaky ny repoblika mitokana.

Voafaritry ny firaisana telo (ara-tafika sy ara-politika, ara-tafika sy ara-toekarena, ary ara-diplomatika)-n' i Rosia sovietika niaraka tamin' ny repoblika sovietika hafa, ny rafitry ny sampana foibem-pitantanana ara-panjakan' ny Firaisana Sovietika sy ny repoblika hafa. Nanome azy ireny ny fahazoana handray ny pratikam-pifandraisana ara-panjakana sy an-dalàna ary hampiasa ny ohatr' i Rosia sovietika tamin' ny fananganana ara-politika, ara-toekarena ary aramiaramila, ny asam-piarahan' ny repoblika rehetra tao anatin' ny fiarahana voatondro.

Nanamafy ny rafitry ny sampam-pitondram-panjakana faratampony sy ny fitantana-

na ny Firaisana Sovietika, ny Laläm-panorenan' ny Firaisana Sovietika tamin' ny 1924, ary namaritra ny fifandraisan' ny teo amin' ny samy sampan-draharahan' ny Firaisana Sovietika sy ny repoblika rahalahiny, teo am-piantohana izany tao anatin' ny asany ny fanekena hentitra ny fiaraha-miasa akaiky, fandrindrana lehibe sy ny fampitambarana ny tombontsoan' ny Firaisana Sovietika sy repoblika rahalahiny.

Kongresin' ny Sovieta no sampam-pitantanana faratampon' ny Firaisana Sovietika araka ny Laläm-panorenana, ary nandritra ny fotoana teo anelanelan' ny kongresin' ny Sovieta — Komity Foibe Mpanapaka (K.F.M.)-n' ny Firaisana Sovietika, ikambanan' ny Filan-kevitry ny Firaisana sy ny Filan-kevi-pirenena. Prezidioman' ny K.F.M.-n' ny Firaisana Sovietika no sampam-pitondrana ara-pitantanana, mpanapaka an-dalàna faratampony nandritra ny fotoana teo anelanelan' ny fivorian' ny K.F.M.-n' ny Firaisana Sovietika.

Nofaritan' ny Laläm-panorenana koa ny fitsipi-panorenan' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka na F.K.B.-n' ny Firaisana Sovietika — governemantan' ny Firaisana Sovietika sy ny Komisarim-bahoakan' ny (K.B.) Firaisana Sovietika. Sampam-pitantanana mpanapaky ny K.F.M.-n' ny Firaisana Sovietika ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoakan' ny Firaisana Sovietika. Ireto ny mpikambana teo am-piforonany: filoha, filoha lefiny, komisarim-bahoaka sivy, filohan' ny F.F.T.P. Ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoakan' ny Firaisana Sovietika no namoaka ny lalàna, ny didy, tsy maintsy notanterahina eran' ny faritanin' ny Firaisana Sovietika. Tompon' andraikitra teo anoloan' ny K.F.M.-n' ny Firaisana Sovietika sy ny Prezidioma izy ireo tao anatin' ny asany. Nanana fahefana nampiato sy nanova ny taratasim-panamarinam-panjakana izy io.

Noraisin' ny komisarim-bahoaka, izay nizara ho komisarim-bahoakam-piraisam-be sy komisarim-bahoaka mitambatra, ny andraikitra tamin' ny fitantanana mivantana ny sampana manokan' ny fitantanam-panjakana.

Tao anatin' ny komisarim-bahoakam-piraisam-be no nisy komisarim-bahoaka: mikasika ny raharaham-bahiny, ny raharaha ara-tafika sy an-dranomasina, ny varotra ivelany, ny lalam-pifandraisana, ny paositra sy telegrafa. Nanana ny solontenany izay nilefitra teo anoloany izy ireo, tany amin' ny repoblika mpiara-dia.

Nanjary komisarim-bahoakan' ny vokapihinana, asa, fitantanam-bola ary ny fanaraha-mason' ny mpiasa sy ny tantsaha, ny komisarim-bahoaka mitambatra. Notanterahina tamin' ny alàlan' ny komisarim-bahoaka mitovy anarana tànan' ireny repoblika ireny, ny fitantanana ny sampan' ny komisarim-bahoaka mitambatra tany amin' ny repoblika mpiara-dia.

Rafi-pitantanana ara-poibe no nampiavaka ny komisarim-bahoakan' ny firaisam-be, ho an' ny fitambarana kosa — fitsinjaram-pahefana.

Komisarim-bahoakan' ny Firaisana Sovietika — mpikamban' ny governemanta — notendren' ny K.F.M.-n' ny Firaisana Sovietika. Niforona ny firaisana isaky ny komisarim-bahoaka, notendren' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka ny mpikambany. Nanana fahefana hanapaka irery tokana ny fehin-kevitra tao anatin' ny faritry ny fahefana fenon' ny komisarim-bahoaka. Afaka nitaraina teo amin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoakan' ny Firaisana Sovietika, ny firaisana na ny mpikambana mitokana tsy manaiky ny fehin-kevitry ny komisarim-bahoaka. Azo novan' ny Prezidioman' ny K.F.M. sy ny F.K.B.-n' ny Firaisana Sovietika, ny taratasy fanamarinan' ny komisarim-bahoaka, avy amin' ny K.F.M. sy ny Prezidioman' ny K.F.M.-n' ny repoblika mpiara-dia raha tsy nifanaraka tamin' ny lalàn' ny Firaisana Sovietika sy ny lalàn' ny repoblika mpiara-dia ary ny taratasim-panamarinan' ny Lalàm-panorenana. Tompon' andraikitra teo anoloan' ny F.K.B. sy ny K.F.M.-n' ny Firaisana Sovietika sy ny Prezidioman' ny Komisarim-bahoakan' ny Firaisana Sovietika teo amin' ny asany.

Nanatsahatra ny asa mikasika ny raharaham-pirenena ny Komisarim-bahoaka, taorian' ny fandraisana ny lalàm-panorenana ny Firaisana Sovietika tamin' ny aprily 1924. Natolotra ny Prezidioman' ny Komity Foibe Mpanapaka ny asan' io komisarim-bahoaka io. Teo ambaniny no nanamafisana ny sampam-panjakan' ny Solontenan' ny repoblika

sy ny faritany mahaleotena ary ny Sampana ara-pirenena. Voatsangana tamin' io taona io ny Komisarim-bahoaka mitambatry ny komisarim-bahoakan' ny varotra an-toeran' ny Firaisana Sovietika; voatsangana tamin' ny taona 1931 ny komisarim-bahoakam-piraisam-be vaovao — komisarim-bahoakan' ny fitaterana an-drano, natokana avy tamin' ny komisarim-bahoakan' ny làlam-pifandraisana. Voatsangana ny komisarim-bahoaka vitsivitsy, fotoana kely taty aoriana.

Araka ny Lalàm-panorenana, nilefitra teo anoloan' ny K.F.M. sy ny F.K.B.-n' ny repoblika mpiara-dia ary nanatanteraka ny fitantanana ny komisarim-bahoaka mitambatry ny Firaisana Sovietika mifanaraka tamin' izany, ny komisary mitambatry ny repoblika: K.F.T.P., mikasika ny voka-pihinana, fitantanam-bola, asa sy fanarahamaso ataon' ny mpiasa sy ny tantsaha. Niantoka ny fampiraisana ny fananganan-drafitry ny fanjakana mitambatra sy ny fandinihana ny toetra mampiavaka ara-toekaren' ny repoblika tsirairay avy ny fitantanana toa izany. Ny komisarim-bahoakan' ny repoblika mpiara-dia hafa: mikasika ny tany, raharaha an-toerana, fitsarana, fampianarana, fahasalamana, ary ny fiantohany ara-tsosialy; nanatanteraka ny asany fotsiny teo amin' ny faritany voafaritry ny repoblika mpiara-dia, toa izany no nahafahan' izy ireny nandinika ny toetra mampiavaka ny fireneny. Ny Filan-kevitry ny asa sy ny fiarovana (F.A.F.)-n' ny Firaisana Sovietika ary ny Planim-panjakan'

ny Firaisana Sovietika (na GOSPLAN) no sampana mpiaraham-be goavana nilaina tamin' ny fiantohana ny fiasa ara-dalànan' ny fanjakana federaly.

Nohamafisin' ny F.K.B.-n' ny Firaisana Sovietika tamin' ny aogositry ny taona 1923 ny lalàna mikasika ny F.A.F.-n' ny Firaisana Sovietika. Niasa teo ambanin' ny governemantan' ny Firaisana Sovietika ny F.A.F.-n' ny Firaisana Sovietika, nanana milim-pitantanana mikambana izy ireo. Azo lazaina fa feno ny fahefan' ny F.A.F. teo amin' ny lafiny fitantanana ny toekarena. Tafiditra tao anatin' ny adidiny: ny fandinihana sy ny fanaovana tamin' ny alàlan' ny sampana nifanaraka tamin' izany, ny drafitra ara-toekaren' ny Firaisana Sovietika ary koa ny fihetsiketsehana mikasika ny fiarovam-pirenena, fitantanana ny komisarim-bahoakan' ny Firaisana Sovietika teo amin' ny lafiny ara-miaramila sy ara-toekarena, ny fitantanana ny vaomiera tsy tapaky ny F.K.B. Fandaminana sy fanaraha-maso ary ny hafa... no endrika sy fomba ara-pototry ny asany.

Niakatra tsy niova araka ny fandrosoan' ny indostria sy fandrosoan' ny toekarena, ny toeran' ny sampana ara-toekarena. Niforona ny sampana an' asa vaovao mikasika ny fitantanana ny toekarena, nanaovana fanamboarana ny taloha.

Voatsangana arak' izany tamin' ny aogositra 1923 ny Vaomieram-panjakana momba ny planina eto amin' ny Firaisana Sovietika

na GOSPLAN' ny Firaisana Sovietika.

Sampan' asa ambony ny GOSPLAN' ny Firaisana Sovietika, tsy maintsy tanterahin' ny sampan-draharaha rehetry ny firenena ny baikony, ary nanana fifandraisana mivantana tamin' izy ireny izy. Nanao ny asa mikasika ny fikarakarana ny drafi-panjakam-pananganana indostria sosialisty ny firenena sy ny fampiarahana ny daholobe teo amin' ny fambolena, ny planim-panjakana. Teo ampifotorana tamin' ny sori-dàlan' ny antoko kominista, nomaniny ny volavolan-kevitry ny planina dimy taona voalohan' ny fampandrosoana ny toekaren' ny Firaisana Sovietika, izay nohamafisina teo amin' ny kongresin' ny Sovieta (may 1929). Tena nitana ny toeran-dehibe manokana teo amin' ny fananganana ny fototra ara-pitaovana sy ara-toekaren' ny sosialisma izany.

Nanana ny fitsipi-panorenam-pikambanan' ny Komisarim-bahoakan' ny F.F.T.P. Izy no nandray ny andraikitra tamin' ny fanitsiana, fitarihana, fitantanana ny indostria sy ny varotra, ary koa nanara-maso ny indostrian' ny kôperativa sy ny an' olona manokana. Betsaka ny vokatra azo teo amin' ny fampandrosoana ny toekarena sovietika teo ambany fitantanan' ny F.F.T.P. Voapetraka ny fototra ho amin' ny fampandrosoana ny sampam-pitarihana ny indostria sovietika teo amin' ny fotoam-pananganana indostria.

Niompana tamin' ny fitantanana ny indostria, ny F.F.T.P., nanomboka tamin' ny 1929. Izy no nitantana ny fampandro-

soana ny indostria eran' ny faritanin' ny firenena manontolo, tamin' ny alàlan' ny F.F.T.P.-n' ny repoblika mpiara-dia, nanatanteraka ny fananganana ny drafitry ny indostria nitantana ny orinasam-panjakana ary nitarika ny asa tamin' ny fanomanana ny orinasam-panjakana vaovao nanan-danja ara-piaraham-be. Niantoka koa ny fampandrosoana ny fikambanana ara-kôperativa.

Nanao asa lehibem-panomanan' asa mikasika ny famindrana ny orinasa ho teo amin' ny rafitra ara-tsampam-pitantanana ny F.F.T.P. Nahafahan' ny fanjakana sovietika nanangana ny rafitra ara-tsampam-pitantanan' ny indostria tamin' ny taona 1932 ny fandrosoana tena haingan' ny indostria sosialista. Voatsangana ny F.F.T.P. tao anatin' ny Komisarim-bahoakam-piaraham-ben' ny indostria vaventy ary nampihatahana avy tamin' izany ny indostria madinika, indostrian' ny ala sy mpanao ala.

Nitohy nitatra ny sampam-pitantanampanjakana hafa. Voatsangana ny rafi-panamboarana ny fitantanam-panjakana sovietika teo amin' ny faran' ny fotoana teteza-mitan' ny Firaisana Sovietika, tao anatin' izany ny sampana rehetra ara-piaraham-be, mitambatra, ary ny ara-repoblika, teo am-piantohana ny fandrosoana ara-piarahamonina sy ara-toekarena ary ara-politikan' ny Fanjakana sovietika sy ny repoblika sovietika mitokana.

Toko faha-II

Ny fahaterahana sy ny fandrosoan' ny sampan-draharaha mikasika ny fiarovana ny revolisiona sosialista

1. Fananganana ny Vaomiera manokana manerana an' i Rosia

Manan-danja mandraka ankehitriny ny hevitra ara-pototr' i Lénine hoe: "Manampahamendrehana ny revolisiona iray, raha mahay miaro tena izy"[1]. Nampiseho ankarihary ny tontolo rehetra ny fomba fiarovana ny zava-bitan' ny revolisiona, ny revolisiona proletariana tao Rosia. Ary efa hatramin' ny andro voalohany nahatanterahana ny revolisiona sosialista izany adidy izany.

Komity miaramila sy revolisionera, Vaomiera manokana manerana an' i Rosia (V.M.R.) mikasika ny ady hanoherana ny fahavalon' ny revolisiona, fanakorontanana sy risoriso ary varo-maizina; mpitandro filaminan' ny mpiasa sy tantsaha, fitsarana miaramila sy revolisionera, fitsaram-bahoaka no sampan-draharaha sy sampan-draharaham-panjakana fototry ny fiarovana ny revolisiona tao amin' ny repoblika sovietika.

Komity ara-miaramila revolisionera. Efa voatsangana teo ambanin' ny Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa sy

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 37, p. 122.

ny miaramila tamin' ny 12 oktobra 1917, izany hoe, roa herinandro talohan' ny fanatanterahana ny revolisiona sosialista. Niasa teo ambany fitantanan' ny Komity Foiben' ny antoko ary nitantana ny asa rehetra mikasika ny fanomanana sy ny fanaovana ny fikomiana ara-tafika. Nanjary sampandraharaham-panjakana mikasika ny fiarovana ny revolisiona taorian' ny fanamboarana ny fitondran' ny Sovieta. Toa izao manaraka izao ny asany:

1. Nanatanteraka ny asa nomen' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka azy; 2. Nanatanteraka ny fitandroana ny lamina revolisionera; 3. Nitarika ny ady hanoherana fahavalon' ny revolisiona; 4. Niaro ny orinasan' ny Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa sy ny miaramila ary ny F.K.B.

Notarihin' ny komity sy revolisionera ny ady hanoherana ny fanakorontanana, fikomian-jiolahy, nanenjika sy nanafoana ny fanonganam-panjakana natao hanoherana ny fitondran' ny Sovieta. Araka niforonana ary nandrosoan' ny sampan-draharahampitondrana sy fitantanam-panjakana teo amin' ny foibe sy tany an-toerana no nahatonga ny asan' ny Komity Miaramila sy Revolisionera (K.M.R.) nihanifantoka tamin' ny asa manokana sy nihatery bebe kokoa hatrany. Nofoanana tamin' ny 5(18) desambra 1917 ny K.M.R., izay toa ny sampan' ny revolisiona proletariana rehetra nahavita ny adidiny ara-tantara, ary lasa teo ambany fitantanan' ny K.F.M.R. ny sampany.

Kanefa mbola nitohy nijanona ho iray tamin' ireo adidy lehiben' ny fitondran' ny Sovieta ny ady hanoherana ny fahavalon' ny revolisiona tamin' ny lafiny rehetra. Nanoratra i Lénine tamin' izany fotoana izany hoe: "Ilaina ny fepetra maika amin' ny ady nanoherana ny fahavalon' ny revolisiona sy ny mpanakorontana"[1].

Araka ny adidin' ny governemanta, novolavolain' ny filohan' antoko malaza, mpikamban' ny K.M.R. — Dzerjinski ny volavolan-kevitra mikasika ny fananganana ny vaomiera manokana momba ny ady hanoherana ny fahavalon' ny fitondran' ny Sovieta. Nandray ny fehin-kevitra mikasika ny fananganana ny Vaomiera manokana manerana an' i Rosia momba ny ady hanoherana ny fahavalon' ny revolisiona, fanakorontanana sy ny risoriso ary ny varo-maizina, tamin' ny 7(20) desambra 1917, ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka. Felix Dzerjinski no voatendry ho filohan' ny V.M.R. Kominista feno fandavan-tena tamin' ny revolisiona, nomena ny anarana "chevalier"-n' ny revolisiona izy.

Tafiditra tao anatin' ny V.M.R. ny mpikamban' ny komity ara-miaramila revolisionera, bôlshevika tranainy, mpandray anjara mafana fo tamin' ny revolision' ny Oktobra, nosintonina tao anatiny koa ny mpiasa, tantsambo ary ny miaramila tonga saina. Nantsoina tamin' ny anarana tchekista ny mpiara-miasan' ny V.M.R. Niteny i Dzer-

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 35, p. 156.

jinski hoe: "Tokony hanana fo mafana, saina mangatsiaka ary tànana madio ny tchekista."

Niasa teo ambany fitantanana mivantan' ny governemanta ny V.M.R., izy no nitendry ny mpikamban' izany vaomiera izany, izany no mampiseho ny fifidianana feno fahamalinana ny tchekista.

Niforona tany an-toerana, am-paritra, amparitany ny vaomiera manokana an-toerana (V.M.); niasa teo ambanin' ny fitantanan' ny Filan-kevitra an-toerana izy ireny. Mba ho fitandroana ny tombontsoan' ny revolisiona, nomena fahefana feno ny V.M.R. sy ny sampan-dalàna an-toerana.

Tamin' ny fotoana voalohany noraisina ny fepetra faran' izay tena malefaka ho an' ireo fahavalon' ny revolisiona, toa ny fakàna an-kery ny fananany, fanaovana sesi-tany, fanesorana ny bokikely fakàna sakafo fihinana, fampisehoana am-pahibemaso ny anarany ao anatin' ny lisitry ny fahavalom-bahoaka, sns. Nohafahana ny fahavalon' ny revolisiona rehefa niozona "ny marina mafy" fa tsy hanohitra intsony ny fitondran' ny Sovieta. Nampiseho anefa ny pratika fa lavitry ny marina ny "marina mafin' izy ireny".

Fanafoanana ny fanakorontanan' ny mpiasam-panjakana, izay maro no nandà teo ampiandohana ny fanekena ny fitondran' ny Sovieta, no raharaha voalohany natolotra ny V.M.R. Tena loza lehibe tamin' ny repoblika sovietika ny fanakorontanan' ny mpiasam-panjakana tao anatin' ny fepetra

sarotra nandritra ny faharavana, tsy fisian-tsakafo, indrindra rehefa mikasika ny ain' ny tombontsoan-dehibem-pirenena. Nandray fepetra hentitra ny governemanta mikasika ny ady tamin' ny fanakorontanana.

Teo am-panatanterahana ny fehin-kevitry ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka, nisambotra ny mpanakorontana gaigilahy ary nanao asam-panazavana teo amin' ny ankabetsahan' ny mpiasa ny V.M.R. Betsaka tamin' ireo mpiasam-panjakana indrindra fa avy tamin' ny sampana antenantenany sy ambany no nifindra niaraka tamin' ny fitondran' ny Sovieta. Foana ny fanakorontanana tamin' ny faran' ny febroary 1918 ary voatandro ny asa ara-dalàn' ny sampan-draharahampanjakana.

Tamin' ny febroary 1918 nanazava tamin' ny olom-pirenena rehetra ny V.M.R. fa hatramin' izao tsara fanahy tamin' ny fahavalon' ny vahoaka ny Vaomiera, kanefa amin' izao fotoana izao, rehefa mihasahy andro aman' alina ny fahavalon' ny revolisiona, rehefa miezaka hanakenda ny proletariatan' i Rosia ny "bourgeoisie" eran-tany; eo ampifotorana amin' ny didin' ny F.K.B., tsy nahita fepetra hafa hanafoanana ny asan' ny fahavalon' ny revolisiona, mpitsikilo, mpanao varo-maizina sy mpanao risoriso, olon-dratsy, mpanakorontana afa-tsy ny ady tsy misy indra-fo hanoherana azy ireny. Arak' izany nihidran' ny sazy hentitra hatramin' ny fitifirina ny mpitsikilo, mpanompon' ny fahavalon' ny revolisiona, ny mpa-

nao varo-maizina, ny mpanomana sy mpandray anjara tamin' ny fikomiana hanoherana ny fitondran' ny Sovieta. Nohamafisin' ny Filan-kevitra an-toerana koa ny ady hanoherana ny fahavalon' ny revolisiona ary ny fanafoanana hentitra ny asa ara-pahavalony.

Tanteraka ny fikasam-pamonoana an' i V. I. Lénine tamin' ny 30 aogositra 1918 tao Mosko, nisy namono koa tamin' io andro io tao Petrograd i Ouritski, ary andro vitsivitsy taloha, ny komisary mikasika ny gazety, fampielezan-kevitra sy ny fanetsiketsehana — Volodarski. Teny an-toerana nataon' ny kolàka[1] ny fanenjehana ny kominista, ny andian' ny mpiady ara-boka-pihinana natsangana tamin' ny fakàna an-keriny ny mofo amboniny, ny mpiasan' ny filan-kevitra. Nanomboka teo amin' ny firenena ny fampihorohoroana fotsy. Nampiseho fahamafisana manokana ny fitondran' ny Sovieta tao anatin' izany fepetra izany ary nanambara ny fampihorohoroana mena. Natao hamaliana ny fampihorohoroana fotsin' ny mpitsikilo vahiny sy ny fahavalon' ny revolisiona eto an-toerana izany. Nanazava i Lénine hoe: "Nafatotra tamintsika ny fampihorohoroana... fampihorohoroan' kapitalisma matanjaka eran-tany izay nanakenda, manakenda ary manasazy ny mpiasa sy ny tantsaha ho amin' ny fahafatesana an-kanoanana, noho izy ireo nitolona ho an' ny

[1] Kolàka — "bourgeoisie" tany ambanivohitr' i Rosia, nanohitra mafy ny fitondran' ny Sovieta. — *Red.*

fahefan' ny fireneny"[1].

Notohanan' ny proletariata ny fampihorohoroana mena, noho izy natao hiarovana ny tombontsoan' ny mpiasa rehetra. Nolavin' ny didin' ny K.F.P.M. sy ny F.K.B. ny fampiharana ny fepetra hentitra fanasaziana — fitifirana, raha vao nihanalefaka ny endriky ny adin-kilasin' ny mpitsentsitra tamin' ny fanombohan' ny taona 1920, mbola talohan' ny ady an-trano.

Nipoitra ny filam-pananganana ny Vaomiera ara-tsisin-tany sy ara-manda ary ara-miaramila manokana (V.M.). Nampiharina ny toe-draharaha manokana ara-miaramila eran' ny lalambim-pirenena rehetra, voatsangana koa ny V.M. teo amin' ny fitaterana tamin' ny desambra 1918.

Nihanahazo sy nihamafy miandalana ny fahaizana ny fitsaram-bahoaka sy ny tribonaly miaramila. Tao anatin' ireny fepetra ireny, nanjary nisahana fotsiny ny fanarahan-draharaha ny sampan' ny V.M.R., ary ny fandinihana kosa nizotra teo amin' ny fitsarana revolisionera — sampam-pitsarana manokana niasa toa an' ny V.M.R. teo amin' ny taona voalohan' ny revolisiona.

Notanterahin' ny Vaomiera manokana manerana an' i Rosia tamim-pahamarinana ny adidiny ara-tantara. Iray tamin' ireo sampandehiben' ny fitondrana matotry ny proletariata izy io ary nitana toera-manan-danja teo amin' ny ady hanoherana ny fahavalon'

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 39, p. 404.

ny revolisiona sy hiarovana ny filaminana ara-panjakan' ny repoblika sovietika. Teo am-pitsarana ny asan' ny V.M.R., niteny i Lénine tamin' ny kongresy faha-IX-n' ny Sovieta (desambra 1921) hoe: "Io no sampandraharaha izay nataontsika hanoherana ny fiokoana tsy misy farany, fanandrámana hamono tsy misy farany ny fitondran' ny Sovieta, ataon' ny olona izay faran' izay matanjaka noho isika"[1].

Voaro ny V.M.R. ny zava-bitan' ny revolision' ny volana Oktobra teo am-piarahana tamin' ny Tafika Mena, miaraka amin' ny fanohanan' ny vahoakan' ny mpiasa.

Niroso tamin' ny fanorenana ara-toekarena milamina tao anatin' ny fandriampahalemana ny repoblika sovietika tamin' ny faran' ny taona 1920, taorian' ny ady telo taona mafana nifanaovana tamin' ny fahavalo an-toerana sy avy ety ivelany. Tao anatin' ny fepetra vaovao niova ny endriky ny adin-kilasin' ny fahavalon' ny fitondran' ny Sovieta. Nohararaotiny tamin' ny fomba rehetra ny toe-draharaha ara-toekarena sarotra teo amin' ny firenena, nipoitra teny rehetra teny ny jiolahy ara-politika ary ny fanoheran' ny revolisiona ara-toekarena. Tsy ampy ny hanin-kohanina, tena sarotra ny angovo.

Niteny i Lénine hoe: "Tokony ho resena tanteraka ny fahasahiranana ara-angovo, raha tsy izany ho voavaha ny olana mikasika ny

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 44, p. 327.

adidy na ara-tsakafo, na ara-miaramila, na ara-toekarena ankapobeny"[1]. Nampidiriny ny adidy hiasa ho an' ny mponina rehetra tamin' ny fikarakarana ny kitay, natao ny fetra an' asa tamin' ireny asa ireny.

Nanao asa lehibe ny V.M.R. tamin' ny fanaraha-maso ny famatsiana sy ny fitsitsiana ny angovo, tamin' ny famahana olana ny fahasahiranana ara-angovo.

Nandray andraikitra ny V.M.R. tamin' ny ady hanoherana ny areti-mifindra, izay tena nihanaka tsy nisy toa izany, nandritra ny faharavana, tsy fisian-tsakafo, tsy fahampiam-panafody sy savony. Voatsangana ny vaomiera manokana manerana an' i Rosia mikasika ny fanatsarana ny toe-draharaha ara-pahasalaman' ny repoblika, tamin' ny novambra 1919, niasa anatin' ny fifandraisana akaiky tamin' ny V.M.R. izy io.

Manarak' izany, ny ady hanoherana ny fivenjivenjen' ny ankizy — vokatra mavesatry ny ady lehibe voalohany sy ny ady an-trano, fitsofohana vahiny no fihetsiketsehan-dehibe manokana izay nandraisan' ny V.M.R. sy ny sampany anjara. Nisy ankizy nivenjivenjy tsy manan-dray aman-dreny an-tapitrisa maro teo amin' ny firenena. Voatsangana ny Komity mikasika ny fanatsarana ny fiainan' ny ankizy notarihin' i Dzerjinski teo amin' ny K.F.P.R.

Nisy ny sampany eran' ny faritany rehetra. Ary nandray anjara lehibe tamin' ny asa-

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 39, p. 306.

ny teny rehetra teny ny tchekista. Nanampy nanangona ny fitaovana ho an' ny tahirim-panampiana ny ankizy, nanamboatra ny tranon' ankizy sy ny trano fialofana, zaridaina, ankanin-jaza sy hopitaly izy ireny ary namoaka ny ankizy hiala avy tamin' ny faritra noana.

Nitsangana ny fiarovana ny sisin-tanim-panjakan' ny repoblika tamin' ny fitsikilovana ara-politika sy ara-miaramila, fanafoanana ny varo-maizina sy fanamontsanana ny jiolahy tany amin' ny faritra an-tsisintany tamin' ny novambra 1920. Voatsangana ny Sampana manokana mikasika ny fiarovana ny sisin-tany natao mba hanatrarana izany.

Nanamarika ny asa feno herim-po notanterahin' ny sampan' ny V.M.R. tao anatin' ny fotoana sarotry ny ady an-trano, ny kongresy faha-IX-n' ny Sovieta, ny fahamendrehan' izany asa izany tao anatin' ny fanamafisana sy ny fiarovana ny zava-bitan' ny revolision' ny volana Oktobra tamin' ny fahavalo ivelany sy an-toerana. Nanaiky koa ny kongresy fa ny fanamafisana ny fitondran' ny Sovieta no nahafahana manery ny faritr' asan' ny V.M.R. sy ny sampany, teo am-pandraisan' ny andraikitra tamin' ny ady hanoherana ny tsy fanarahan-dalàn' ny repoblika sovietika teo amin' ny sampampitsarana.

Nofoanan' ny didin' ny K.F.M.R. tamin' ny 6 febroary 1922, ny V.M.R. sy ny sampany an-toerana. Voatsangana ny sampana vaovao — fitantanam-panjakana ara-politika

(F.P.P.) tao anatin' ny komisarim-bahoakan' ny raharaha an-toerana ary notantan' izany komisarim-bahoaka izany. Nandray andraikitra toa izao manaraka izao ny F.P.P.: fanamontsanana ny fihetsiketsehana mivantana hanoherana ny revolisiona, tao anatin' izany koa ny asan-jiolahim-boto, ady amin' ny fitsikilovana, fiarovana ny lalamby sy ny làlam-pifandraisana an-drano, fiarovana ny sisin-tany, ady amin' ny varo-maizina, ary koa fanatanterahana ny hafatra manokan' ny Prezidioman' ny K.F.M.R. na ny F.K.B. mikasika ny lamina revolisionera.

Tamin' ny fitsingerenana ny fahadimy taonan' ny fananganana V.M.R. navoaka ny "Mari-boninahitra Tchekista" izay misary ampinga sy lefona — mariky ny fiarovana ny revolisiona sy ny famonoana ny fahavalony.

2. Sampan-draharaham-pitantanana ara-miaramila sy fananganana ara-miaramila

Nipetraka avy hatrany ny adidim-piarovana ara-tafika ny zava-bitan' ny revolisiona taorian' ny revolision' ny volana Oktobra. Andian' ny Tafika Mena[1] ary ny andian'

[1] Tafika Mena — andiam-piasa ombam-piadiana. Voatsangana tsy ela talohan' ny fanatanterahana ny Revolision' ny volana Oktobra. Nitsangana tamin' ny fototra ara-pandavantena sy ara-paritanim-pamokarana. Voafidy ny mpikambana mpibaiko. Noravana ny Mpiambina mena noho ny fiforonan' ny Tafika mena ary niditra tao amin' ny andian' ny Tafika mena ireo, manam-pahaizana ara-pibaikoana sy an' ady faran' izay tena tsara indrindra. — *Red.*

ny miaramila sy ny tantsambo no tena hery miaramila ara-pototra tamin' izany fotoana izany. Niisa tsy nihoatra ny 150.000 olona tao anatin' ny Mpiambina mena. Tsy ampy niarovana ny repoblikan' ny Sovieta tamin' ny tafiky ny fanjakana imperialista sy ny hery vita lamin' ny fahavalon' ny revolisiona, ny hery tokan' ny Mpiambina mena na teo aza ny finiavam-po sy ny herim-pon' ny miaramila mpiambina mena. Tsy nanana fandaminana ara-miaramila marina ny miaramilan' ny mpiambina mena no sady tsy voaomana tsara ara-pianarana no vitsy an' isa. Ambonin' izany tsy afaka manatanteraka izany adidy izany ny tafika tranainy izay efa an-dàlam-pikorosoana.

Nanatona ara-tsaim-panamboarana ny fotokevitra marksista mikasika ny fandravana ny tafika tranainy ny antoko kominista. Tsy nahafahana avy hatrany nandrava ny tafika taloha ny toe-draharaha an' ady tamin' i Alemaina sy ny mpiara-dia taminy, izay nisy an' i Rosia. Izany no nahatonga ny Governemanta sovietika nametra ny fandraisana ny fepetra mikasika ny famahoahana tanteraka ny tafika taloha, fampihenana ny isany ary fanafoanana ny sampan-draharaha ara-miaramila lany andro, teo am-piandohana ka hatramin' ny fandraiketana ny fandriampahalemana tamin' i Alemaina sy ny fananganana tafika vaovao.

Nandray ny didy mikasika ny fananganana eran' ny tafika rehetra ny Komity revolisionera vonjimaika, izay nametrahana andraikitra "fi-

tandroana ny lamina revolisionera sy ny fahamafisan' ny manda", ny kongresy faharoan' ny Sovieta manerana an' i Rosia tamin' ny 26 oktobra (8 novambra) 1917.

Teo am-panakambanana ny fahaizana ara-tsaim-pamoronana revolisioneran' ny vahoaka nandray didy maromaro tamin' ny desambra ny Filan-kevitry ny komisarim-bahoaka: famindrana teo amin' ny komity miaramila sy ny Sovieta, ny fitondrana rehetra. Nofoanana ny grady ara-miaramila sy ny tombontsoa nifandray tamin' izany. Nitovy tao anatin' ny zo ny miaramila rehetra ary nitondra ny anarana hoe: miaramilan' ny tafika revolisionera. Nofidiana tamin' ny fivoriana natrehin' ny daholobe ny mpikambana mpibaiko tafiditra tamin' izany, hatramin' ny sampana misy ny kolonely, ary nofidian' ny kongresy na fivoriana ao anatin' ny komity mifanaraka tamin' izany ny mpibaiko ambonin' ny sampana misy ny kolonely.

Nahafahana nametraka teo amin' ny toeram-pibaikoana ny mpandamina manantalenta vitsivitsy avy tamin' ny miaramila, tantsambo ary manam-boninahitra, nifindra nanaraka ny fitondran' ny Sovieta, ny famahoahana ny tafika taloha; nanainga tamin' izany ny fanahin' ny miaramila ary ny fahaizana an' adin' ny tafika, nampihataka tamin' ny fikorontanana tanteraky ny manda.

Nandritra izany fotoana izany koa, nisy ny fandravana, fanamboarana ary fama-

hoahana ny sampam-pitantanana ara-miaramila an-toerana sy foibe. Tsy afaka nanapotika avy hatrany ireo sampan-draharahampitantanana sy sampana izay nikarakara ny famatsiana ny tafika sy ny tafika andranomasina an-tapitrisany maro ny Governemanta sovietika. Notereny ny milin' ireny sampana ireny hanao asa ara-teknika teo ambany fanaraha-mason' ny komisary mandra-pitsanganan' ny milina ara-miaramila sovietika.

Niaraka tamin' ny fandravana ny tafika taloha, voatsangana ny sampam-pitantanana ara-miaramila vaovao sovietika, voadinika ny volavolan-kevi-panamboarana tafika vaovao sosialista.

Voatsangana ny sampam-pitantanana ara-miaramila foibe, faratampony ny andro nanaraka ny fananganana ny fitondran' ny Sovieta. Voatsangana ny komity mikasika ny raharaha ara-miaramila sy an-dranomasina araka ny didin' ny kongresy faharoan' ny Sovieta manerana an' i Rosia tamin' ny 26 oktobra (8 novambra) 1917, teo ampamoronana ny Governemanta sovietika. Nanjary nitondra ny anarana komisarimbahoaka mikasika ny raharaha ara-miaramila, ny komity nanomboka tamin' ny desambra 1917: teo am-piandohana tafiditra tao anatin' ny asany ny fitantanan' asa ny ministera ara-miaramila sy an-dranomasina ary ny sampana teo ambaniny ara-miaramilan' ny tafika sy an-dranomasin' ny tsar (mpanjaka) taloha.

Nandray didy mikasika ny fananganana ny Tafika Menan' ny Mpiasa sy ny Tantsaha (T.M.M.T.) ny Filan-kevitry ny Komisarimbahoaka tamin' ny 15 (28) janoary 1918.

Nitsangana tamin' ny fototra vaovao ara-kilasy ny Tafika Mena, hita tamin' ny anarana: "Tafika Menan' ny Mpiasa sy ny Tantsaha". Izany no midika fa teo am-pelatanan' ny mpiasa sy ny tantsaha irery ihany no nanomezana antoka ny fiarovana tamimpiadiana ny revolisiona; ary ny kilasy mpanjakazaka niezaka nanapotika tanteraka mba ialana tamin' ny fahazoana hametrahana izany fitondrana izany. Nomena andraikitra an' izy ireny ny karazan' asa hafa mikasika ny fiarovana (ara-tany, ara-pitaterana).

Tsy nanana làlana sy fitaovam-pananganana tafika hafa ny repoblika sovietika, eo amin' ny volana voalohan' ny revolisiona, ankoatra ny fanangonana ireo mpanao sorona ny ainy ho amin' ny raharahan' ny revolisiona sy ireo mpilatsaka an-tsitrapo afaka hiaro ny zava-bitany. Niseho tany amin' ny ozinina fanaovan-taozavatra, tany ambanivohitra ary eo amin' ny Sovieta an-toerana ny fandraisana anaran' ny mpilatsaka an-tsitrapo tao amin' ny Tafika Mena, toerana izay nisehon' ny fandravana ny tafika taloha.

Novolavolaina sy nohamafisin' ny K.F.P.R. ny laha-tenim-pinianana atao am-pahibemaso ho an' ny mpilatsaka an-tsitrapo hiditra tao amin' ny T.M.M.T. Voafaritra mazava tao

anatiny, ny adidy ara-kilasy sy internasionalin' ny Tafika Mena vaovao. Toa izao no fonosin' izany finianana atao am-pahibemaso izany: "izaho zana-bahoaka mpiasa, tera-tanin' ny Repoblika sovietika, mandray amiko ny anaran' adin' ny Tafiky ny Mpiasa sy Tantsaha".

Eo anoloan' ny kilasin' ny mpiasan' i Rosia sy eran-tany, mandray andraikitra aho hitondra amam-boninahitra izany anarana izany, hianatra am-pahamarinana ny raharaha ara-miaramila ary hitandro toa ny anakandriamaso ny fananam-bahoaka sy ny miaramila...

Mandray andraikitra aho amin' ny antson' ny Governemantan' ny mpiasa sy ny tantsaha hiaro ny Repoblika sovietika amin' ny loza sy ny fanandramana hamono rehetra avy amin' ny fahavalony ary amin' ny ady ho amin' ny repoblikan' i Rosia sovietika, asan' ny sosialisma firahalahian' ny vahoaka ary tsy hitsitsy ny heriko na ny aiko".

Vonjimaika, fepe-pifindrana, nahazoana nanomana ny vahoaka mpiasa hiditra ankaterena tao amin' ny andian' ny Tafika Mena tamin' ny alàlan' ny fanompoana ara-miaramila tsy maintsy natao, ny fomba-pamenoana ny tafika vaovao. Ny fifidianana ny mpikamban' ny mpibaiko (hatramin' ny kolonely), ny foto-kevi-pamenoana an-tsitrapo no fotokevitra tokana marina tamin' izany fotoana izany sy niantoka ny fifidianana ara-kilasy ny mpikambana manokana avy tamin' ny mpiasa sy ny tantsaha mahantra ary ny fampandrosoana ny tsara indrindra tamin' izy

ireny ho eo amin' ny toeram-pibaikoana.

Nitan-toeran-dehibe teo amin' ny fanapotehana ny tobin' ny fahavalon' ny revolisiona an-toerana sy tamin' ny ady tamin' ny fitsofohana vahiny, nampiseho ny ohatry ny herim-po revolisionera tamin' ny ady ho amin' ny fitondran' ny Sovieta, ny andian' ny Tafika Mena vaovao nofenoin' ny mpilatsaka an-tsitrapo.

Tsy nitohy naharitra anefa ny fiatoana ara-pandriampahalemana azon' ny fanjakana sovietika, vokatry ny fanapotehana ny fikomian' ny fahavalon' ny revolisiona an-toerana sy ny fandraiketana fandriampahalemana tamin' i Alemaina. Tsy nankasitrahan' ny imperialista ny fandraiketam-pandriampahalemana ny Repoblika sovietika tamin' i Alemaina. Nanomboka nitsofoka mivantana hanohitra ny repoblika sovietika vaovao i Angletera, Frantsa ary i Etazonia, nihetsiketsika ny fahavalon' ny revolisiona teo an-toerana. Tao anatin' ireny fepetra ireny, nila nanana tafika matanjaka tsy tapaka ny Fanjakana sovietika.

Nandray didy "Mikasika ny fanamboarana ny Tafika Mena" ny kongresy faha-V-n' ny Sovieta (1918) izay nidika ny fanombohan' ny dingam-pananganana vaovaon' ny herin' ny tafika — fananganana ny tafika matanjaka tsy tapaka nifototra tamin' ny fanompoana ara-miaramilan' ny mpiasa tsy maintsy natao.

Voatsangana ny sampam-pitantanana aramiaramila vaovao eto an-toerana manerana

ny firenena — komisariata ara-miaramilan' ny faritany, faribohitra, faritra madinika. Tafiditra tao anatin' ny asany: ny fanisana ny mponina afaka manao fanompoana ara-miaramila, fiantsoana izy ireny ho tao amin' ny Tafika Mena, fanomanana ny ampahany sy ny rantsany ara-miaramila ary ny famatsiana azy ireny. Nitsangana avy tamin' ny Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa sy ny tantsaha nifanaraka tamin' izany ny komisariata ara-miaramila ary voamafin' ny Sovieta voalaza ambony ireo. Teo ambany fifehezan' ny komisarim-bahoaka mikasika ny raharaha ara-miaramila izy ireny tao anatin' ny asany pratika ara-miaramila.

Niantoka ny fitondran' ny Tafika Mena tsy tapaka raha ny fahatsarana sy fahabetsahana no jerena; asan' ny antoko sy ny governemanta: raha niisa olona iray tapitrisa tamin' ny janoary 1919, feno 5,5 tapitrisa ny mpikambana tao anatiny tamin' ny lohataona 1920.

Natao ny asa lehibe — fikarakarana ny mpibaiko ho an' ny Tafika Mena avy tamin' ny mpiasa sy ny tantsaha. Niaraka tamin' izany koa, notarihina ho tao amin' ny fitondran' ny Sovieta, ny manam-pahaizana manokana ara-miaramila marina avy tamin' ny manamboninahitry ny tafika taloha. Betsaka tamin' izy ireny taty aoriana no lasa mpitarika ara-miaramila malaza sovietika.

Natsangana ny adidin' ny komisary miaramila teo amin' ny tafika. Niantohany ny fitantanana ara-politika, fanazavana sy ny fanatanterahana tao amin' ny tafika ny politikan' ny antoko sy ny Fitondran' ny Sovieta. Tsy maintsy tanterahin' ny komisary ny toro-làlana sy ny didin' ny komisary miaramila mikasika ny fanontaniana rehetra momba ny asa ara-miaramila. Voatendry tamin' ny toeran' ny komisary miaramila ny revolisiona kominista mahatoky, mpiady mena vazana mpiaro ny tombontsoan' ny mpiasa sy ny tantsaha. Niteny i V. I. Lénine hoe: "Raha tsy nisy ny komisary miaramila tsy nanana Tafika Mena angamba isika"[1].

Notanterahin' ny F.K.B. ny fitantanana ankapobeny ny Tafika Menan' ny Mpiasa sy ny Tantsaha; ary fitarihana mivantana sy ny fitantanana nomena andraikitra ny komisarim-bahoaka mikasika ny raharaha ara-miaramila. Noraisiny andraikitra koa ny asa rehetra mikasika ny fanomanana ny andian-tafika.

Tao anatin' ny fepetry ny fitsofohana an-tafika vahiny ary ny ady an-trano, tamin' ny repoblika sovietika voambara ho tobin' ady, voatsangana ny Filan-kevitry ny fiarovana ny mpiasa sy ny tantsaha (Filan-kevitry ny fiarovana) araka ny didin' ny K.F.M.R. tamin' ny 30 novambra 1918. Sampampanjakana sovietika manokana izy io, niasa fotsiny tao anatin' ny fepetra tena sarotra manokana. Nomena azy io ny fahefana feno

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 41, p. 148.

tamin' ny fanangonana ny hery sy fitaovan' ny firenena mba hiantohana ny fiarovana. Voatendry ho filohan' ny Filan-kevitry ny fiarovana ny filohan' ny F.K.B. V. I. Léninе. Nisahana ny asan' ny sampan-draharaha miaramila sy ny hafa momba ny fanontanian' ny fiarovana ny Filan-kevitry ny fiarovana. Tsy maintsy notanterahina ny fehin-keviny ho an' ny sampana, sampan-draharaham-panjakana ho an' ny olom-pirenena rehetra. Nanjary foibe lehibem-panjakana sovietika ara-toekarena miaramila sy ara-drafitra izy teo amin' ny taona voalohany niforonany.

Nafindra ho teo amin' ny toeran' ny tafika an' asa, izay nampiasaina ho tamin' ny fanarenana ny toekarem-pirenena, ny ampahan' ny Tafika Mena taorian' ny fanapotehana ny fitsofohana vahiny sy ny fiafaran' ny ady an-trano ary tamin' ny fifindran' ny firenena sovietika ho amin' ny fananganana toekarena tao anatin' ny fandriampahalemana. Mbola notànana tao anatin' ny tafika an' asa ny milina ara-miaramila. Voatsangana tamin' ny janoary 1920 ny tafika an' asa voalohany. Nanao asa lehibe tamin' ny fanorenana ny fitaterana ara-dalamby, fitrandrahana arin-tany, fikarakarana ny ala. Notohanan' ny governemanta sovietika tanteraka izany asam-panombohan' ny miaramila izany. Naely tamin' ny tafika hafa ny ohatry ny tafika an' asa voalohany.

Nateraky ny toe-draharaha ara-tantara manokana, izay nisy ny repoblika sovietika, ny fananganana ny tafika an' asa. An-

daniny, mbola nisy toa ny taloha ny lozan' ny fitsofohana vahiny nataon' ny fanjakana imperialista an-kilany, nilaina ny fanararaotana ny fotoana nalamina hanarenana ny toekarena simba. Nihevitra ny governemanta sovietika fa toa ny fepetra nilaina vonjimaika, azo ampiasaina fotsiny tao anatin' ny fepetra azo tsapain-tànam-pandrosoan' ny fitondran' ny Sovieta tamin' izany fotoana izany, ny fananganana ny tafika an' asa.

Nanjary nanitatra ny asany ara-toekarena ny Filan-kevitry ny fiarovana ary nihavery niandalana ny fahefany feno nandritra ny fotoam-piasan' ny tafika an' asa. Voatsangana tao anatin' ny vaomieran' ny F.K.B. izy io tamin' ny aprily 1920 araka ny didin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka ary lasa nitondra ny anarana hoe: "Filan-kevitry ny asa sy ny fiarovana" (F.A.F.). Nohamafisin' ny kongresy faha-VIII-n' ny Sovieta ny didy mikasika ny F.A.F.

Ny filohan' ny F.K.B. no filohany, nanan-jo ho mpikambana tao anatiny ny komisarim-bahoaka ara-miaramila ary ny komisarim-bahoaka mpitantana ara-toekarena.

Napetraka tamin' ny F.A.F. ny fandrindrana ny asan' ny komisarim-bahoaka rehetra ary ny sampana foibe hafa mikasika ny fiantohana ny fiarovana sy ny fananganana ara-toekarena.

Nitarika fampihenana tampoka ny tafika ny fotoana teteza-mita ho tamin' ny fananganana ara-toekarena niaraka tamin' ny fitakiana — fampitomboana ny fahavono-

nany an' ady. Niteny i V. I. Lénine hoe: "Tokony ho tanteraka ny Tafika Mena, amin' ny fomba rehetra ho ao anatin' ny fahavononany an' ady rehetra ary hohamafisina ny fahazoany an' ady... Eo am-pampihenana ny tafika, tanantsika ny heriny anatiny, izay tsy hametraka havesarana betsaka ho an' ny repoblika ao anatin' ny hevitra fonosiny"[1].

Nahena indroa avo heny ny tafika nandritra ny taona 1921, ny miaramila sy ny tantsambo ihany no voakasiky ny fandroahana avy tamin' ny tafika, tsy nihena ny mpikamban' ny mpibaiko.

Mbola notànana ny foto-kevi-pamenoana an-katerena ny tafika. Noraisina ny didin' ny K.F.M.R. sy ny F.K.B. "Mikasika ny fanompoana ara-miaramila tsy maintsy atao ho an' ny lehilahy rehetra manerana an' i Rosia", izay nanamafy ny foto-kevi-panompoana ara-miaramila tsy maintsy natao. Nampiakarina nanomboka tamin' ny 18 ka hatramin' ny 20 taona ny taom-piantsoana, izay nanafaka ny hery an' asa nahazoana hanarenana sy hampandrosoana ny toekarem-pirenena. Hoatra ny taloha tsy noraisina tao amin' ny tafika ny olona, tsy manan-jo hifidy.

Natao ny fanovàna ara-miaramila tamin' ny 1924-1925, fanaovana ny rafitra mifangarom-pandaminan' ny miaramila no tena adidy lehibé tamin' izany. Nitambatra araka ny

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 42, p. 130.

rafi-panatsarana ara-paritany, ankehitriny ny manam-pahaizana miaramila nanana fe-potoana lava, ka hatramin' ny 4 taona tamin' ny fanompoam-pirenena, toa izao no foto-kevi-dehibe tamin' izany: antsoina ho toa amin' ny tafika teo amin' ny toeram-ponenany nandritra ny fe-potoana fohy, teo amin' ny antsoina hoe fivoriana ara-pianarana, ireo tsy maintsy manao fanompoana ara-miaramila. Manaraka izany fivoriana ara-pianarana izany ny lehilahy tsirairay avy isan' andro ao anatin' ny dimy taona, mandritra ny fotoana ahazoana ny fe-potoana nanarahany fivoriana ara-pianarana ho feno 8 ka hatramin' ny 12 volana. Tsy tapaka tao anatin' izany rafitra izany ny mpikambana mpibaiko, izay herin' ny tafika.

Nanome lanja lehibe manokana ny fanamboarana manaraka ny Tafika Mena ny fitondran' ny Sovieta. Nankatoavin ny kongresy faha-III-n' ny Sovietan' ny Firaisana Sovietika (may 1925) ny asan' ny governemanta mikasika ny fampihenana ny tafika ho 560, izay 5,5 hetsy taloha. Izany no porofon' ny politika ivelany mitandro fandriampahaleman' ny Firaisana Sovietika. Miaraka tamin' izany, nanome fahefana ny governemanta sy ny komisarim-bahoaka misahana ny raharaha ara-miaramila sy an-dranomasina, ny kongresin' ny Sovieta mba handray fepetra ilaina tamin' ny fanamafisana ny fiarovam-pirenena.

Tamin' ny kongresy faha-IV-n' ny Sovietan' ny Firaisana Sovietika, voamarika tao anatin' ny didy "Mikasika ny fiarovana ny fi-

nany an' ady. Niteny i V. I. Lénine hoe: "Tokony ho tanteraka ny Tafika Mena, amin' ny fomba rehetra ho ao anatin' ny fahavononany an' ady rehetra ary hohamafisina ny fahazoany an' ady... Eo am-pampihenana ny tafika, tanantsika ny heriny anatiny, izay tsy hametraka havesarana betsaka ho an' ny repoblika ao anatin' ny hevitra fonosiny"[1].

Nahena indroa avo heny ny tafika nandritra ny taona 1921, ny miaramila sy ny tantsambo ihany no voakasiky ny fandroahana avy tamin' ny tafika, tsy nihena ny mpikamban' ny mpibaiko.

Mbola notànana ny foto-kevi-pamenoana an-katerena ny tafika. Noraisina ny didin' ny K.F.M.R. sy ny F.K.B. "Mikasika ny fanompoana ara-miaramila tsy maintsy atao ho an' ny lehilahy rehetra manerana an' i Rosia", izay nanamafy ny foto-kevi-panompoana ara-miaramila tsy maintsy natao. Nampiakarina nanomboka tamin' ny 18 ka hatramin' ny 20 taona ny taom-piantsoana, izay nanafaka ny hery an' asa nahazoana hanarenana sy hampandrosoana ny toekarem-pirenena. Hoatra ny taloha tsy noraisina tao amin' ny tafika ny olona, tsy manan-jo hifidy.

Natao ny fanovàna ara-miaramila tamin' ny 1924-1925, fanaovana ny rafitra mifangarom-pandaminan' ny miaramila no tena adidy lehibe tamin' izany. Nitambatra araka ny

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 42, p. 130.

rafi-panatsarana ara-paritany, ankehitriny ny manam-pahaizana miaramila nanana fe-potoana lava, ka hatramin' ny 4 taona tamin' ny fanompoam-pirenena, toa izao no foto-kevi-dehibe tamin' izany: antsoina ho toa amin' ny tafika teo amin' ny toeram-ponenany nandritra ny fe-potoana fohy, teo amin' ny antsoina hoe fivoriana ara-pianarana, ireo tsy maintsy manao fanompoana ara-miaramila. Manaraka izany fivoriana ara-pianarana izany ny lehilahy tsirairay avy isan' andro ao anatin' ny dimy taona, mandritra ny fotoana ahazoana ny fe-potoana nanarahany fivoriana ara-pianarana ho feno 8 ka hatramin' ny 12 volana. Tsy tapaka tao anatin' izany rafitra izany ny mpikambana mpibaiko, izay herin' ny tafika.

Nanome lanja lehibe manokana ny fanamboarana manaraka ny Tafika Mena ny fitondran' ny Sovieta. Nankatoavin ny kongresy faha-III-n' ny Sovietan' ny Firaisana Sovietika (may 1925) ny asan' ny governemanta mikasika ny fampihenana ny tafika ho 560, izay 5,5 hetsy taloha. Izany no porofon' ny politika ivelany mitandro fandriampahaleman' ny Firaisana Sovietika. Miaraka tamin' izany, nanome fahefana ny governemanta sy ny komisarim-bahoaka misahana ny raharaha ara-miaramila sy an-dranomasina, ny kongresin' ny Sovieta mba handray fepetra ilaina tamin' ny fanamafisana ny fiarovam-pirenena.

Tamin' ny kongresy faha-IV-n' ny Sovietan' ny Firaisana Sovietika, voamarika tao anatin' ny didy "Mikasika ny fiarovana ny fi-

renena sy ny toe-draharahan' ny Tafika Menan' ny Mpiasa sy ny Tantsaha", fa mitandro hentitra ny politikam-pandriampahalemana ny Firaisana Sovietika ary manamafy ny fifandraisana ara-pirahalahiana amin' ny fanjakana rehetra. Ny repoblikan' ny Sovieta no fanjakana tokana nanana fandaniambola ara-miaramila, izay tsy vitan' ny hoe tsy nitombo fotsiny raha oharina tamin' ny taona 1913, fa mbola tsy nahatratra akory ny antsasa-pandaniam-bola ara-miaramila nataon' ny governemantan' ny tsar. Mbola nitohy nitombo anefa ny loza ara-miaramila avy tamin' ny fanjakana kapitalista, niseho ny fandrahonan' ny fitsofohana mivantana hanoherana ny Firaisana Sovietika. Nanome andraikitra an' ny F.K.B. ny kongresy hanohy ny politikam-piarahana ao anatin' ny fandriampahalemana amin' ny firenen-drehetra sy hanamafy miaraka amin' izany ny asa mikasika ny fanamafisana ny Tafika Mena sy ny fiarovana ny firenena, mba ho fitandroana ny fiarovana ny fanangana sosialista ary ny zava-bitan' ny revolision' ny volana Oktobra. Niasa ho tena sekolim-pitaizana marina ny fitiavan-tanindrazana sy ny internasionalisma ho an' ny vahoaka sovietika rehetra ny Tafika Mena. Nampifanatonany ny firenena sy ny foko, tsy teo amin' ny fandaminana ihany fa tamin' ny fampitambaran-teny koa, tamin' ny alàlan' ny fampiasana ny teny rosiana.

Noporofoin' ny fizotry ny toe-javatra niseho taty aoriana ny fahamarinan' io

politika io tao anatin' ny fanontaniampananganana ny hery ara-miaramila sovietika, rehefa nahazo fanoherana mendriky ny hery ara-tafiky ny firenen' ny Sovieta izay mety ho fitsofohana vahiny. Tena hita nisongadina izany tamin' ny adim-pirenena lehibe (1941-1945); tamin' ny tafika sovietika, voataiza ara-pitiavan-tanindrazana, voarongo fiadiana ara-teknika, niaraka tamin' ny vahoaka rehetra niaro ny fahafahana sy ny fanaleovantenan' ny fanjakana sosialista sovietika tao anatin' ny ady tamin' ny mpandromba fasista alemà ary nitondra ho an' ny firenena eran-tany ny fahafahana tamin' ny fasisma sy ny fandrobana.

3. Ny fananganana sy ny asan' ny milisy, ny tribonaly revolisionera, ny fitsarana

Nipetraka talohan' ny fanatanterahana ny revolisiona sosialista ny fanontaniana nikasika ny fandaminana ny milisy proletariana. Ny revolisiona "bourgeois"-demokratika teto Rosia tamin' ny taona 1905-1907 no nametraka azy io, raha nanangana ny andian' olony mitam-pitaovam-piadiana ny Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, izay nateraky ny revolisiona.

Nofakafakain' i V. I. Lénine tamin' ny antsipiriany ny toerana tànana sy ny lanjan' ny milisy proletariana tao amin' ny taratasy nosoratany antsoina hoe "Taratasy avy lavitra", tamin' ny nandinihany ny ohatra

momba ny fananganana ny milisin' ny mpiasa tamin' ny taona 1905-1907. Izao no nosoratany: "Milisy toa inona no ilaintsika sy ny proletariata ary ny vahoaka mpiasa rehetra? Milisim-*bahoaka* no tena izy, izany hoe nijoro avy amin' ny vahoaka manontolo *tsirairay* amin' ny voalohany... ary manambatra ao amin' ny asan' ny foloalindahim-bahoaka amin' ny asan' ny polisy sy ny an' ny sampana lehibe ara-pototry ny filaminam-panjakana ary ny fitantanam-panjakana, amin' ny faharoa"[1].

Namariparitra mialoha ny lamin' ny fananganana sy ny endriky ny fandaminana ny milisy teo amin' ny revolisiona sosialista ireo hevitra naroson' i Lénine ireo.

Efa hatramin' ny nisian' ny milim-panjakana tranainy teto Rosia no nanombohana ny fampijoroana ny milisy. Nofoanana ny zandarmaria ary nampitsahatra ny asany ny sampan-draharahan' ny polisy ny volana marsa 1917 tamin' ny nianjeran' ny rafipitondran' ny "tsar" taorian' ny revolisiona "bourgeos"-demokratikan' ny volana febroary 1917. Najoro teo amin' ny toeran' izy ireo ny milisim-"bahoaka", izay nampiasain' ny governemanta Vonjimaika "bourgeois". Saingy tsy lasa mpiaro marina ny tombontsoan' ny tompomenakely sy ny "bourgeoisie" anefa ny milisim-"bahoaka" na dia nanandrana ny hanome azy io ny asan' ny polisy teo aloha azo ny governemanta Vonjimaika.

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 31, p. 42.

Nanomboka nijoro koa tamin' io fotoana io ny andia-milisy proletariana. Lasa nihamitombo bebe hatrany ny tanjaky ny bôlshevika tao amin' ny milisim-"bahoaka", ary lasa milisy proletariana marina tokoa izy io tany amin' ny faritany sasantsasany. Nanampy ny fihitan' ny fitondram-panjakana hankeo am-pelatanan' ny Filan-kevitry ny mpiasa ny milisim-"bahoaka" tany amin' ny tanàn-dehibe sasantsasany tamin' ny fotoana nanaovana ny fanatontosana ny revolisiona sosialista.

Niankina tanteraka tamin' ny asa nataony ny ho avin' ny milisim-"bahoaka" teo amin' ny revolisiona proletariana. Niray marina tamin' ny tena milisin' ny mpiasa izy raha toa nanaiky ny fitondrana sovietika sy nanampy ny fanamafisana orina azy, saingy ho montsana kosa izy io raha toa kosa ka naneho fahaloniloniana mivantana tamin' ny fifandraisana tamin' ny fitondrana sovietika ny sampan-draharahany.

Voalohany no voafaritra an-dalàna ny toerana tànan' ny milisy ho toa ny sampandraharahan' ny fitondran' ny Sovieta tao amin' ny didy novoakan' ny Komisarimbahoaka miandraikitra ny ati-tany tamin' ny 28 oktobra (10 novambra) 1917, antsoiny hoe "Ny momba ny milisin' ny mpiasa". Nankinina manokana manontolo tamin' ny Filan-kevitry ny solombavam-bahoaky ny mpiasa sy tantsaha ny fandaminana ny milisin' ny mpiasa. Ny milisy no sampandraharaha mpanatanterak' izy ireo hatrany

am-boalohany. Tsy nisy endrika tokana teo amin' ny fandaminana ny milisy teo am-boalohany, saingy voaro kosa ny tanjon-dehibe: ny fitondrana ny lamina revolisionera. Nihetsika teo amin' ny fototra ara-piarahamonina ny milisin' ny mpiasa teo amin' ny ankamaroam-pisehoan-javatra. Tsy nandoavan-karama ny mambrany araka ny fitsipika, ary nanatontosa ny andraikitra sahaniny ho toa ny adidy izy ireo. Andoavan' ny orinasa izay nidiran' ny mpiasa tao amin' ny milisy kosa amin' ny fisehoan-javatra hafa ny milisin' ny mpiasa.

Najoro tamin' ny alàlan' ny taratasy fanamarinana nataon' ny Sovieta an-toerana ny fahefana feno teo amin' ny milisin' ny mpiasa tamin' ireo volana voalohany nandresen' ny revolisiona, ary narahina tsara koa tamin' ny ankapobeny ny tanjon' ny fampitaovana ny filàna an-toerana momba ny fitandroana ny filaminana ara-piarahamonina, araka izany. Nifandray tamin' ny fakàna hetra mivantana nofaritan' ny didin' ny Filan-kevitry ny komisarim-bahoaka izay navoaka ny 24 novambra 1917 ny asa voafaritra tsara voalohany am-panjakana ankapobe izay napetraka teo amin' ny milisy.

Nihanihitatra tsikelikely tato aoriana ny sehatry ny asam-panjakana ankapobe toa izany, izay napetraka tamin' ny milisy. Napetraka tamin' ny milisy ny tolona anoherana ny heloka sy ny fandikan-dalàna atao amin' ny vahoaka amin' ny alàlan' ny fampiasan-gazety, araka ny didy nivoaka

tamin' ny 10 febroary 1918, izay nantsoina hoe "Ny momba ny tribonaly revolisioneran' ny gazety".

Lasa tsikelikely sampan-draharaham-panjakana tokana mihetsiketsika eo amin' ny foto-kevitra sosialista miray ny milisy. Ny tolona anoherana ny heloka bevava ary koa ny fitandroana sy ny fanamafisana orina ny filaminana ara-piarahamonina teo amin' ny firenena no adidy lehibe nosahaniny. Nampahafantatra ny mponina an' ireo didy sy didy hitsivolana hafa navoakan' ireo sampan-draharahan' ny fitondrana Sovietika ny milisy. Lasa niova ho fandaminana ara-panjakana izay mizàka ny zo maharitry ny mpiasam-panjakana ny milisy hatramin' ny volana marsa 1918, avy tamin' ny nahafandaminana azy, izay nihetsiketsika teo amin' ny fototra ara-piarahamonina.

Niova ho sampan-draharaham-panjakana nanana ny rafi-pandaminany tokana ny milisy araka ny toro-làlana nantsoina hoe "Momba ny fananganana ny milisin' ny Mpiasa sy Tantsaha Sovietika" izay nivoaka ny 12 oktobra 1918. Teo ambany fitondran' ny Sovieta an-toerana ny milisy hatramin' ny taona 1931, ary avy eo kosa teo amin' ny rafitry ny komisariatam-bahoaka.

Notarihin' ny Fitantanana lehiben' ny milisy izany tao anatin' ny Komisariatam-bahoaka miandraikitra ny ati-tany, ny milisy (K.B.M.A.). Nihetsiketsika teny an-toerana ny fitondran' ny milisy an-tanàn-dehibe, sy teny amin' ny faribohitra ary teny amin'

ny faritany. Tamin' ny vola fampiasa teny an-toerana no nentina nikarakarana ny milisy, saingy nahazo fanampiana avy tamin' ny fitaovana teo amin' ny K.B.M.A. koa izy.

Najoro tamim-poto-kevitra ara-kilasy toa izay natao tamin' ny foloalindahy koa ny milisy. Ny mpiasa, olom-pirenen' ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietikan' i Rosia, feno 21 taona sy mahay manoratra sy mamaky teny tsara ary manan-jo hifidy sy manaiky ny fitondran' ny Sovieta ihany no azo nahiditra ho isan' ny mpiasa maharitra teo aminy. Tsy afaka niasa tao amin' ny milisy ireo solontenan' ny kilasy mpitsentsitra: ireo olona mampiasa asa karamaina mba ahazoan-tombom-barotra sy miaina amin' ny fahazoam-bola tsy tamin' asa, ary ireo mpivarotra manokana sy mpanera ara-barotra, ary koa ireo mpiasa sy mpitsikilon' ny sampan' ny zandarmaria teo aloha sy ny olon' ny polisy teo aloha.

Fitakiana avo kokoa no naroso tamin' ireo mpiasa mpitondra ny milisy sovietika. Ireo olona manaiky hiaro marina ny tombontsoan' ny kilasin' ny mpiasa sy ny tantsaha mahantra no napetraka teo amin' ny toeran' ny lehibem-pitondran' ny milisy teny amin' ny tanàn-dehibe sy faribohitra ary faritany. Notakiana tamin' izy ireo ny taratasy fanamarinana avy tamin' ny antoko sy ireo sendika sy Sovieta an-toerana manohana ny hevitry ny fitondran' ny Sovieta. Naely tamin' ny milisin' ny repoblika sovietika hafa tato aoriana ny fananan-kerin'

io toro-làlana io.

Tsy ampy ny kadra tao amin' ny milisy. Tany an-daharan' ny Tafika Mena izay niaro ny fitondran' ny Sovieta daholo ny ankamaroan' ny mpiasa sy tantsaha mahatsiaro tena sy afaka hitam-piadiana. Mbola nibahan-toerana tao an-tsain' ny ampaha-mpiasa voafaritra ihany koa ny fiheverana fa sampandraharaha mifanohitra amin' ny tombontsoam-bahoaka toa ny polisy ny milisy.

Tsy ny fitandroana ny filaminana arapiarahamonina ihany, fa ny fandraisana anjara mivantana teo amin' ny ady miaramila tany am-bava ady koa no adidy napetraka tamin' ny milisy tamin' ny fepetry ny ady an-trano sy ny fitsofohana avy tany ivelany. Tsy maintsy nianatra ny raharaha miaramila sy nahay ny fitsipi-panorenana rehetra nanankery tao amin' ny Tafika Mena ny mpiaramiasan' ny milisy ho fanatratrarana izany tanjona izany. Nanjary najoro araka ny endriky ny fitsinjarazarana ara-miaramilan' ny Tafika Mena ny milisy teo amin' ny fandaminana azy an-koatr' izany. Lasa milisy ara-miaramila izy io. Toe-draharaha toa izany no nisy teo amin' ny milisy hatramin' ny nihitana nankamin' ny fananganana arahim-pilaminana.

Foana ny asa sasantsasany nosahanin' ny milisy izay toa ny fikambanana mitampiadiana teo amin' ny fepetra vaovao. Noraisina ny Lalàna vaovao mikasika ny milisin' ny mpiasa sy ny tantsaha tamin' ny volana jona 1920. Nanamafy ny rafitra sy ny fahefana fenon' ny Fitondrana lehiben' ny mili-

sy, ary koa namariparitra ny rafi-pandamina sy ny asam-pitantanan' ny milisy teo amin' ny komity mpanatanteraka tao amin' ny Sovietin' ny faritany sy faribohitra ary teny an-tanàn-dehibe, sy nampijoro koa ny fitsipi-panorenana an-dalàna ny milisy ara-dalamby sy an-drano ho toa ny tohin-drojo manokan' ny milisy sovietika, izy io. Nanamafy ny lamin' ny fametrahana sy ny fanesorana an' ireo lehiben' ny fitantanana sy sampan-draharahan' ny milisy koa io Lalàna io. Noraisina tao amin' ny milisy ireo olona tsy latsaky ny 18 taona ary tsy mihoatra ny 50 taona.

Nanamafy teo amin' ny milisy an' ireo foto-kevitry ny rafitra ankapobe tokana ara-pandaminana avy any ambany mankany ambony, ary koa ny fileferana hentitra ataon' ny sampan-draharaha ambany amin' ny sampan-draharaha ambony sy ny fitsinjarana teo amin' izy ireo ny fahefana feno araka ny tokony ho izy tamin' ny ankapobeny, ny Lalàna vaovao. Niely tany amin' ny repoblika sovietika hafa sy nanan-kery nihoatra ny folo taona hatramin' ny taona 1931 io Lalàna mikasika ny milisin' i R.F.S.S.R. io, tamin' ny nitanany toerana lehibe teo amin' ny fampandrosoana sy ny fanatsarana ny milisy sovietika tamin' ny fotoana teteza-mita teo amin' ny fanjakana Sovietika.

Nanan-kery hatramin' izao fotoana izao eo amin' ny fanjakana Sovietika ireo foto-kevitry ny fandaminana sy ny asan' ny milisy izay napetraka tamin' ny fotoana teteza-mita.

Nihetsiketsika ireo tribonaly revolisionera tamin' ny fotoan' andron' ny revolisionan' ny volana Oktobra, ary koa tamin' ny fotoan' andron' ny fitsofohana ara-tafika avy tany ivelany sy ny ady an-trano. Najoron' ny didy nataon' ny Filan-kevitry ny komisarim-bahoaka navoaka ny 11 (24) novambra 1917 izy ireo ho enti-mitolona handresena an' ireo heloka bevava mampidi-doza bebe kokoa sy ny fahavalon' ny revolisiona. Nofidin' ny Sovieta an-toerana ny tribonaly revolisiona ka isan' izany ny filoha iray sy ny mpanara-masom-bahoaka niisa 6 ary tato aoriana mambra telon' ny tribonaly revolisionera. Ny heloka bevava tena mampidi-doza izay mandrahona ny zava-bitan' ny revolisiona no nodinihan' izy ireo, anisan' izany heloka izany ny heloka bevava manohitra ny revolisiona, ny varo-maizina, ny heloka ataon' ny olona tsy manatanteraka ny adidy, ary ny fandikàna am-batravatra ny lalàn' ny fitondran' ny Sovieta.

Azo lazaina ho fepe-panasaziana maivana no noraisin' ny tribonaly revolisionera tamin' ny voalohany: nanomboka tamin' ny fandoavan-damandy sy fitanan-karena ka hatramin' ny filazam-pampandrenesana ara-piarahamonina na fitarihana hankamin' ny asa ara-piarahamonina tsy maintsy atao izany. Noraisina koa tamin' izany ny fepe-panasaziana tamin' ny fanalàna manontolo na ny sasantsasany tamin' ireo zo ara-politika sy tamin' ny fanamelohana ho fahavalon' ny vahoaka.

7–598

Saingy arakaraka ny nahamafisan' ny fihetsiky ny fahavalon' ny revolisiona no nahatonga koa ny tribonaly revolisionera ho nandray fepetra henjana ara-panasaziana hanoherana an' ireo fahavalon' ny fitondrana Sovietika. Nafindra tamin' izy ireo fahavalon' ny fitondrana Sovietika. Nafindra tamin' izy ireo tamin' ny volana may 1918 ny fandinihana ny raharaha mikasika ny fandripahana ain' olona sy ny risoriso ary ny fandoroan-javatra sy ny hosoka mbamin' ny fampiasana tsy araka ny lalàna ny tahirin-kevitra sovietika ary ny fitsikilovana.

Nihanipetraka niandalana ny rafitry ny tribonaly. Natsangana ny Tribonaly revolisionera teo amin' ny Komity Foibe Mpanatanteraka manerana an' i Rosia (K.F.M.R.). Nandinika ireo raharaha manan-danja tsy dinihan' ny tribonaly an-toerana izy io. Najoro teo amin' ny K.F.M.R. koa ny sampan-draharahan' ny Tribonalim-panalan-tsazy ("cour de Cassation") ho fandinihana an' ireo fitarainana sy fanoherana an' ireo didimpitsaran' ny tribonaly revolisionera. Izany no nanatontosana ny fananganana ny rafitry ny tribonaly avy any ambany mankany ambony.

Tsy voafetra na inona na inona ny tribonaly revolisionera teo amin' ny fifidianana an' ireo fepe-pitolomana hanoherana ny fahavalon' ny revolisiona sy ny fandravana efa ary ireo heloka hafa mifanahantahaka amin' izany.

Tsy nampiakarina fitsarana ambony ny

fanapahan-kevitry ny tribonaly revolisionera tamin' ireo volana voalohany nijoroany. Saingy nanan-jo fitarainana sahady ny didimpitsarana teo amin' ny sampan' ny fanafoanana ny didy navoaka ("cour de Cassation") ilay voaheloka hatramin' ny volana oktobra 1918.

Nampihena ny sehatr' asan' ny tribonaly revolisionera ny didy nikasika azy ireo izay navoaka tamin' ny 12 avrily 1919. Voalaza tao amin' izy io fa ny raharaha mikasika ny fihetsiketsehana manohitra ny revolisiona sy ireo hafa mifanahantahaka amin' izany, izay katsahina hanoherana ny zava-bitan' ny revolisionan' ny volana Oktobra sy hanapotehana ny fitondrana Sovietika no azo tsarain' ny tribonaly revolisionera. Atrehimbahoaka ny raharahan' ny tribonaly izay ahitana ihany koa ny helohina sy ny mpiaro.

Nofoanana ny tribonaly revolisionera tamin' ny taona 1922 noho ny fihitàna nankamin' ny asa milamina mikasika ny fanarenana ny toekarena.

Nopotehin' ny fitondrana Sovietika ny milim-pitsarana tranainy sy nomontsanina daholo ny fitsarana rehetra, toa ny efipitsarana sy ny Senat izay noheverina ho ambaratongam-pitsarana ambony. Najoro teo amin' ny fototra demokratika ny fitsarana vaovao. Nofidina izy ireo, ary niasa niaraka tamin' ny fandraisan' ny mpanara-masombahoaka anjara.

Efa hatramin' ireo taona voalohany nijoroan' ny fitondrana Sovietika ireo foto-

kevitry ny fandaminana ny fitsaram-bahoaka teo amin' ny fanjakana Sovietika. Nametraka ny fototry ny rafi-pitsarana sovietika ny didy mikasika ny fitsarana navoakan' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka tamin' ny 11 (24) novambra 1917.

Ireo fitsarana an-toerana izay nandinika ny raharaha sivily sy ara-keloka bevava no voatsangana voalohany indrindra. Najoro ny fandraisan' ny mpanara-masom-bahoaka anjara teo amin' ny fitsarana ary nambara ny zon' ny voaheloka tamin' ny fiarovan-tena. Nampijoro ny fitondrana ny raharaham-pitsarana tamin' ny fiteny an-toerana ary nanamarina tsara ny fiantsoana an' ireo fitsarana ny didy mikasika ny fitsarana navoaka ny 22 febroary, tamin' ny niantsoany azy ireo tamin' ny hoe fitsaram-bahoaka an-toerana.

Najoro tamin' ny alàlan' ny didy mikasika ny fitsarana izay navoaka ny 20 jona 1918, fa voarara ny fampiharana ny lalàna lany andro, ka tamin' ny alàlan' ny didy nataon' ny fanjakana Sovietika sy ny fisainana revolisionera ihany no nahafahan' ny fitsarana nitantana ny asany ho fitandroana ny lalàna revolisionera. Nahatra marina tokoa ny famariparitana teo amin' ny tribonaly revolisionera sy ny fitsarana iombonam-be. Nandinika ireo raharaha momba ny heloka bevava rehetra tamin' ny fameperana ny andraiki-pitsarana teo amin' izy ireo ireto farany, fa nitarika ny tolona ho enti-manohitra an' ireo olona fahavalon' ny revolisiona kosa ny tribonaly.

Nitovy zo tamin' ireo mpitsara maharitra ny mpanara-maso tao amin' ny fitsaram-bahoaka. Natao tamin' ny tenin' ny tena ny fizoran' ny fitsarana. Natsangana ny sampam-pitantanam-pitsarana izay niditra ara-pomba milamina tao amin' ny Komisarim-bahoaka miandraikitra ny fitsarana. Izao avy no sampana teo amin' ny milin' izy io: ny fizoran' ny fitsarana, ny fanaraha-maso ara-pitsarana, ny fakàna am-bava, ny fakan-kevitra ankapobe, ny fanasaziana sy ny sosonkevitra an-dalàna ary ny fanaovan-dalàna.

Voapetraka sy niroborobo ny rafitry ny sampam-piarovan-jo sovietika tamin' ny fijerena ny toe-javatra sarotra nisy tamin' ireo taona ireo. Nitana ireo sampana mahazatra momba ny fitondrana sy ny fiarovana ny filaminana ara-piarahamonina ary ny fototry ny fanjakana Sovietika (milisy sy fitsarana) sy ireo sampan-draharaha manokana — ny tribonaly, teo aminy izy io.

Nihanitombo hatrany ny fitakiana ho amin' ny fitandroana ny lalàna sosialista, ary novàna araka izany koa ireo sampam-pitsarana an-toerana tamin' ny fihitana nankamin' ny fananganana milamina. Najoro ny sampan' ny fampanaovan-dalàna tamin' ny volana may 1922, ary novàna ny rafitra ara-pitsarana tamin' ny novambra 1922. Voatsangana ny rafitra tokan' ny sampan-draharaham-pitsarana: ny fitsaram-bahoaka sy ny fitsarana ara-paritany ary ny Fitsarana antampon' ny R.F.S.S.R. Voajoro ny Fitsarana an-tampon' ny R.F.S.S.R. tamin' ny

taona 1924. Voatsangana ihany koa ny fitsarana manokana: ny tribonaly miaramila sy ny tribonaly ara-pitaterana miaramila. Nampiseho ny fahavelomany tanteraka tokoa io rafi-pitsarana io, nanan-kery izy io nandritra ny fotoana teteza-mita manontolo, ka hatramin' izao fotoana izao dia mbola nitana an' ireo foto-kevitry ny fizoram-pitsarana demokratika voalaza tao anatiny.

NY FANANGANANA IREO SAMPAN-DRAHARAHAM-PITANTANANA SY NY ASAM-PANJAKANA SOVIETIKA

Ny fandaminana ireo sampan-draharaham-pitantanam-panjakana an-toerana

Nizotra teo amin' ny fepetra sarotra ny fandaminana ireo sampan-draharahan' ny fitondrana Sovietika an-toerana taorian' ny revolisiona. Tsy nandeha ara-dalàna ny fifandraisana tamin' ny foibe. Maro ny "famoronan-javatra an-toerana" teny an-toerana, ary nanohy ny fihetsiketsehany ireo sampan-draharaham-pitantanana tranainy "bourgeois" an-toerana, toa ny antenimieran-tanàna sy ny fizakan-tena ara-pitondrana an-toerana. Voatsangana ny sampan-draharaha vaovao — ny Sovieta. Voajoro mihitsy ireo governemanta an-toerana, toa ny Filan-kevitry ny Komisariatam-bahoaka tany amin' ireo tanàndehibe sasantsasany.

Ny Komity Mpanatanteraka foibe manerana an' i Rosia (K.M.F.R.) sy ny Komity Miaramila Revolisionera no nanatontosa ny fitondrana ankapoben' ny sampana an-toerana, saingy napetraka tamin' ny Komisariatam-bahoaka niandraikitra ny ati-tany kosa ny fitantanana azy ireo. Nanao ezaka lehibe tokoa ny Komisariatam-bahoaka ho fandaminana ny fihetsiketsehan' ireo Sovieta (filan-

kevitra) an-toerana. Nanomana Fanambarana tamin' ireo Filan-kevitry ny solombavambahoakan' ny tantsaha, miaramila sy mpiasa izy io tamin' ny volana desambra 1917, izay "Mikasika ny fandaminana ny fitondrana mizaka tena an-toerana" sy nampahafantatra fa "ny Sovieta izay tokony hampilefitra aminy ny sampan-draharaha rehetra manandanja na ara-pitondram-panjakana na ara-piharian-karena, na ara-bola sy ara-panolokoloana amam-pampianarana izany, no sampana an-toeran' ny fitondrana an-toerana".

Nanome toro-làlana lehibe tokana ny Komisariatam-bahoaka niandraikitra ny atitany teo amin' ny fifandraisana tamin' ireo sampan-draharaham-pitantanana an-toerana tranainy: "Tsy tokony hanana toerana intsony ireo fitondrana mizaka tena an-toerana any an-tanàn-dehibe sy any ambanivohitra amin' ny fisian' ny Sovieta. Tokony ho montsanina any amin' ireo toerana izay misy ireo fitondrana mizaka tena tsy antsika sy anoheran' izy ireo ny fitondrana Sovietika ireo fitondrana mizaka tena ireo, ary tokony hitambatra amin' ny Sovieta izy ireo any amin' ny toerana iasany miaraka aminy mba tsy hisian' ny sampana roa mitovy mitantana asa izay tsy inona fa iray ihany". Nampitsahatra ny fihetsiketsehany ireo sampan-draharaham-pitantanana an-toerana tranainy tamin' ny taona 1918.

Nanamafy ny rafitry ny Sovieta ho toa ny sampan-draharaham-pitondrana teny an-toerana ny Lalam-panorenana Sovietika voa-

lohany tamin' ny taona 1918. Nihetsiketsika ireo Filan-kevitry ny solombavam-bahoakan' ny mpiasa, tantsaha sy miaramila, tany amin' ny distrikan' ambanivohitra sy ny faribohitra ary ny faritany. Fahefana feno toa izao manaraka izao no tanan' izy ireo araka ny Lalampanorenana: ny fanatanterahana ny lalàna rehetra navoakan' ireo sampana ambonin' ny fitondrana Sovietika; ny fandraisana ny fepetra rehetra amin' ny fanatontosana ny fananganana ara-panolokoloana sy ara-piharian-karena eo amin' ny faritaniny; ny fizahana ala-olana ny fanontaniana rehetra manan-danja an-toerana madiodio; ny fanakambanana ny fihetsiketsehana sovietika manontolo eo amin' ny faritry ny velarantaniny. Nitari-tolona handresena ny fahavalon' ny revolisiona ny Sovieta an-toerana. Nanatontosa ny fitandroana ny filaminana ara-piarahamonina sy nitantana ny sampampanaraha-maso ataon' ny mpiasa teny an-toerana izy ireo. Niasa teo anivon' izy ireo koa ireo sampana ara-toekarena. Nanaporofo izany rehetra izany fa voatanteraka marina tokoa ny teny faneva manao ho "Omeo ho an' ny Sovieta ny fitondrana manontolo".

Noheverina ho toa ny tsy fiankinan-doha tanteraka ny fitondrana an-toerana tamin' ny fitondrana amin' ny foibe koa io teny faneva io tamin' ny toe-javatra sasantsasany, ary tena niroborobo tokoa io tsy fiankinandoha an-toerana io. Nipoitra ny "repoblika" sy ny "kaomina" an-toerana ary ireo fanorenana tsy miankin-doha. Toa izao no nambaran'

i V. I. Lénine, fony izy nitsara io fotoanan' ny fihetsiketsehan' ny Sovieta an-toerana io: "Ny teny baiko hoe "Omeo ho an' ny Sovieta ny fitondrana manontolo", dia nitondra tamin' ny hoe te ho tonga teo amin' ny ohatry ny fananganana ara-panjakana tamin' ny alàlan' ny fahadisoan' ny tenantsika isika. Nilaina sy toa nitera-boka-tsoa tokoa ny fotoana teteza-mita toa izany. Nety sy tsara betsaka tokoa teo amin' io fiezahana io ny fandehanana nankamin' ny fisaratsarahana, izany hoe ny fiezahana mankamin' ny fanorenana"[1].

Lazain' i Lénine koa fa ny fananganana ara-panjakana irery ihany no "mety ahazo ny fiantsoana hoe sosialista, izay hajoro araka ny drafitra vaventy ankapobe amin' ny fiezahana mampiasa amim-pitovian-tantana ny zava-tsarobidy ara-toekarena sy ara-piharian-karena".

Toa izao no nomarihin' ny Komisarim-bahoaka miandraikitra ny ati-tany momba izany: "...nihanaka teo an-daharana manontolon' ireo "repoblika" izay toa hoe tsy mifampiankin-doha teny amin' ny distrikan' ambanivohitra sy faribohitra ary faritany, niaraka tamin' ireo "filan-kevitry ny komisarim-bahoakany" avy teo amin' ny toeran' ny komity mpanatanteraka an-toerana, i Rosia sovietika tamin' ny fotoan' andro voalohany nandresen' ny revolisiona". Torolàlana manaraka izao noho izany no nomeny

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 37, p. 21.

mba hisorohana ny fanaovan-javatra toa izany: "Tokony ho voarakotry ny fikambanana sovietika ny firenena manontolo... Mizaka tena tanteraka... ny tsirairay amin' ireo fikambanana ireo eo amin' ny fanontaniana an-toerana, saingy mampifanaraka ny fihetsiketsehany amin' ny didy sy lalàna avoakan' ny fitondrana foibe sy ny lalàna ataon' ireo fikambanana sovietika ambonimbony kokoa izay misy azy kosa izy. Voatsangana araka izany ny fampandehanan-draharaha mitovy endrika sy miray tsara — ny Repoblikan' ny Sovieta".

Lasa nampihatra marina ny sori-dàlana tamin' ny fananganana ny rafitra tokan' ny fandaminana sy ny fihetsiketsehan' ireo Sovieta sy ny sampana mpanatanteraka (komity mpanatanteraka) an-toerana ny fitondrana Sovietika. Ny rafitra toa izany ihany no nahafahana nanambatra sy nanetsika an' ireo hery rehetra ho amin' ny tolona hanoherana ny fahavalo teto an-toerana sy avy tany ivelany tamin' ny fepetry ny ady antrano sy ny fitsofohana avy teny ivelany.

Tamin' ny nanamafisany ny endrika mitovy teo amin' ny fihetsiketsehan' ny Filankevitra no nampidiran' ny kongresy faha-VII-n' ny Sovieta manerana an' i Rosia manontolo ny rafitra tokan' ny sampana mpanatanteraka tamin' ny volana desambra 1919. Natsangana teo amin' ny komity mpanatanteraky ny Sovieta ara-paritany ny sampana miandraikitra ny fanontanian' ny: 1) fitantanana, 2) miaramila, 3) fitsarana,

4) asa sy fiantohana ara-tsosialy, 5) fampianaram-bahoaka, 6) paositra sy ny fifandraisana, 7) vola, 8) fambolena, 9) hanin-kohanina, 10) fanaraha-maso ataon' ny fanjakana, 11) Filan-kevitry ny toekarem-bahoaka, 12) fahasalamana, 13) fanisana, 14) vaomiera manokana, 15) fitondrana ny tanàna. Najoro teo anivon' ny komity mpanatanteraka araparibohitra ireo sampana ireo afa-tsy ny paositra sy ny fifandraisana ary ny fitsarana sy ny Vaomiera manokana.

Filoha anankiray izay niditra na tsy niditra ho mambran' ny komity mpanatanteraka no nitarika ny sampana tsirairay. Najoro teo amin' ny filoha ny fiaraha-mitantandraharaha. Napetraka tamin' ny filoha izay mitondra an' io sampana voalaza io araka ny foto-kevitry ny fitantanan-draharaha iombonana ny hafenoana manontolon' ny andraikitra tamin' ny fihetsiketsehan' ny sampana. Izy tokana no nandray ny fanapahan-kevitra momba ny fanontaniana mikasika ny fihetsiketsehan' ny sampana; afaka mitory ny filoha tany amin' ny komity mpanatanteraka ny fiaraha-mitantan-draharaha raha toa izy ka tsy manaiky ny fanapahan-keviny.

Nitoetra teo ambanim-pahefana roa loha ireo sampana ireo hatrany am-boalohany nanorenana azy ireo: nilefitra tamin' ny komity mpanatanterany sy tsy maintsy nanatanteraka an' ireo baiko sy didin' izy io izy ireo tamin' ny lafiny iray ara-endrika mitsivalana, ary tamin' ny Komisariatambahoaka mifanaraka aminy kosa amin' ny

lafiny hafa ara-endrika mitsangana. Ny sampan' ny fambolena ohatra nilefitra tamin' ny Komisarim-bahoaka miandraikitra ny fambolena, ets... Nampiseho tsara tanteraka ny fahamendrehany ny fahefana roa loha ileferan' ireo sampam-pitantanana teo amin' ny rafitry ny Sovieta an-toerana, ary mbola misy izy io amin' izao fotoana izao. Mampizotra tsara ny fitambarana eo amin' ny fitondrana ara-tsampana sy mamela ny sampandraharaha an-toerana handray finiavana sy hanana fizakan-tena tsy miankin-doha eo amin' ny fizahana ala-olana an' ireo fanontaniana mifandraika tsara amin' ny fitantanantsampana ny fandaminam-pihetsiketsehan' ny sampan-drantsam-pitantanana toa izany. Nanafoana ny fisitahan' ireo sampana an-toerana izay nisy tamin' ireo volana voalohany nandresen' ny revolisiona ary koa namela ny fitondrana Sovietika hanatontosa teny an-toerana ny fananganana ara-pomba sosialista ny fahefana roa loha ileferana.

Nohamafisina ny Lalàna momba ny Sovieta ny tanàn-dehibe ileferan' ny eny amin' ny faribohitra sy faritany ary koa ny Lalàna mikasika an' ireo Sovieta ara-paritany sy ny komity mpanatanterak' izy ireo tamin' ny taona 1922. Ny kongresy an-toeran' ny Sovieta no sampan-draharaha ambonin' ny fitondrana eo amin' ny faritra nisy azy. Nandinika sy nizaha ala-olana ireo fanontaniana an-toerana rehetra sy niady hevitra ary nanatanteraka ireo fihetsiketsehana arapanjakana ankapobeny izy ireo. Ny komity

mpanatanteraka no sampan-draharaham-pitondrana teny an-toerana teo amin' ny fotoana nanelanelana ny kongresy. Ho fahitana ala-olana ireo fanontaniana tsirairay amin' ny fiainana an-toerana, dia natsangana teo amin' ny komity mpanatanteraka ireo sampana izay nety niova arakaraka ny filàna an-toerana ny isany.

Ny toe-draharaha an' ady sy ny fahavana ara-toekarena ary ny toerana sarotra ara-materialy nisy ny sarambabem-bahoaka: tsy fahampian' ny hanin-kohanina, ny akanjo fitafy, ny kiraro sy ny trano fonenana, dia nanana fiantraikany tamin' ny fihetsiketsehana ara-politikan' ny vahoaka mpiasa. Nihena betsaka kosa izany tamin' ny fanatonana ny taona 1920-1921, ary hita taratra tsara indrindra indrindra teo amin' ny fandraisan' ny mpiasa anjara teo amin' ny asan' ny Sovieta an-toerana.

Lavorary tamin' izany ireo fepetra momba ny fanatsarana ny asan' ny Sovieta nantsoina tamin' ny hoe "fameloma-maso" ny Sovieta. Najoro tany amin' ny Sovieta sy komity mpanatanteraka ary ireo sampana rehetra ny fikambanana mitambaben' ny mpiasa: ny rantsana, ny komity, ny fivoriana ary ny hafa sisa. Nitana toerana lehibe tamin' ny fanondrotana ny fihetsiketsehana ara-politikan' ny sarambabem-bahoaka ireo fampielezan-kevitra ara-pifidianana mikasika ny fifidianana ho ao amin' ireo Sovieta an-toerana ireo. Nanamafy ny asany tamin' ny fisintonana marina an' ireo sarambabem-

bahoaka hankeo amin' ny fitantanana ny fanjakana ny Antoko Kominista sy ireo fikambanana ara-piarahamonina. Nihetsiketsika fatratra ny asan' ireo fikambanam-behivavy. Lasa niandraikitra bebe kokoa an' ireo fanontaniana momba ny fananganana ara-panolokoloana sy ara-piharian-karena ireo Sovieta an-toerana sy ireo sampana mpanatanteraka eo aminy.

Ny fanovàna ny fandaminana ara-paritany sy ara-pitondram-panjakana izay mizara ny faritanim-pirenena ho singany ara-pitantanana voafaritra tsara no zava-nanan-danja tamin' ny fanatsarana ny rafitry ny sampana an-toerana manontolo.

Natokana ho fanatanterahana an' ireo adidy ara-bola sy ara-pitondram-panjakana teo amin' ny fitondran' ny "tsar" fotsiny ihany ny fizarana ara-paritany sy ara-pitondram-panjakana nisy teo amin' i Rosia tranainy. Noheverina ho amin' ny fitondrana olona fotsiny ihany fa tsy niandraikitra mihitsy ny fanontaniana momba ny fandaminana ara-toekarena izy io.

Voapetraky ny pratikan' ny fananganam-panjakana ara-pomba sovietika ny fanontaniana momba ny fanovàna ny fizarana ara-paritany. Nipoitra teny an-toerana ny fahasarotan-draharaha tamin' io fanontaniana io, ary nilaina tokoa ny nahitana ala-olana azy ireny. Izany rahateo no nanamafisan' ny governemanta Sovietika ny fananankerin' ny fizarana ara-pitondram-paritany tranainy sy ny nampidirany ny lamina vao-

vaon' ny fanovàna ny sisin-tanin' izy ireo tamin' ny alàlan' ny didy navoakany tamin' ny 9 febroary 1918 "Momba ny lamim-panovàna ny sisin-tanin' ny faritany sy ny faribohitra ary ny distrikan' ambanivohitra" tamin' ny tsy nahitany ala-olana tanteraka an' io problema io. Natolotra tanteraka ny Sovieta an-toerana amin' izao fotoana izao ny fanontaniana rehetra mikasika ny fanovàna ny sisin-tanin' ny faritany sy faribohitra ary ny distrikan' ambanivohitra. Nifototra tamin' ny fitsinjaram-pahefana ny fitantanana sy ny fizakan-tena midadasiky ny sampana an-toerana ny lamina voalaza io. Tsy azo ekena ho mifanentana tsara amin' ny fepetra mahazatra ny lamim-panovàna ny fizarana ara-pitondram-paritany toa izany, saingy nety kokoa anefa izany tamin' io fotoana io.

Natomboka ny fizoran' ny fizarana tampo-tampoka teo ny distrikan' ambanivohitra ho toa ny singany ambany ara-pitondram-paritany, izay nahakasika tokoa ny tombon-tsoan' ny tantsaha. Nahazo vahana tokoa io fizaran-draharaha io, ary tsy azo nosakanana tamin' ny alàlan' ny didy sy taratasy naelin' ny sampam-pitondrana amin' ny foibe izy io.

Niato io fizoran-draharaha io tamin' ny fepetry ny ady an-trano sy ny fitsofohana avy teny ivelany izay niteraka ireo foto-pitantanana ara-poibe. Nanome andraikitra ny Komity Mpanatanteraka foibe manerana an' i Rosia manontolo handavorary ny fanontaniana momba ny fizarana ara-

pitondram-panjakana sy ara-piharian-karena an' i R.F.S.S.R. ny kongresy faha-VII-n' ny Sovieta manerana an' i Rosia (desambra 1919). Niainga avy tamin' ny fiheverana ny tombontsoa ara-toekaren' ny mponina sy ny firenena tamin' ny ankapobeny ny fitondrana Sovietika, hatrany am-piandohan' ny fizahana ala-olana an' io fanontaniana io, araka izany.

Nanangana Vaomiera ara-pitondrana izay nomeny andraikitra tamin' ny fandavorariana ny foto-kevi-pizarana sy ny fitarihan-draharaha momba ny fampijoroana an' ireo singany ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany vaovao ny F.M.R. tamin' ny nanatontosany ny fehin-kevitry ny kongresy faha-VII-n' ny Sovieta. Nohamafisin' ny K.F.M.R. ireo "Hevitra ara-pototry ny fampijoroana ny sisin-tanin' ny faritany ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany" tamin' ny volana marsa 1921. Natoetra teo am-pototry ny fizarana vaovao koa ireo mari-pamantarana toa ny fampitambarana ny indostria sy ny fironan' ny mponina hankeny amin' ny foibe ara-indostrialy, ary ny làlan-kizorana amantoetry ny làlam-pifamoivoizana sy ny isambahoaka ary ny olona ara-pirenena.

Nanafaingana ny fahitana ala-olana ny fanontaniana momba ny fizarana ny firenena ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany ny fananganana ny Vaomieram-panjakana momba ny teti-pivoarana na "Gosplan" tamin' ny volana febroary 1921, satria teo am-pototry ny fizaràna vaovao izay nihe-

vitra tsara an' ireo toe-javatra ara-toekarena ihany no nety nampahomby ny fihetsiketsehan' izy io.

Foana ny faritany ary nananganana an' ireo faritany sy faritany nanodidina teo amin' ny toeran' izy ireo tamin' ny fizoran' ny fihitana nankamin' ny fizaràna ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany vaovao. Singa ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany vaventy mitana ny ampahan' ny faritry ny repoblika tafaray sy foibe manan-danja ara-toekarena izy ireo. Foana toa izany koa ny faribohitra sy ny distrikan' ambanivohitra. Ny faritany no lasa singany ambany ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany.

Nizotra nandritra ny 13 taona, izany hoe nanomboka tamin' ny taona 1917 ka hatramin' ny taona 1930, ny fizoran' ny fanamontsanana ny fizarana ny firenena ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany tranainy ny fananganana ny vaovao. Tsy tontosa avy hatrany io fihetsika izay mitaky fiezahan' ny sampan-draharaham-panjakana maro dia maro.

Naneho fankasitrahana ny fanamboarana ny fizaràna ny firenena ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany ny kongresy faha-XVI-n' ny antoko (1930), izay nahatsikaritra fa manafaingana marina tokoa ny fananganana ny indostrian' ireo faritany sy faritra manodidina ary ireo repoblika ara-pirenena tratra aoriana teo aloha, ary mampijoro any an' ireo foibe ara-indostrialy sy proletariana sy manamora bebe kokoa ny fitsin-

jarana marina sy araka ny tokony ho izy ny indostria sy ny fambolena eo amin' ny faritanin' ny Firaisana Sovietika ny fanatontosana azy.

Nanatontosa asa lehibe momba ny fampiroboroboana sy ny fanatsarana ny sampana an-toeran' ny fitantanana, izay toa ny sampana mampifandray marina ny fahefana vaovaon' ny Sovieta amin' ny mponina, ny fitondrana Sovietika tamin' ny fotoana teteza-mita. Fepetra lehibe nanan-danja teo amin' ny fanatsarana ny fitantanam-panjakana sovietika manontolo, izay niantoka ny fanatanterahana an' ireo adidy lehibe tamin' ny fananganana ny fiaraha-monina sosialista ny rafitra voalaza mikasika ny sampan-draharaha an-toerana sy ny fizarana ara-pitondram-panjakana sy ara-paritany natao.

2. Ny fiforonana sy ny firoboroboan' ny asam-panompoam-panjakana sovietika

Ny asa ifanaovana amin' ireo kadra no tena zava-manan-danja eo amin' ny fananganana sy fampiroboroboana ary ny fanatsarana ny sampam-pitantanam-panjakana. Napetraka teo am-pototry ny asam-panompoam-panjakana sovietika ny toro-marika nataon' i Lénine mikasika an' ireo kadran' ny milim-panjakana sovietika sy ny fitondrana azy ireo. Nomarihin' i V. I. Lénine teo an-danin' izany fa azo atao ny fandresen' ny rafitra sosialista raha toa "mampijoro endrika

ahafahan' ny mpiasa rehetra miroso mankeo amin' ny raharaham-pitantanam-panjakana sy ny fananganana ny fandaminana ara-panjakana"[1] ny kilasin' ny mpiasa. Azavainy ao amin' ny asa sorany antsoina hoe "Ireo adidy maikan' ny fitondrana Sovietika", fa "tsy hatrany am-piterahan' ny olona akory ny zava-kantom-pitantanana fa azo avy amin' ny alàlan' ny ohatra... tsy nanana an' io ohatra io isika"[2]. Voatery nampiasa ireo manampahaizana manokana "bourgeois" tranainy isika noho ny havitsian' ny olona mahay manoratra sy mamaky teny izay azo notarihina avy hatrany hankeo amin' ny asa tao amin' ireo sampam-pitantanam-panjakana teo anivon' ny mpiasa sy ny tantsaha.

Efa talohan' ny volana Oktobra sy taorian' ny fandresen' ny revolisiona no nanambaran' i V. I. Lénine matetika ny momba ny tsy fahazoana mihataka fotsiny amin' izao amin' ny asan' ireo manampahaizana manokana eo amin' ny fananganana sy ny fampiroboroboana ny rafitra ara-piarahamonina sy ara-panjakana. Toa izao no nosoratany teo an-katoky ny volana Oktobra: "Mpandamina tsara ny raharahan-tranom-bola sy ny fampiraisana an' ireo orinasa no tena ilaintsika... injeniera sy agronoma, ary teknisiana sy manampahaizana manokana ara-tsiansa nahazo fampianarana tsara amin' ny karazana rehetra maro no ilaintsika..."[3].

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 37, p. 444.
[2] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 36, p. 177.
[3] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 34, pp. 311-312.

Ny tanjona tratrarin' ny fitondrana vaovao tamin' ny fiaraha-miasa tamin' ireo manampahaizana manokana ka isan' izany ny teo amin' ny sehatry ny fitantanam-panjakana no namoha ny maro tamin' izy ireo hifindra hankamin' ny fiaraha-miasa amin' ny fitondrana Sovietika ary niteraka vokany lehibe tamin' ny fizoran' ny fotoana.

Nirona nankamin' ny fitantanam-panjakana ny solontena an-dohalaharan' ny mpiasa tamin' ireo andro voalohany nandresen' ny revolisiona sosialista.

Naroso ireo mpandamina mpahay avy amin' ny mpiasa sy ny tantsaha. Niasa nanao tongotra niara-namindra sy soroka niaranilanja ireo manampahaizana manokana tranainy "bourgeois" sy ireo kadra tanora maitso volo avy tamin' ny mpiasa sy tantsaha teo amin' ny milim-pitantanana sovietika vaovao tamin' ny vokatr' izany.

Nanaiky avy hatrany ny fitondrana Sovietika ary lasa niasa tamim-pahavitrihana fatratra teo amin' ny milim-pitantanana sovietika vaovao ny ampahan' ny mpiasa teo amin' ny milim-panjakana "bourgeois" tranain' i Rosia. Tsy vitsy tamin' izy ireo ny olona azo tokiana sy nampiseho fahamendrehana tsara no nanolotra ny ohatra sy ny fahaizany azony tamin' ireo mpiasa sy tantsaha tonga voalohany teo amin' ny asa ao amin' ny milim-pitantanana.

Sarotra kokoa ny fipetraky ny raharaha tamin' ny ambaratonga avon' ireo mpiasam-panjakana teo amin' ny milina tranainy,

izay tsy nanaiky ny fitondrana Sovietika ary nanohitra azy mihitsy aza raha ny tena marina. Tsy maintsy nopotehina ny fanoheran' ireo mpiasam-panjakana ireo ary noterena hiasa amin' ny faritra vaovao ara-pandaminana sy ara-panjakana izy ireo.

Nantsoina ho mpandrava efa ireo mpiasa mandray anjara tamin' ny fitokonana ara-politika sy nitsipaka ny fanekena ny fitondrana Sovietika. Nampijoro ny fifandraisany tamin' ireo mpiasa ireo ny repoblika Sovietika. Nesorina tamin' ny andraikiny ireo tsy namonjy ny asany. Noho ny tsy fahavitsian' ireo mpandrava efa, fa indrindra ireo manampahaizana hikoizana izay tena nilain' ny fitondrana Sovietika mafy tokoa, dia nomena fahefana feno ireo komisariatam-bahoaka handray amin' ny asa ao anatin' ny lamina ireo mpandrava efa izay milefitra tamin' ny fitondrana Sovietika sy tena nilaina tokoa teo amin' ireo sampan-draharaha nifanaraka taminy.

Tsy nekena ary mbola tsy ekena eo amin' ny firenena Sovietika na oviana na oviana ny tsy fombana na ny atsy na ny aroa nataon' ny mpiasam-panjakana. Toa izao no nambaran' i V. I. Lénine nikasika izany: "Fiendahana tanteraka amin' ny lamin-kevitry ny "tsy fombàna na ny atsy na ny aroa" ...ataon' ny mpiasa... Fanazavana amin' ny sarambabem-bahoaka ny fahamarinana... fa fitaka ataon' ny "bourgeois" na fihatsarambelatsihy, sy midika ny fileferana *manaraka ambokony* amin' ny "bourgeoisie" ny antsoina

hoe "tsy fombana na ny atsy na ny aroa..."[1]. Manan-kery hatrany am-panombohan' ny revolisiona sosialista ny foto-kevitry ny fifampitokiana ara-politika izay mampisoritra mazava tsara fa na manana antoko na tsia, ka tokony hanana fetra ilaina amin' ny fahatsiarovantena ara-politika sy ahatakatra tsara ny politikan' ny antoko ary hanatanteraka izany eo amin' ny fihetsiketsehan' ireo sampam-pitantanana ny mpiasam-panjakana tsirairay eo amin' ireo sampan-draharaha sovietika.

Najoro teo amin' ny fototra sosialista vaovao ny fanompoam-panjakan' ny repoblika Sovietika. Ny didy nataon' ny K.M.F.R. sy ny Filan-kevitry ny Komisarim-bahoaka mikasika ny fanapotehana ny ankolafin' olona sy ny anaram-boninahitra sivily, izay noraisina tamin' ireo andro voalohany nandresen' ny revolisiona, no nametraka ny fototr' izany. Nopotehana ireo ankolafin' olona nisy rehetra teto Rosia, sy ny fizaràna ara-ankolafin' olona ny olom-pirenena, ny tombontsoa sy fameperana ara-ankolafin' olona ary ny fikambanana sy sampan-draharaha ara-ankolafin' olona sy ny anaram-boninahitra sivily rehetra. Fiantso tokana iombonana no najoro ho an' ny mponina manontolo teto Rosia, dia ny olom-pirenen' ny Repoblika Rosiana izany.

Toa izao avy ireo foto-kevi-dehihen' ny asam-panompoam-panjakana sovietika: fifi-

[1] V. I. Lénine, Asa soratra feno, b. 30, p. 203.

dianan' ny vahoaka na ny sampan-draharaha mpisolo azy, toa ny Sovieta izany, eo amin' ny asa manan-danja bebe kokoa, ny fandraisana andraikitra, ny fanaovana tatitra sy ny fanalàna an' ireo mpiara-miasa na inona na inona andraikitra sy toerana tànany. Izany no tsy mety hampisy ny faharetan' ny asam-panompoam-panjakana eo amin' ny fiarahamonina sovietika.

Nampitoviana lenta tamin' ireo mpiasa rehetra ny mpiasam-panjakana sovietika teo amin' ny sehatry ny fiantohana ara-tsosialy. Nandavorary ny lamim-panoloana an' ireo asam-panjakana sy nampijoro ny haben' ny fandoavan-karaman' asa ho an' ny mpiasam-panjakana teo amin' ireo sampan-draharaha sovietika ny governemanta sovietika.

Noraisina teo amin' ny asa ny mpiasam-panjakana rehetra taorian' ny fe-potoana ara-pitsapana naharitra roa herinandro, ary noraisina ho kadra tao amin' ireo sampan-draharaha kosa ireo mpiasam-panjakana nitana toerana feno andraikitra iray volana taorian' ny andro nidirany hiasa. Afa-nandingana an' io fitsipika io ny toe-java-manokana araka ny fanapahan-kevitra noraisin' ny lehiben' ny sampan-draharaha voalaza eto io.

Najoro ny lalàna sy didy ary lalàm-panorenana hafa momba ny fandaminana ny toerana an-dalàna nisy ny mpiasam-panjakana. Izany no nitana toerana manokana tamin' izy ireo ny "Fitsipika vonjimaika momba ny asam-panompoana teo amin' ny sampan-draharaha sy orinasa sovietika", izay

nanamafisin' ny didy nataon' ny F.K.B. tamin' ny 21 desambra 1922. Nanambatra teo aminy an' ireo lalàna rehetra nisy teo aloha teo amin' ny Filan-kevitry ny Komisarim-bapanjakana sy nanan-kery nandritra ny fotoana teteza-mita manontolo izy ireo na dia nantsoina tamin' ny hoe "vonjimaika" aza. Nampiharihary ny fahavelomany sy ny filàna azy izy ireo.

Araka ireo Fitsipika dia nivoha ho an' ny olom-pirenena sovietika rehetra na lahy na vavy, na inona fihodirany sy fiaviany ny fandehanana teo amin' ny asam-panompoam-panjakana. Nomarihin' ireo lalàna dieny nialoha, fa tsy mety ho voaray eo amin' ny asam-panompoana sy tsy afaka hijoro eo amin' ny asam-panompoam-panjakana ireo olona izay voararan' ny didim-pitsarana ny asam-panompoany eo amin' ireo orinasa sy sampan-draharaha voatanisa ireo.

Isan' ny lehibe tokoa ny fitsipika nandrara ireo mpihavana, izany hoe ireo olona tafaray noho ny rohim-pihavanana na ny mahampiray tampo akaiky azy ireo teo amin' ny asam-panompoam-panjakana tao amin' ny sampan-draharaha na orinasa iray, raha toa nifandrohy tamin' ny fahambaniam-pitantanana sy ny fanaraha-mason' ny hafa iray tamin' izy ireo ny anankiray taminy. Nisy toe-javatra manokana natao tsy voakasik' io fitsipika io ho an' ireo mpiasam-panjakana mitana toerana ambanim-pifehezana na ambany fanaraha-maso noho ny fifidianana,

izany hoe afaka miasa eo amin' ny toerana ara-pifidianana ny mpihavana.

Nahatra tamin' ireo mpiasam-panjakan' ny ambaratonga rehetra teo amin' ny milimpanjakan' ny firenena ireo fitsipika vonjimaika, ka isan' izany na ny teo amin' ireo sampana sy sampan-draharaha an-toerana sy amin' ny foibe, toa ny an-tanàn-dehibe sy tany ambanivohitra, na ny sampam-pitantanana ary ny sampam-pitsarana sy ny fampanoavan-dalàna. Nahasahana ny rehetra ny fananan-kerin' izy ireo. Nitovy lenta ny fikasihan' izy ireo ny mpitondran' ny sampana sy ny sampan-draharaha ary ireo manampahaizana manokana miasa ao amin' ireny sampana sy sampan-draharaha ireny.

Nojerena mialoha tamin' ny alàlan' ireo fitsipika ireo ihany koa fa voarara tsy ho mpandray anjara ao amin' izay mety ho orinasa ara-barotra na ara-indostrialy manokana ny mpiasam-panjakana sy mpiasa mitovy lenta aminy amin' ny alàlan' ny olona mpanelanelana na ny tenan' izy manokana. Voararan' izy ireo ihany koa ny fampanaovana sy fanomezan-javatra ary ny fandraisana anjara eo amin' ny fifanekena amin' ny fampanofana ara-indostrialy sy izay mety ho endrika mampiseho fitsabahana amin' ny sampan-draharaha sy orinasam-panjakana manana endri-barotra. Voarara toa izany koa izy ireo tsy ho mpanelanelana eo amin' ny asan' ny sampan-draharaha sy ny orinasa izay anaovan' izy ireo, izany hoe ireo mpanelanelana, ny asam-panompoana.

Nahitam-panafany tamin' ny alàlan' ny fitsipika ihany koa ny fanontaniana momba ny fisahanana asa miaraka, izany hoe ny fanaovan' ny mpiasa asa miaraka amin' ny fotoana iray any amin' ny sampan-draharaha na orinasa roa na mihoatra. Nihanaka fatratra tokoa ny fiandraiketan' asa miaraka tamin' io fotoan' andro io noho ny tsy fahampian' ny kadra nanam-pahaizana tsara. Efa hatramin' ny taona 1919 no voajoro ny lalàna nataon' ny Filan-kevitry ny Komisarimbahoaka momba ny fanaovana asa miaraka indray manao izay mampandeha ny fanaovana asa miaraka teo amin' ny ankamaroan' asa.

Noraran' ny fitsipika ny fanaovana miaraka ny asam-panompoam-panjakana tamin' ny asa any amin' ireo sampan-draharaha na orinasa manokana. Saingy nomena alàlana kosa ny fanaovan' ny solontenan' ny governemanta ny asa tao amin' ireo filan-kevitra sy fitondrana ary ny sampana ara-panarahamason' ny fikambanana mpanana anjara izay najoro tamin' ny fandraisan' ny renivolam-panjakana anjara. Marina tokoa fa azo lazaina ho tsy naharitra ela ireny fikambanana ireny. Foana izy ireo raha vao nanamafy tsara ny toerany ny sampan-toekarempanjakana.

Lamina manokana momba ny fanaovana asa miaraka no najoro ho an' ireo mpiasa nanan-jo hanome toro-hevitra tsy maintsy atao ho an' ireo mpiara-miasa, izany hoe ho an' ireo solontenam-pitondrana. Ny mpanao raharaham-pisafoana sy ny olona fakàna

toro-hevitra teo amin' ny Raharaham-pisafoan' ny Mpiasa sy Tantsaha ary ny mpanao raharaham-pisafoana sy ny olon' ny Filankevitry ny Komisarim-bahoaka miandraikitra ny raharaham-bola eo amin' ny hetra ary koa ireo mpanadim-bahoaka sy ireo mpitsaran' ny fitsarana amin' ny sokajiny rehetra, sy ireo mpiara-miasa ao amin' ny fanaraha-maso ara-pampanoavan-dalàna sy ny mpiara-miasa ao amin' ireo sampan' ny filaminam-panjakana, no niditra tao amin' io sokaji-mpiasa io. Navela hanao asa miaraka izy rehetra ireo teo amin' ny faritry ny sampan-draharaha nisy azy avy araka ny fahazoan-dàlana manokana nataon' ny mpitondra ny sampan-draharaha tamin' ny fisehoan-javatra tsirairain' ny fanaovana asa miaraka.

Didy an-dalàna lehibe mandamina ny asam-panompoam-panjakana sovietika ny fitsipika vonjimaika momba ny asam-panompoana teo amin' ny sampan-draharaha sy orinasam-panjakana izay novana sy notovonana tamin' ny alàlan' ireo fepetra mazava tsara. Nitana toerana nanan-danja teo amin' ny fampiroboroboana ny sehatr' asam-panompoam-panjakana sovietika sy teo amin' ny fanatsarana ny milina sovietika teo amin' ny fitantanam-panjakana izy ireo.

Nipoitra nateraky ny fanapotehana ara-revolisionera ny milim-pamoretan' ny fanjakana "bourgeois", ny sampam-pitantanam-panjakana sovietika ary ara-pototra karaza-milim-panjakana vaovao ara-tantara — milina tena ho an' ny vahoaka marina araka ny mpikambany ara-kilasy sy araka ny asany ara-piarahamonina.

Nampiseho ny revolision' ny Oktobra fa tsy mizaka ao anatin' ny fotoana iray, tsy toe-javatra ara-mekanika, ny fanapotehana ny milim-panjakana taloha sy ny fanan-ganana ny sampam-pitantanana sosialista vaovao fa fizoran-javatra maharitra sy sarotra izy io, ao anatin' ny làlana mbola ampiasana ny singa sasantsasan' ny milim-panjakana taloha, indrindra ny ara-toekarena, ara-panolokoloana sy ara-panabeazana ara-pampianarana ary ny sampan-draharaha hafa.

Niforona tamin' ny fototry ny foto-pianarana marksista-leninista mikasika ny fanjakana sy ny lalana, tamim-piheverana ny fepe-pandrosoana ara-piarahamonina sy ara-toekaren' ny fanjakana Sovietika nandritra ny foto-

ana teteza-mita. Nantefa tamin' ny fiarovana ny revolisiona sosialista sy ny tombontsoan' ny sarambabe-mpiasa ny asany manontolo.

Notanterahina tao anatin' ny fototra ara-demokratika malalaka sy teo am-pisarihina ny vahoaka mpiasa ho tamin' ny fitantanana ny toekarem-pirenena sy ny fanjakana, ny lamina sy asan' ny sampam-panjakana sovietika, na teo aza ny adin-kilasy, ny toetry ny fotoana teteza-mita ary ny fisian' ny singa mpitsentsitra teo an-drenivohitra sy ambanivohitra.

Nieritreritra mafy tsy tapaka mikasika ny fanatsarana ny milim-panjakana mifanaraka tamin' ny filàn' ny fepetra ara-tantaran' ny fananganana fiarahamonina sosialista azo tsapain-tànana ny Antoko Kominista sy ny Governemanta sovietika. Niteraka endri-pananganana sy fomba fiasa vaovaon' ny sampan-pitantanana, ny fifandraisana tamin' ny vahoakan' ny mpiasa.

Ianaran' ny manam-pahaizana, olom-panjakana sy mpiasa ara-pratika tsy eo amin' ny Firaisana Sovietika ihany fa any amin' ny firenena maro hafa, ao anatin' izany ny firenena an-dàlam-pandrosoana, ny oha-pananganana sy ny fandrosoan' ny sampam-pitantanam-panjakana sovietika nandritra ny fotoana teteza-mita. Tena sarobidy tokoa izany ohatra izany ho an' ireo izay miezaka eo amin' ny firenena ho amin' ny fanovàna ara-demokratika, ny rariny ara-tsosialy, ny fananganana ny fepetra ho amin' ny fampiakarana ny faritra ara-materialy sy ara-panolokoloan' ny vahoakan' ny fireneny.

FANOROAN-TAKILA

SASIN-TENY 3
Toko I. FANANGANANA NY MILIM-PITANTANAM-PANJAKANA SOVIETIKA 7
1. Fananganana ny governemanta sovietika 7
2. Fiforonan' ny sampam-pitantanana ny toekarem-bahoaka 24
3. Fananganana ny sampan-draharaham-panarahamasom-panjakana 41
4. Fananganana ny sampam-pitantanana ara-piraisana sy ara-repoblika taorian' ny fiforanan' ny Firaisana Sovietika 52
Toko faha-II. NY FAHATERAHANA SY NY FANDROSOAN' NY SAMPAN-DRAHARAHA MIKASIKA NY FIAROVANA NY REVOLISIONA SOSIALISTA 65
1. Fananganana ny Vaomiera manokana manerana an' i Rosia 65
2. Sampan-draharaham-pitantanana ara-miaramila sy fananganana ara-miaramila 75
3. Ny fananganana sy ny asan' ny milisy, ny tribonaly revolisionera, ny fitsarana 89
Toko faha-III. NY FANANGANANA IREO SAMPAN-DRAHARAHAM-PITANTANANA SY NY ASAM-PANJAKANA SOVIETIKA 103
1. Ny fandaminana ireo sampan-draharaham-pitantanam-panjakana an-toerana 103
2. Ny fiforonana sy ny firoboroboan' ny asam-panompoam-panjakana sovietika 115
FEHIN-TENY 125

ИБ № 13968

Редактор русского текста О. М. Дегтярева
Контрольный редактор М. Ю. Шапошникова
Художественный редактор Е. С. Морозова
Технический редактор Л. Е. Шемякина

Сдано в набор 30.05.85. Подписано в печать с РОМ 27.03.86. Формат 70x90/32. Бумага офсетная. Гарнитура Джорнал-Роман. Печать офсетная. Условн. печ. л. 4,68. Усл. кр.-отт. 9,78. Уч.-изд. л. 4,36. Тираж 3690 экз. Заказ № 598. Цена 31 коп.
Изд. № 40228.

Ордена Трудового Красного Знамени издательство "Прогресс" Государственного комитета СССР по делам издательств, полиграфии и книжной торговли. 119841, ГСП, Москва, Г-21, Зубовский бульвар, 17.

Отпечатано на Можайском полиграфкомбинате Союзполиграфпрома при Государственном комитете СССР по делам издательств, полиграфии и книжной торговли.
Можайск, 143200, ул. Мира, 93.